REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

# LALANA laharana faha 2023-007

# MANOVA TANTERAKA NY FEHEZAN-DALANA MOMBA NY HARENA AN-KIBON'NY TANY

**FANAFOHEZAN-TENY**

| | |
|---|---|
| AERP | Fanomezan-dàlana hamandrika vakim-paritra manokana |
| AIEA | Antokon-draharaha iraisam-pirenena momba ny angovo nokleary |
| AMEA | Fanomezan-dàlana momba ny Harena an-kibon'ny tany hanao Fitrandrahana artizanaly |
| BCMM | Birao misahana ny Sora-pananana momba ny Harena an-kibon'ny tany eto Madagasikara |
| CCM | Bokin'andraikitra momba ny harena an-kibon'ny tany |
| CMRM | Vola farafahakeliny tsy maintsy laniana amin'ny Fikarohana Harena an-kibon'ny tany |
| CNM | Komity Nasionaly momba ny Harena an-kibon'ny tany |
| COM | Ivon-toerana momba ny volamena eto Madagasikara |
| CREDOC | Crédit Documentaire |
| CTD | Vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana |
| DTSPM | Haba sy hetra manokana alaina amin'ny vokatra harena an-kibon'ny tany |
| EFB (BFS) | Fandinihana ny fahazoa-manao ara-Banky |
| EIE | Fandinihana ny Fiantraika ara-tontolo iainana |
| FAM | Saram-pandraharahana amin'ny harena an-kibon'ny tany |
| FMISC | Tahirim-bola avy amin'ny harena an-kibon'ny tany anaovana fampiasam-bola ara-tsosialy sy ho an'ny vondrom-bahoaka ifotony |
| GUE | Birao iombonana misahana ny fanondranana |
| ITIE (EITI) | Finiavana ho an'ny fangaraharan'ny asa fitrandrahana harena an-kibon'ny tany |
| LMM | Toeram-pitiliana momba ny harena an-kibon'ny tany eto Madagasikara |
| PE | Fahazoan-dàlana hitrandraka |
| PEE | Fandaharan'asa miantoka ny tontolo iainana |
| PR | Fahazoan-dàlana hikaroka |
| PREA | Fahazoan-dàlana natokana ho an' ny Mpitrandraka mampiasa teknika artizanaly |
| PRSE | Drafitr'asa momba ny fandraisan'andraikitry ny orinasa eo anivon'ny fiarahamonina |
| RSE | Fandraisan'andraikitry ny orinasa eo anivon'ny fiarahamonina |
| SMS | Akora-mineraly Stratejika |
| ZE | Faritra voatokana anaovana tan-tsoroka |

**LALANA laharana faha 2023-007**
**MANOVA TANTERAKA NY FEHEZAN-DALANA**
**MOMBA NY HARENA AN-KIBON'NY TANY**

## FAMELABELARANA NY ANTONANTONY

Ny Lalàna laharana faha 99-022 tamin'ny 19 aogositra 1999 momba ny Fehezan-dalàna mifehy ny Harena an-kibon'ny tany, novan'ny Lalàna laharana faha 2005-021 tamin'ny 17 oktobra 2005 dia fantatra tamin'ny fananany fepetra manome toky amin'ny fangaraharana ny fitantanana ny fandraharahana harena an-kibon'ny tany sy ny famporisihana amin'ny fahatongavan'ny mpampiasa vola vaovao.

Ny fahatsapana dia mampiseho hatreto fa ireo vokatra azo dia ambanin'ny nantenain'ny Fanjakana, ireo Vondrom-bahoaka ifotony, ny vahoaka ary ireo mpandraharahan'ny harena an-kibon'ny tany. Ireo fanomezana tombony nohindrahindraina ho an'ny sehatry ny harena an-kibon'ny tany manitona dia niteraka fihetsika maro miendrika fanararaotana, izay nanimba ny fampiroboroboana faritra maro tsy vaotanisa izay azo heverina fa manan-karena. Fanampin'izany, valo amby folo taona aty aorina ny fanovana tamin'ny 2005, ny Fehezan-dalàna mifehy ny Harena an-kibon'ny tany manan-kery ankehitriny dia lasa nilaozan'ny toetr'andro amin'ny lafiny sasan-tsasany satria tsy mifanaraka intsony amin'ny zava-misy sy tsy mety hanampy ireo vina sy tanjon'ny Fanjakana.

Ny Velirano laharana faha-10 an'Andriamatoa hajaina Filohan'ny Repoblikan'i Madagasikara dia manindrahindra ny fitantanana lovain-jafy sy ny fitandrovana ny loharanon-karena voajanaharin-tsika. Izany dia ho an'ny Loharanon-karena an-kibon'ny tany, izay loharan-karena voajanahary tsy azo havaozina, ka mba hanomezan-daja azy ireo miaraka amin'ny fitandroana ny tontolo iainana sy ny fitandroana ny tombontsoan'ny taranaka ho avy.

Ny politika An-kapoben'ny Fanjakana dia milaza koa fa mba hahatratrarana ireo vinan'ny Fisandratanan'ny Firenena, ireo tondro-zotra sy tanjona etsy ambany:

- ny fampiroboroboana ny fitrandrahana vaventy ;
- ny fanovana ho matihanina ireo mpitrandraka artizanaly ;
- ny fanomezan-danja manokana sy ny fanomezan-daza ny volamena sy ireo vato saro-bidy isan-karazany, amin'ny fametrahana rafitra manokana ho an'izany, indrindra ny Ivon-toerana momba ny volamena eto Madagasikara ;
-

- Ny fametrahana ny toeram-pitiliana natokana ho an'ny harena an-kibon'ny tany manaraka ny fenitra iraisam-pirenena ;
- ny fampiakarana ny fandraisana an-jaran'ny sehatry ny harena an-kibon'ny tany amin'ny harin-karena faoben'ny firenena ;
- ny fanovana ny Fehezan-dalàna mifehy ny Harena an-kibon'ny tany.

Ny Fanjakana dia mihevitra ny hametraka ireo fepetra araka ny ny lalàna ilaina mba ahafahana manatanteraka ireo asa mitondra makany amin'ny fahatratrarana ireo vina voafaritra, izay mirona amin'izany mba hanaovana ny sehatry ny harena an-kibon'ny tany mba ho andry iankinan'ny fisandratan'i Madagasikara.

Araka izany, ny fanovana tanteraka ny Fehezan-dalàna izay anisan'ireo ezaka napetraky ny Governemanta Malagasy, dia mitondra ny valiny mifanaraka amin'ireo olana isan-karazany sy ireo fanamby vaovaon'ny sehatra.

Raha toa ka ny lalàna mifehy ny harena an-kibon'ny tany dia te-hametraka hatrany ireo vahaolana ahazoana tombontsoa iombonana miaraka amin'ny fampitomboana ireo voka-tsoan'ny fandraharahana amin'ny harena an-kibon'ny tany ho tombontsoan'ny maro an'isa, ireo tondron'ny fanovana dia mahakasika ireto tondro-lalana manaraka ireto :

1- ny fanamafisana ny anjara andraikitry ny Fanjakana sy ny Vondrom-bahoakam-paritra Itsinjaram-Pahefana amin'ny fitantanana ny sehatra ;
2- ny fanomezan-danja ny akoran-karena an-kibon'ny tany Stratejika ;
3- ny fiarovana ny zo sy ireo fampiasam-bola amin'ny harena an-kibon'ny tany ;
4- ny fandrindrana ireo tetikasa fitrandrahana harena an-kibon'ny tany miaraka amin'ireo Vondrom-bahoakam-paritra ifotony ;
5- ny famerenana indray ny famaritana ny fepetra mifehy ny fahazoan-dalana hitrandraka harena an-kibon'ny tany sy ny fepetra mifehy ny kariera ;
6- ny fametrahana lamina vaovao sy ny fampidirana amin'ny sehatry ny ara-dalàna ny asam-bolamena, amin'ny alalàn'ny rohim-pamatsiana volamena tompon'andraikitra ;
7- ny fametrahana lamina vaovao amin'ny sehatry ny vato sarobidy isan-karazany ;
8- ny fametrahana fepetra mifehy ny fandoavan-ketra tsy mitanila ;
9- ny fanaovana ho matihanina ireo mpitrandraka harena an-kibon'ny tany artizanaly teratany ;
10- ny fanomezan-danja ara-bola ireo fivarotana, mivantana na an-kolaka, ny fahazoan-dalana mikasika ny harena an-kibon'ny tany ;
11- ny famaritana indray mandeha ny fifandraisan'ny zo mifamatotra amin'ny fahazoan-dalana amin'ny harena an-kibon'ny tany sy ny fenitra ara-tontolo iainana sy ara-tsosialy ;
12- ny famporisihana ho any amin'ny fampandrosoana ny fikarohana harena an-kibon'ny tany, fototry ny fampandrosoana ny fitrandrahana harena an-kibon'ny tany vaventy ;
13- ny ady amin'ny fihetsika maro miendrika fanararaotana amin'ny sehatry ny harena an-kibon'ny tany ;
14- ny fitantanana ireo firohotana amin'ny alalàn'ny ny fanomezan-dalana fitrandrahana artizanaly ;
15- ny fampiroboroboana ny fanjifana ny vokatra eny amin'ny toeram-pitrandrahana sy ny fanamafisam-pahaizan'ireo tera-tany eny ifotony ;

16- ny fametrahana tahirim-bola avy amin'ny harena an-kibon'ny tany anaovana fampiasam-bola ara-tsosialy sy ho an'ny vondrom-bahoaka ifotony ;
17- Ny fampifanarahana ny sazy mifandraika amin'ny fandikan-dalàna ara-harena an-kibon'ny tany mifanahatsahana amin'ny lanjan'ilay loharanon-karena ;
18- ny fanavaozana ny rafitra ara-panjakana.

Ity Fehezan-dalàna ity, izay noraisina amin'ny alalan'ny zava-misy eny ifotony, dia mampiditra fepetra vaovao mba hametrahana ny lalàna Malagasy hifandrindra amin'ireo fomba fanao tsara iraisam-pirenena. Ireo fanovana nentina dia mikasika ireto manaraka ireto :

## I- NY FEPETRA MIFEHY NY FAHAZOAN-DALANA HITRANDRAKA HARENA AN-KIBON'NY TANY( LOHATENY II: And 34 ka hatramin'ny 157)

- Ny fanamafisana ireo fepetra fanomezana, (and 79 sy 83) ny amin'ny fanodinana ( and. 96,97) sy ny fanavaozana ny fahazoan-dalana hitrandraka harena an-kibon'ny tany (and. 87 hatramin'ny and. 91), manaraka ny bokin'andraikitry ny harena an-kibon'ny tany, madio isaky ny karazana fahazoan-dalana ;
- Ny famerenana indray ny famaritana ireo fahazoan-dalana hitrandraka natokana ho an'ny mpitrandraka madinika izay navadika ho fahazoan-dalana natokana ho an'ny mpitrandraka artizanaly teratany (and. 70) ;
- Ny fampihenana ny isan'ny efamira azo omena ho an'ny fahazoan-dalana hikaroka, fahazoan-dalana hitrandraka, fahazoan-dalana natokana ho an'ny mpitrandraka artizanaly teratany (and. 39) ary ny fanomezan-dàlana hamandrika toerana manokana (and. 20) ;
- Ny fanavaozana arahana fepetra (and. 87) ny amin'ny fahazoan-dalana hanao fikarohana (PR) (and. 89) fahazoan-dalana hitrandraka (PE) (and. 87, 88) sy ny fahazoan-dalana natokana ho an'ny mpitrandraka artizanaly teratany (PREA) (and. 70) ;
- Ny fampihenana miandalana ny velarana amin'ny fahazoan-dalana hanao fikarohana (PR) isaky ny fanavaozana (and. 91 sy ny manaraka) ;
- Ny fametrahana ny Vola farafahakeliny tsy maintsy laniana amin'ny Fikarohana Harena an-kibon'ny tany (CMRM) ho an'ny tompon'ny fahazoan-dalana hanao fikarohana, hanamarina ny fampiasam-bola farany kely ho ampiasain'ny amin'ny asa fikarohana ho ataony. Izany dia entina ampihenana ny fihetsika maro miendrika fanararaotana hita amin'ny fahazoan-dalana hikaroka harena an-kibon'ny tany izay nomena (and. 51 sy 52) ;
- Ny tsy maintsy fananana ny *rapport d'Étude de préfaisabilité* ho an'ireo fangatahana fahazoan-dalana hitrandraka (and. 87, 88) ;
- Ny famerana ny isan'ny akoran-karena an-kibon'ny tany azo omena isaky ny fahazoan-dalana ara-karena an-kibon'ny tany (and. 41,42) ;
- Ny fanomezan'ny fitantanan-draharaha fanazavana ny antony fandavana ny fangatahana fahazoan-dalana ara-karena an-kibon'ny tany, izay takian'ny fangaraharahana amin'ny fanomezana fahazoan-dalana (and. 85) ;
- Ny fitondrana fanazavana amin'ireo fepetra mahakasika ireo paik'ady fiantsoana fifaninana, ho fombafomba fanomezan-dalana hafa ireo fahazoan-dalana hitrandraka

harena an-kibon'ny tany, mba ho fanomezan-danja ireo faritra voatokana manan-danja ara-toekarena (and. 137, 138).

## II- IREO AKORAN-KARENA AN-KIBON'NY TANY STRATEJIKA (and. 72 hatramin'ny 74)

Tanjon'ny Fanjakana ny famaritana ireo akoran-karena an-kibon'ny tany stratejika ireo sy fahafahana mamaritra ny ampahan'ny vokatra tsy maintsy atokana ho an'ny tsenam-barotra eto an-toerana, araka ny filana sy ireo trangan-javatra maneho tombony ara-jeo-stratejika sy manan-danja lehibe ho an'ny Firenena.

## III- NY SEHA-PIHARIANA VOLAMENA (LOHATENY III : And. 158 hatramin'ny 209)

Ny tanjona voalohany dia ny famaritana Fepetra manokana momba ny volamena ao amin'ny Fehezan-dalàna mifehy ny harena an-kibon'ny tany.

Tsindriana manokana amin'izany ny fametrahana *traçabilité* ny famokarana volamena (and. 206 hatramin'ny and. 209), amin'ny alalan'ny fametrahana lamina vaovao amin'ny fivezivezen'ny volamena, ny fanaraha-maso ny *chaîne de valeur* manontolo, ny fametrahana ireo fandrendrehana any ifotony, ny fametrahana fitomboka nasionaly sy ny fanamafisana ireo fomba fanaraha-maso ny fivarotana volamena any ivelany (and. 198 hatramin'ny and. 203).

Momba ny fitrandrahana volamena any amin'ny *gîtes primaires*, ao anatin'ity Fehezan-dalàna ity dia misy fepetra ahafahana mametraka faritra azo itrandrahan'ireo mpitrandraka artizanaly (couloir d'exploitation artisanale) ao anatin'ny vakim-paritra (and. 28 sy 29, 142).

Ankoatr'izay, nohamafisina ny fandraràna ny fampiasana *Mercure* (and. 178).

Farany, ny fampiroboroboana ny *or responsable* dia mifanaraka amin'ny etika iraisam-pirenena sy mamaly ireo fampanarahana fenitra ny famokarana volamena eto an-toerana.

## IV- NY FANDRAISANA ANJARAN'NY FANJAKANA (LOHATENY II : and. 138)

Ny Fanjakana dia manan-jo handray anjara maimaimpoana sy tsy mety levona ao anatin'ny renim-bolan'ny orinasa izay nahazo fahazoan-dalana ara-karena an-kibon'ny tany tamin'ny alalàn'ny fiantsoana fifaninana, avy amin'ny fanokanana toerana nanaovana fanadihadiahana ara-haibolan-tany (and. 138).

Ao anatin'izany ny fiantohana fitantanana ny loharanon-karena an-kibon'ny tany tomponandraikitra sy ny fiarovana ny tombontsoam-pirenena.

## V- Ny Tahirim-bola avy amin'ny harena an-kibon'ny tany anaovana fampiasam-bola ara-tsosialy sy ho an'ny vondrom-bahoaka ifotony (FMISC) (LOHATENY VI – TOKO VIII : (and. 280 ka hatramin'ny 282)

Ity Fehezan-dalàna ity dia mampiditra Tahirim-bola iray avy amin'ny fandraisana anjaran'ireo orinasa misehatra amin'ny harena an-kibon'ny ary natokana ho an'ny fampandrosoan ara-tsosialy sy ho an'ny vondrom-bahoaka ifotony.

Io Tahirim-bola io dia vatsian'ny:

- Ny fandraisana anjara azo avy amin'ny fahazoan-dalana hitrandraka harena an-kibon'ny tany ; (and. 281)
- Ny *quote-part* amin'ny sara alaina amin'ny harena an-kibon'ny tany ; (and. 291)
- Ny *quote-part* azo avy amin'ny fifanakalozana ara-bola, mivantana na an-kolaka, ara-karena an-kibon'ny tany ; (and. 402).

## VI- NY HETRA AMIN'NY SEHATRY NY HARENA AN-KIBON'NY TANY (LOHATENY VI-TOKO IX : And. 283 hatramin'ny 293)

Ny sara alaina amin'ny harena an-kibon'ny tany miaraka amin'ny tamberim-bidy no mandrafitra ny hetra sy haba manokana amin'ny vokatry ny harena an-kibon'ny tany. Ny tamberim-bidy dia mankany amin'ny Vondrom-bahoaka Itsinjaram-Pahefana raha toa ka ny sara kosa dia arotsaka ao amin'ny Kitapom-bolam-panjakana sy ireo rantsamangaikany samihafa.

Ity lalàna ity dia manolotra fampiakarana ny tahan'ny hetra sy haba manokana amin'ny vokatry ny harena an-kibon'ny tany. Ny tanjona hanatsarana ny fidiram-bola ara-ketra dia nitarika ihany koa amin'ny famaritana indray ny fototra fikajiana io fidiram-bola io.

Ampatsiahivina fa ireo orinasa misehatra amin'ny harena an-kibon'ny tany voafehin'ity Fehezan-dalàna ity dia mila manaraka ny fepetra mifehy ny isam-batan'olona voafaritry ny Fehezan-dalàna Ankapobeny momba ny Hetra.

## VII- IREO ANTOKA AMIN'NY FAHAMARINAN-TOERANA (LOHATENY IX : And 339 hatramin'ny 346)

Ny fiarovana ny fampiasam-bola amin'ny harena an-kibon'ny tany dia miendrika amin'ny ampahany, eo amin'ity lalàna ity, amin'ny fanamafisana ny fitsipika ny fahamarinan-toerana eo amin'ny sehatra ivelan'ny hetra, ara-ketra sy ara haban-tseranana, ho an'ny mpandraharaha amin'ny harena an-kibon'ny tany. Ankoatr'izany, io rafitra fahamarinan-toerana voalaza io dia naitatra amin'ireo Tranom-barotry ny volamena sy ny Tranom-barotry ny vato sarobidy isan-karazany.

## VIII- IREO FENITRA ARA-TONTOLO IAINANA, NY FAHADIOVANA ARY NY ARO VOINA (LOHATENY VI – Toko II : And. 252 hatramin'ny 258 sy Toko III : And. 259 hatramin'ny 262)

Misy Toko iray manontolo natokana ho an'ny fiarovana ny tontolo iainana, mba hanasokajiana tsara ireo adidy aman'andraikitra samihafa, araka ny sehatry ny fandraharahana amin'ny harena an-kibon'ny tany atao.

Ireo fanatsarana ny lafiny fahadiovana sy ny aro voina dia manindry manokana ny maha zava-dehibe ny maha-olombelona sy ny tontolo iainana ary mizotra ho amin'ny fitrandrahana harena an-kibon'ny tany tomponandraikitra kokoa.

## IX- NY FANAMAFISANA NY FITANTANANA ARA-DRAFITRA

Ity Fehezan-dalàna ity dia mizotra makany amin'ny fanamafisana ny fitantanana ara-drafitra mba ampahomby kokoa sy ny hampitombo ny fahatokisana ireo Andrimpanjakana. Noho izany, nitondrana fanazavana bebe kokoa ireo rafitry ny Minisitera misahana ny Harena an-kibon'ny tany.

Arak'izany, misy ireo fepetra vaovao mamaritra indray ny rafitra, ny fandaminana sy ny andraikitry ny Komity Nasionalin'ny Harena an-kibon'ny tany (CNM) (And. 404 hatramin'ny 409) sy ny Ivon-toeran'ny Volamena eto Madagasikara (COM) (And. 159).

Ankoatr'izany, ny COM, ny ITIE ary koa ny antokon-draharaha misahana ny Haibolan-tany sy ny fampiroboroboana ny harena an-kibon'ny tany dia misitraka ny *quotes-parts* avy amin'ny loharanom-bola ivelan'ny hetra.

(And. 275 ho an'ny FAM sy And. 291 ho an'ny sara alaina).

## X- NY FANDRAVONANA NY FIFANOLANANA (LOHATENY XII : And. 410 hatramin'ny 419)

Tsindriana manokana ny fampiasana ireo fandravonana fifanolanana tsy ara-pitsarana, nefa tazonina ihany ny fahafahana mampiakatra ny raharaha eo anivon'ny Fitsarana Malagasy. Ny tanjona dia ny mba hanatsarana ny fahazoana sy ny rafitr'ireo fepetra mifehy ireo fandravonana ny fifanolanana, mba hanomezana vahana kokoa ny fomba fandravonana ara-pihavanana (And. 410 hatramin'ny 412) ary farany, mba hanomezana an'ireo mpiady, karazana safidy maro izay heveriny fa mety.

## XI- NY FEPETRA MIKASIKA NY KARIERA (LOHATENY IV : And. 218 hatramin'ny 232)

Ny fanomezan-danja ireo vokatry ny kariera, izay ahitana akoran-karena mineraly misy lanjany ara-toe-karena tsy azo tsinotsinoavina, dia nitarika tamin'ny fametrahana ny fepetra roa miavaka amin'ny kariera, mifototra amin'ny fomba fitrandrahana azy ireo: artizanaly na ara-indostrialy.

## XII- NY FEPETRAN'NY FAIKA SY NY *SOUS-PRODUITS* (LOHATENY II - Toko IX : And 150 hatramin'ny 157)

Ao anatin'ny fanomezan-danja ireo loharanon-karena an-kibon'ny tany, dia misy fepetra vaovao nampidirina mikasika ny faika sy ireo *sous produits* amin'ny harena an-kibon'ny tany, izay ahitana ireo fepetra sy fombafomba fangalana, fampiasana ary fitantanana azy ireo.

## XIII- NY *COMPTOIR* HO AN'NY VATO SAROBIDY ISAN-KARAZANY (LOHATENY VIII Toko III : And. 325 hatramin'ny 327)

Ny fametrahana ny *comptoir* ho an'ny vato sarobidy isan-karazany dia mandray anjara amin'ny fampiroboroboana ny *label* Madagasikara, ary koa amin'ny famoronana ny amboniampanga, ateraky ny fanondranana ireo vato sarobidy isan-karazany.

## XIV- IREO FANDRAISANA ANDRAIKITRY NY ORINASA EO ANIVON'NY FIARAHAMONINA (LOHATENY VI - Toko I : And. 241 hatramin'ny 244)

Isan'ny fivoarana lehibe nentin'ity Fehezan-dalàna ity ny fijerena akaiky kokoa ny lafiny ara-tsosialy sy ara-toe-karena ary ny tontolo iainana, amin'ny alalan'ny fampidirana fepetra momba ny fandraisan'andraikitry ny orinasa eo anivon'ny fiarahamonina (RSE), fa indrindra indrindra ny fanjifana ny vokatra eny amin'ny toeram-pitrandrahana sy ny fanamafisam-pahaizan'ireo tera-tany eny ifotony.

Izao finiavana izao dia maneho fahavononana hametraka fomba fiasa etika sy tompon'andraikitra ary manome lanja ny lafiny ara-tsosialy sy ara-tontolo iainana.

## XV- NY FIAROVANA NY ZON'OLOMBELONA (LOHATENY VI - Toko IV : And. 263 hatramin'ny 265)

Ny fampidirana fepetra mifandraika amin'ny fiarovana ny zon'olom-belona ary indrindra ny fepetra amin'ny lafiny fampivoarana ny fitoviana amin'ireo maha lahy sy ny maha vavy, sy ny fandrarana ny fampiasana ireo zaza tsy ampy taona ao anatin'ny sehatry ny harena an-kibon'ny tany, izay mifototra amin'ny fiakarana hatrany ny lanja omena ny zavatra hafa ivelan'ny lafiny ara-toe-karena eo amin'ny asam-pihariana harena an-kibon'ny tany.

## XVI- NY TSY FANAJANA IREO ADIDY AMAN'ANDRAIKITRA SY NY FANDIKAN-DALANA ARA-KARENA ANKIBON'N TANY (LOHATENY X : And. 347 hatramin'ny 403)

Ity Toko ity dia nohavaozina mba hampanarahana ny fivoarana ny fepetra mifehy ny fandikan-dalàna, sy hampisy firindràna eo amin'ny fandikan-dalàna sy ny sazy mety ho azo.

Ankoatr'izany, ny fitandrovana ireo harem-pirenena an-kibon'ny tany mineraly dia aseho amin'ny alalan'ny fampidirana fepetra hentitra amin'ny alalan'ny famaritana fandikan-dalàna vaovao sy sazy vaovao mifandraika amin'ny fanondranana tsy ara-dalàna ny vokatry ny harena an-kibon'ny tany.

Arak'ireo fanavaozana samihafa ireo, ity lalàna ity dia ahitana andininy dimy amby telopolo sy efa-jato (435), mizara Lohateny efatra ambin'ny folo (14).

- Ny Lohateny voalohany dia mikasika ny fepetra ankapobeny ;
- Ny Lohateny II dia mikasika ny fepetra mifehy ny fahazoan-dàlana momba ny harena an-kibon'ny tany ;
- Ny Lohateny III dia natokana ho an'ny fepetra mifehy ny volamena ;
- Ny Lohateny IV dia mikasika ny fepetra mifehy ny kariera ;
- Ny Lohateny V dia milaza ny fepetra mifehy ny sisan-karingana sy ny akoran-karena izay tsy fahita firy ny tobiny ;
- Ny Lohateny VI dia milaza ny adidy aman'andraikitra mifamatotra amin'ireo asa mikasika ny harena an-kibon'ny tany ;
- Ny Lohateny VII dia mamehy ny fifandraisan'ny tompon'ny fahazoan-dàlana amin'ny amin'ireo tompon-tany sy ny fifandraisan'ny samy tompon'ny fahazoan-dàlana ;
- Ny Lohateny VIII dia mikasika ny fihazonana, ny fitaterana, ny fanodinana ary ny fivarotana ireo vokatra ny harena an-kibon'ny tany;
- Ny Lohateny IX dia miresaka ny antoka amin'ny fahamarinan-toerana ;
- Ny Lohateny X dia mitanisa ireo tsy fanajana ireo adidy aman'andraikitra ary fandikan-dalàna ;
- Ny Lohateny XI dia natokana ho an'ny Komity Nasionalin'ny Harena an-kibon'ny tany;
- Ny Lohateny XII dia misahana ny fandravonana ny fifanolanana mifandraika amin'ireo asam-pihariana amin'ny harena an-kibon'ny tany ;
- Ny Lohateny XIII dia manomana ireo fepetra teteza-mita ;
- Ny Lohateny XIV dia natokana ho an'ny fepetra farany.

Toy izay ny antonanton'ity Lalàna ity.

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

# LALANA laharana faha 2023-007

## MANOVA TANTERAKA NY FEHEZAN-DALANA MOMBA NY HARENA AN-KIBON'NY TANY

Nolanian'ny Antenimieram-pirenena sy ny Antenimieran-doholona tamin'ny fivoriam-be azon'ny besinimaro atrehana izay nataon'izy ireo tamin'ny faha 19 mey 2023 sy 07 jona 2023, izao Lalàna manaraka izao :

**NY FILOHAN'NY REPOBLIKA**

Araka ny Lalampanorenana,
Araka ny Fanapahana laharana faha 07-HCC/D3 tamin'ny 25 jolay 2023 ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana,

**DIA MAMOAKA IZAO LALÀNA IZAO**

### LOHATENY VOALOHANY
### NY AMIN'NY FEPETRA ANKAPOBENY

### TOKO VOALOHANY
### NY AMIN'NY SEHATRA FAMPIHARANA SY NY FAMARITANA

**Andininy voalohany.** Manerana ny Lafin-tanin'ny Firenena dia iharan'ny fepetra voalazan'ity Fehezan-dalàna ity ary koa ny voalazan'ny rijanteny fampiharana azy ny fizahan-taratra, ny fikarohana, ny fitrandrahana, ny fihazonana, ny fitaterana, ny fanodinana, ny fivarotana ary ny fanondranana ny akora-mineraly, afa-tsy ny harena vokatry ny rano sy ny akoranafo miendrika ranoka na entona, izay fehezin'ny fepetra manokana.

**Andininy 2.** Amin'ity Fehezan-dalàna ity, dia antsoina hoe :

**« Asam-pihariana amin'ny harena an-kibon'ny tany »** : izay hetsika rehetra atao anaty fohy ezaka na lavitr'ezaka ka miafara amin'ny fizahan-taratra, fikarohana, fitrandrahana, fanodinana, fitaterana, ivarotana, ary ny fanondranana ny vokatra azo avy amin'ny harena an-kibon'ny tany, ny kariera sy ny sisan-karingana tsy voarara ;

**« Fitantanan-draharaham-panjakana misahana ny harena an-kibon'ny tany »** : Ny Ministera miandraikitra ny Harena an-kibon'ny tany, ny vondron'ny

sampandraharahan'ny foibe na nanapariaham-pahefana sy ny sampan'asa mahaleotena izay eo ambany fiadidiany ;

**« Mpiray tombontsoa »** : ny fifandrasaina eo amin'ny mpandraharaha roa tsy miankina amin'ny Fanjakana, ka amin'izany ny iray dia miantoka ny fanarahan-dalàna ny asan'ny hafa izay miantoka ny fampandehanana ny famokarany ;

« **Fampanofana mba ho trandrahana** » : fifanarahana ifanaovan'ny tompon'ny Fahazoan-dàlana natokana ho an'ny Mpitrandraka artizanaly na Fahazoan-dàlana hitrandraka, mamindra amin'olon-kafa ny fahefana hitrandraka ny vakim-paritra momba ny harena an-kibon'ny tany izay mifandraika amin'ny Fahazoan-dàlany, izany dia mifanaraka amin'ny zo homen'ity farany, sy ny adidy aman'andraikitra mifandraika aminy, sandaina araka izay ifanarahan'ny roa tonta ;

**« Fanomezan-dàlana hamandrika vakim-paritra manokana »** : taratasim-panjakana hafa ankoatry ny fahazoan-dalàna ara-karena an-kibon'ny tany, izay manome zo ny mpisitraka hanao asam-pihariana ara-karena an-kibon'ny tany amin'ny alalan'ny fangadiana na famoriana akoran-karena mineraly ;

**« Fanomezan-dàlana ho an'ny Mpitrandraka harena an-kibon'ny tany artizanaly »** : izay fahazoan-dàlana hafa ankoatry ny Fahazoan-dàlana momba ny harena an-kibon'ny tany, izay manome ho an'ny olona misitraka azy ny zo hanatanteraka ny asa hihady na manangona ny akora mineraly;

**« Bokin'andraikitra ara-karena an-kibon'ny tany » :** ny antotan-taratasy avy amin'ny Fandaharan'asa izay natolotry ny tompon'ny fahazoan-dàlana momba ny harena an-kibon'ny tany, izay mamaritra ny fitambaran'ny fanekena mamatotra azy, ka ny tsy fanajàna an'izany dia mahavoasazy azy arak'izay voalazan'ity Fehezan-dalàna ity ;

**« Efamira » :** ny efamira rafitsary apaka ambonin'ny velaran'ny tany, miendrika efamira ka ny lafiny dia mirefy dimy amby roampolo sy eninjato metatra, (625m), izay maneho ny taratry ny vakim-paritra fototra ka ao anatiny no anomezana zo ny tompon'ny Fahazoan-dàlana. Isaky ny efamira dia fototry ny halehibe mafy miendrika piramida mivadika ka ny tendrony dia ivon'ny tany, mitodika atsimo mianavaratra sy andrefana miatsinanana atao mirazotra amin'ny fangitra Laborde na amin'ny alalan'ny fefy mety ho ampiasan'ny sampandraharam-panjakana miadidy ny harena an-kibon'ny tany any aoriana any. Ny toetry ny lafin-tanim-pirenena isaky ny efamira tsirairay dia faritana amin'ny alalan'ny fangitra misy ny ivony ;

**« Kariera artizanaly »** : ny toby misy kariera rehetra, trandrahana manaraka ny fomba sy dingana am-piasana tanana, mampiasa zava-mipoaka indraindray, nefa tsy mampiasa fitaovana mekanika matanjaka ;

**« Kariera indostrialy » :** ny toby misy kariera rehetra, trandrahana araka ny fomba sy dingana indostrialy sy mampiasa ny fitaovana mekanika matanjaka sy zava-mipoaka ;

**« Sarin-tany *retombes minières* » :** ny sarin-tany mirakitra ny fahazoan-dàlana manan-kery, ny efamira mbola malalaka, ny tahiry mihelina, ny fahazoan-dàlana hamandrika ny vakim-paritra, ny lalam-pitrandrahana mampiasa teknika artizanaly, ny lalam-panivanana volamena, ny faritra arovana sy ny faritra voatokana ;

**« Famarotana ankolaka na tsy mivantana » :** ny famindrana ankolaka ny petra-bolan'ny orinasa reny mankany amin'ny orinasa fehezin'ny Lalàna Malagasy izay manana fahazoan-dàlana ara-karena an-kibon'ny tany ;

**« Fanangonana volamena » :** ny asa fividianana volamena mivantana avy amin'ny fitrandrahana volamena artizanaly ;

**« Fanangonana ho an'ny tena manokana » :** ny fitambarana zavatra nangonina sy notahirizin'olona iray noho ny antony manokana, noho ny tombontsoa na firehetam-po na natao ho mari-pahatsiarovana ;

**« Vondrom-bahoakam-paritra Itsinjaram-Pahefana »** : ny Faritany, ny Faritra, ny Kaominina, araka ny zava-misy ;

**« Votoaty ifotony »** : ny fitambarana asa mifototra amin'ny fampandrosoana ny fahaiza manao ifotony, ny fampiasana ny loharano maha olona sy fitaovana ifotony, ny famindrana ny teknolojia, ny fanomezana olon-kafa ny raharaham-barotra, ny asa sy ny vokatra ifotony ary ny famoronana ny lanja fanampiny izay azo refesina eo amin'ny toekarena ifotony ;

**« Lalam-pisivanam-bolamena »** : ny renirano mbola mikoriana sy atsanga vao haingana izay manome zo araky ny lalàna sy maharitra ho an'ireo mpanivana volamena, izay mihatra avy hatrany amin'ny vakim-paritra momba ny harena an-kibon'ny tany rehetra ;

**« Lalam-pitrandrahana artizanaly »** : ny faritra hita ao anatin'ny vakim-paritry ny harena an-kibon'ny tany ary natokana amin'ny asan'ny fitrandrahana mampiasa teknika artizanaly ho an'ireo vondrona, araka ny fanomezan-dàlana ny tompon'ny fahazoan-dàlana voakasika ;

**« Vola farafahakeliny tsy maintsy laniana amin'ny fikarohana harena an-kibon'ny tany » :** ny sanda farany ambany izay tokony lanian'ny tompon'ny fahazoan-dalana fikarohana mba ahafahany manao ny asa fizahan-taratra, ary ity farany dia raketina ao anatin'ny Bokin'andraikiny momba ny Harena an-kibon'ny tany ;

**« Faika avy amin'ny harena an-kibon'ny tany »** : ireo karazana vokatra sisa tavela mivantana na ankolaka avy amin'ireo asa fikarohana sy fitrandrahana ary ny fikarakarana momba ny harena an-kibon'ny tany, ka izany dia hita ao anatin'ny vakimparitry ny harena an-kibon'ny tany na ivelan'ity farany ;

**« Fampandrosoana ny toeram-pitrandrahana harena an-kibon'ny tany »** : ny dingana fanomanana, anatin'izany ny fandinihana ny fahazoa-manao ara-banky, ireo *études d'ingénerie* ary ny asa fanorenana eo amin'ny toeram-pitrandrahana ny harena an-kibon'ny tany ;

**« Fitrandrahana »** : Ny asa rehetra atao hihadiana na anavahana ny akora mineraly avy amin'ny tobin'akora voajanahary na avy amin'ny rano, mba ahafahana mampiasa azy amin'izay mahasoa na mahatsara, ka anisan'izany ireo asa fanomanana, fihadiana ary raha toa ka misy, ny fananganana sy ny fampiasana ny fitaovam-panamoràna ny asa entina hikarakarana sy hanondranana ny vokatra ;

**« Mpitrandraka artizanaly »** : ireo mpitrandraka harena an-kibon'ny rehetra an-kalamanjana na any ambanin'ny tany, hatramin'ny halalina izay mbola ho faritana amin'ny didy amam-pitsipika, araka ny teknika artizanaly ary mampiasa ny fitaovana mekanika tsy matanjaka, ka tafiditra ao anatin'izany ny vondron'ny mpitrandraka artizanaly sy ny vondron'ny mpitrandraka artizanaly ny volamena na firy na firy ny isan'ireo mpikambana ao aminy avy ; tsy misy fanodinana ny akora eo amin'ny toeram-pihadiana ;

**« Tahirim-bola avy amin'ny harena an-kibon'ny tany hanaovana fampiasam-bola ara-tsosialy sy ho an'ny vondrom-bahoaka ifotony »** : tahirim-bola avy amin'ny fandraisana anjara ny sehatry ny harena an-kibon'ny tany ary natokana amin'ny fampandrosoana ny ara-tsosialy sy ho an'ny vondrom-bahoaka ifotony ;

**« Sisan-karingarina »** : Ireo sisa tavela na ireo dian-javatra avy amin'ireo karazam-biby na zava-maniry ka voatahiry ao anaty vatolampy, rakotra faika an-tanety na ambany ranomasina ;

**« Saram-pandraharahana amin'ny harena an-kibon'ny tany, aloa isan-taona isaky ny efamira »** : ny sara aloan'ny tompom-pahazoan-dàlana isan-taona ho setrin'ny fandaniana ataon'ny Fanjakana amin'ny fikarakarana sy ny fitantanana ny zo nomena tamin'ny fahazoan-dàlana, ka ny vola aloa amin'izany dia miovaova arakaraka ny sokajiny sy ny mahatranainy ny Fahazoan-dàlana, ary ny isan'ny efamira amin'ny harena an-kibon'ny tany izay mandrafitra ity farany ;

**« Vondrona » :** ny fikambanana tsy ahitana afa-tsy ireo mpitrandraka harena an-kibon'ny tany mizaka ny zom-pirenena Malagasy, mampiasa teknika artizanaly, ao anaty toerana iray mitovy ary manana tombontsoa iraisana ;

**« Fiandronana-mineraly »** : izay tobin'akora-mineraly voajanahary rehetra tsy mahafaty antoka ny fitrandrahana azy amin'ny fomba efa fanao ankehitriny na amin'ny ho avy ;

**« Tobin'akora »** : izay fiandronan'ny mineraly hafahafa ao ambanin'ny tany izay ilain'ny olona ka tsy misy heviny ara-habe sy lanjany izany ;

**« Tobin-tsisan-karingarina »** : izay fiandronana sisan-karingarina rehetra antanety sy ao ambanin'ny ranomasina ;

**« Aro hoa-pefy »** : ny fefy vita amin'ny vatosokay seseham-by entina hanasarahana ny foiben'akoran-javatra roa mifanila izay olon-droa samy hafa no tompon'ny fahazoan-dàlana ;

**« Fampiasam-bola »** : Ny fandraisana anjara ara-bola, miendrika fananana toy ny harena, zo ary tombontsoa isan-karazany omena, amin'ny fomba maharitra ho an'ny orinasa iray ;

**« Toerana ahitana Harena an-kibon'ny tany »** : izay tobin'akora mineraly rehetra tsy voasokajy na anisan'ny kariera na anisan'ny sisan-karingana ;

**« Akora mivaky ivon'atôma » :** ireo vato rehetra ahitana akora iray na maro mivaky ivon'atôma ka manana singa simika iray na maro toy ny ioranioma sy torioma ;

**« Fanivanam-bolamena »** : ny fitrandrahana volamena anaty atsanga amin'ny fampiasana teknika artizanaly, ka avahana amin'izany ny asa ambanin'ny tany ;

**« Vakim-paritry ny harena an-kibon'ny tany » :** ny efamira na ny fitambarana efamira maro mifanila na miray lafy ifotoran'ny fahazoan-dàlana na ny fangatahana fahazoan-dàlana ;

**« Vakim-paritry ny tetikasa » :** Ny fitambaran'ny vakim-paritra fitrandrahana harena an-kibon'ny tany, sy ny tany itoeran'ny tompom-pahazoan-dàlana nofandrihany ao anatin'ny tetikasa ;

**« Fahazoan-dàlana ara-karena an-kibon'ny tany »** : Ny taratasim-panjakana izay manome zo ny mpisitraka azy mba ahafahany manao ny asa fikarohana sy/na fitrandrahana harena an-kibon'ny tany eo amin'ny vakim-paritra voatondro ;

**« Fandaharan'asa »** : Ny fitambaran'ny antotan-taratasy milazalaza momba ny Fandaharam-pikarohana sy/na fitrandrahana ary koa ny drafitra momba ny fampiasam-bolan'ny tompony na ny mpangataka fahazoan-dàlana ara-karena an-kibon'ny tany ;

**« Fizahan-taratra »** : Ny fitambaran'ny asa izay atao mifototra amin'ny fanadihadiana tsotsotra atao mba hahitàna ny famantarana ny fisian'ny akora mineraly ;

**« Fikarohana »** : Ny fitambaran'ny asa ara-haibolan-tany na hailalàm-piharitany na koa momba ny simian-tany, izay tanterahina ambon'ny tany na any ambanin'ny tany mba hanombanana ny famantarana ny tobin'akora-mineraly, ka ahafahana mamantatra ny karazany, ny endriny, ny hatsarany, ny fitombandavany ary ny hadiriny, ary ahafahana mamantatra ihany koa ny fomba hitrandrahana azy, ka hilazana fa misy na tsia ny fiandronana-mineraly azo trandrahana ;

**« Sara alaina amin'ny akoran-karena an-kibon'ny tany »** : Ny iray amin'ireo haba sy hetra manokana amin'ireo vokatry ny harena an-kibon'ny tany nalaina ho an'ny Fanjakana sy ireo ratsa-mangaikany samihafa, ary izany dia alaina amin'ny sandan'ny famarotana ny vokatry ny harena an-kibon'ny tany, ny kariera na ny sisan-karingana ;

**« Fandraisan'andraikitry ny orinasa eo anivon'ny fiarahamonina » :** Fandraisan'anjaran'ny orinasa eo amin'ny sehatry ny fiarahamonina sy toe-karena ary tontolo iainana, any amin'ny Vondrom-bahoaka ifotony izay misy an'ireo orinasa ;

**« Tamberim-bidy ara-karena an-kibon'ny tany »** : Ampahany amin'ireo haba sy hetra manokana amin'ny vokatry ny harena an-kibon'ny tany izay natokana ho an'ireo Vondrom-bahoakam-paritra Itsinjaram-Pahefana ;

« ***Sous produits*** » : Ireo akora-mineraly rehetra nohadiana, miara-misy raha ara-haibolan-tany no jerena miaraka amin'ny akora-mineraly voalohany ao anaty ny vakim-paritry ny harena an-kibon'ny tany ka mikasika ny fahazoan-dàlana iray izany ary mety ahazoana tombony raha trandrahana ;

**« Akora avy amin'ny kariera » :** Izay akora rehetra nohadiana, noasaina, nahodina sy nampiasaina amin'ny sehatra toy ny fanorenanana, indostria, fotodrafitrasa sy fambolena. Ho faritana amin'ny alalan'ny didy amam-pitsipika ny lisitr'izy ireo ;

**« Akoran-karena an-kibon'ny tany Stratejika » :** Ny akora mineraly rehetra izay, araka ny tranga ara-toekarem-pirenena sy iraisam-pirenena misy, dia mety ahitana tombontsoa manokana ho an'ny Firenena manoloana ny maha-saro-pady azy sy ny zava-misy eo amin'ny fifandraisana stratejika ;

**« Teknika artizanaly » :** Ny fomba fiasa nentim-paharazana izay ahitana indrindra ny fampiasana fitaovana hetsehin-tànana eo amin'ny fihadiana sy ny fikarakarana ny akoran-karena an-kibon'ny tany na ny ambanin'ny tany. Tafiditra amin'izany sokajy izany ny fampiasana ny rafitra **« asa tana-maro »** (*système HIMO*) ;

**« Lafin-tanin'ny Firenena » :** Ny velarana an-tanety sy an-dranomasina izay eo ambanin'ny Fiandrianampirenen'ny Repoblikan'i Madagasikara, araka izay voafaritra amin'ny lalàna ato anatiny sy ny lalàna iraisam-pirenena ;

**« Tompony »** : Ny olona am-batana na tsy am-batana izay misoratra anatin'ny fahazoan-dàlana ;

**« Fanodinana ny akoran-karena an-kibon'ny tany »** : Ny fitambaran'ireo asa izay mifototra amin'ny fanomezana endrika hafa, ankoatry ny endriny voalohany, ireo akoran-karena an-kibon'ny tany, na fanovana ny taharo simika ao anatiny na mineraly ao aminy, mba ampiakarana ny sandany ;

**« Fitaterana » :** Ny asa hita maso enti-mamindra ny akoran-karena an-kibon'ny tany avy ao amin'ny toerana iray mankany amin'ny toeran-kafa, tahaka ny famindrana ny vokatry ny harena an-kibon'ny tany avy eo amin'ny toeram-pamokarana mankany amin'ny toeram-panodinana, avy amin'ny toeram-panatobiana mankany amin'ny toeram-panondranana ;

**« Faritra voarara » :** Ampahany amin'ny tany izay voarara ny fanaovana ny asa momba ny harena an-kibon'ny tany ao aminy, na izany vakim-paritra amin'ny harena an-kibon'ny tany, na izany kariera na ihany koa toerana misy asa momba ny fitrandrahana volamena artizanaly ;

**« Faritra arovana » :** Ireo toerana voasokajy ho faritra arovana ara-tontolo iainana, araka ny fepetra voalaza ao anatin'ny rijan-tenin-dalàna manokana mikasika an'izany ;

**« Faritra voatokana »** : Ny sombin-tany eo amin'ny lafin-tanin'ny Firenena izay natokan'ny Fitantanan-draharaham-panjakana misahana ny harena an-kibon'ny tany, mba hanatanterahana asa manokana.

## TOKO II
## NY AMIN'NY ANKAPOBENY

### SAMPANA 1. NY ASAM-PIHARIANA MOMBA NY HARENA AN-KIBON'NY TANY, SISAN-KARINGARINA SY NY KARIERA

**Andininy 3.** Ny tobin'akoran-karena mineraly dia voasokajy tahaka izao :

- Kariera ;
- Harena an-kibon'ny tany sy ;
- Tobin-tsisan-karingarina.

**Andininy 4.** Ity Fehezan-dalàna ity dia mametraka amin'ny ankapobeny ireto fepetra mifehy samihafa manaraka ireto :

- ny fepetra mifehy ny Fahazoan-dàlana ;
- ny fepetra mifehy ny volamena ;
- ny fepetra mifehy ny fanondranana ny sisan-karingarina ;
- ny fepetra mifehy ny kariera.

**Andininy 5.** Izay tobin'akoran-karena an-kibon'ny tany, sisan-karingarina sy kariera ambonin'ny tany, ambanin'ny tany, anaty rano sy anatin'ny ranomasina eto amin'ny Lafin-tanin'i Madagasikara amin'ny maha harem-pirenena azy, dia fananan'ny Fanjakana.

Ny Ministera misahana ny Harena an-kibon'ny tany no Vondrom-panjakana, misolo tena ny Fanjakana, amin'ny fitantanana sy ny fitondrana.

Ny Fanjakana no miantoka ny fanomezan-danja an'ireo Harena ireo amin'ny alalan'ny antokon-draharaham-panjakana manokana sy ireo orinasa ananan'ny Fanjakana petra-bola ary koa ireo orinasa tsy miankina amin'ny Fanjakana, araka ny fepetra voalazan'ity Fehezan-dalàna ity.

**Andininy 6.** Mba hamaritana araka ny rafitsary ny toerana misy ny vakim-paritra amin'ny harena an-kibon'ny tany sy ny faritra arovana, ny lafin-tanin'ny Firenena dia zarazaraina ho efamira.

**Andininy 7.** Ny asam-pihariana ara-karena an-kibon'ny tany, sisan-karingarina sy ny kariera, araka ny fisehoan-javatra, nahazo Fahazoan-dalana, Fankatoavana, na Fanomezan-dàlana, dia fehezin'ity Fehezan-dalàna ity avokoa.

**Andininy 8.** Ny fanaovana asa fikarohana sy/na fitrandrahana ny akoram-by mivaky ivon'atôma dia ankatoavina amin'ny alalan'ny Fahazoan-dàlana hikaroka na amin'ny alalan'ny Fahazoan-dàlana hitrandraka irery ihany.

Ankoatra ny Bokin'andraikitra mikasika ny harena an-kibon'ny tany izay voalaza ao amin'ny andininy faha-38 izay tsy maintsy hajain'ny tompon'ny Fahazoan-dàlana, ity farany dia tsy maintsy manajà ireto Fifanarahana manokana ireto :

- Fifanarahana ifanaovan'olona telo tonta iarahan'ny tompon'ny fahazoan-dàlana, ny Antokon-draharaha teknika voatokana misahana ny sehatry ny akora-mineraly mivaky ivon'atôma ary ny antokon-draharaham-panjakana misolo tena ny AIEA. Io Fifanarahana io dia mamaritra mialoha ny fepetra sy ny torolalana mikasika ny fiarovana amin'ny taratra sy ny fitantanana ny fakofako vokatry ny fivakin'ivon'atôma, araka ny fepetra voalaza ao amin'ny lalàna sy ny didy amam-pitsipika manankery amin'ny fiarovana momba ny taratra X sy ny tontolo iainana.;

- Fifanarahana miaraka amin'ny Antokon-draharaham-panjakana ary voatokana izay manana fahaiza-manao ara-teknika amin'ny sehatry ny akora-mineraly mivaky ivon'atôma ary ity farany dia tendrena amin'ny alalan'ny didy amam-pitsipika mba hisolotena ny Fanjakana.

Ny modely fakan-tahaka mikasika io fifanarahana io dia faritana amin'ny alalan'ny didy amam-pitsipika.

**SAMPANA 2. NY FAHAFAHANA MAHAZO NY FAHAZOAN-DALANA ISAN-KARAZANY**

**Andininy 9.** Ankoatra ny fepetra voalazan'ny andininy faha 10 ka hatramin'ny faha 13 manaraka iretsy, dia afaka mahazo sy mitazona ny Fahazoan-dàlana mikasika ny harena an-kibon'ny tany, ny Fankatoavana sy ny Fanomezan-dalana, ny olona am-batana rehetra mizaka ny zom-pirenena Malagasy sy ny olona tsy am-batana voafehin'ny lalàna Malagasy.

Afaka mahazo sy mitazona mivantana ny Fahazoan-dàlana mikasika ny harena an-kibon'ny tany sy Fanomezan-dàlana ihany koa :

- ny Antokon-draharaham-panjakana voatokana izay nahazo alalana amin'ny fanaovana asa momba ny harena an-kibon'ny tany indrindra izay mikasika an'ireo akora-mineraly mivaky ivon'atôma voalaza ao amin'ny andininy faha 8 amin'ity Fehezan-dalàna ity sy akoran-karena an-kibon'ny tany Stratejika voalaza ao amin'ny andininy faha 72 sy ny manaraka amin'ity Fehezan-dalàna ity ;

- ny Orinasa misy petra-bolan'ny Fanjakana ;

Ao anatin'ny fanantanterahana ireo asa mikasika ny harena an-kibon'ny tany voalaza etsy ambony, ny Antokon-draharaham-panjakana voatokana sy ny Orinasa misy petra-bolan'ny Fanjakana voalaza etsy ambony dia iharan'ny fepetra voalazan'ity Fehezan-dalàna ity ary tsy misitraka na tombontsoa manokana na laharam-pialohàna mifandraika amin'ny maha Antokon-draharaham-panjakana azy.

**Andininy 10.** Ny Fanjakana sy ireo rantsa-mangaikany, ny Vondrom-bahoakam-paritra na Antokon-draharaham-panjakana dia tsy afaka mahazo sy mitazona mivantana Fahazoan-dalana sy ny Fanomezan-dàlana mikasika ny harena an-kibon'ny tany, ankoatra ny fepetra voalaza ao amin'ny andininy faha 9 amin'ity Fehezan-dalàna ity.

**Andininy 11.** Ny mpiasam-panjakana miasa eo anivon'ny Fitantanan-draharaham-panjakana misahana ny harena an-kibon'ny tany sy ireo mpiasan'ny Antokon-draharaha miankina na eo ambany fifehezan'ny Ministera misahana ny harena an-kibon'ny tany dia tsy mahazo manao asam-pihariana momba ny harena an-kibon'ny tany.

Ankoatr'izay, ny olona rehetra tafiditra amin'ny fitsirihana sy fanaraha-maso ny asa momba ny harena an-kibon'ny tany dia tsy afaka manao ny asa momba ny harena an-kibon'ny tany anaty ny fizaram-paritra ananany fahefana, ka izany dia mandritra ny fotoam-piasany ihany.

Torak'izany koa, ny isam-batan'olona na ny mpitondra ny fikambanana izay niharan'ny fisintonana ny fahazoan-dàlana, ary izany dia mandritra ny fe-potoana telo (03) taona manomboka amin'ny andro nanaovana io fisintonana ny Fahazoan-dàlana voalaza io.

**Andininy 12.** Izany tsy fahazoana manao na fandrarana izany dia miitatra, amin'ny orinasa sy amin'ireo orinasa miankina aminy.

**Andininy 13.** Mba ahafahany mahazo sy mitazona ny Fahazoan-dàlana mikasika ny harena an-kibon'ny tany, ny orinasa dia tsy maintsy manana, farafahakeliny, mpisolo-tena azy ara-dalàna iray monina eto Madagasikara.

**Andininy 14.** Ny fanomezan-dàlana hanao fihadiana ilaina ara-tsiantifika, ny sisan-karingarina any anaty ny tobin-tsisan-karingarina kilasiana faharoa, izay voalaza ao amin'ny andininy faha 235 an'ity Fehezan-dalàna ity, dia omena any vondrona rehetra ara-tsiantsifika ka ity farany dia afaka manome fahefana an'ireo isam-batan'olona hisolo tena azy.

Ho an'ny Vondrona iraisam-pirenena, tsy maintsy manao fifanaraham-piara-miasa amin'ny vondron'ny mpikaroka eto an-toerana.

Didy amam-pitsipika no mamaritra ny fombafomba fanatanterahana ny fiaraha-miasa io.

## TOKO III
## NY FANOMEZAN-DALANA HAMANDRIKA VAKIM-PARITRA MANOKANA

**Andininy 15.** Ny fanomezan-dàlana hamandrika ny vakim-paritra manokana (AERP) dia manome zo ho an'ny tompony fahafahana manao ny fizahan-taratra mikasika ny harena an-kibon'ny tany.

**Andininy 16.** Ny AERP dia omen'ny Birao miandraikitra ny Sora-pananana momba ny Harena an-kibon'ny tany eto Madagasikara (BCMM), araka ny fangatahana nataon'ny olona maniry hahazo azy, rehefa voaloa ny haba isaky ny efamira izay faritan'ny didy amam-pitsipika.

Ny AERP dia tsy maintsy amin'ny efamira ivelan'ny faritra arovana, ivelan'ny faritra voasokajy voatokana vonjy maika, ivelan'ny vakim-paritra ahitana Fahazoan-dàlana mikasika ny harena an-kibon'ny tany sy ny faritra izay tsy nanaovana fangatahana ny Fahazoan-dàlana mikasika ny harena an-kibon'ny tany na AERP izay efa an-dàlam-pandinihana alohan'ny fangatahana AERP voakasika.

**Andininy 17.** Ny fe-potoana mampanan-kery any AERP dia telo (03) volana raha lava indrindra, ary izany dia tsy azo havaozina.

Ny olona iray efa nisitraka ny AERP dia tsy afaka misitraka AERP hafa indray, eo amin'ny efamira nahazoany ny Fanomezan-dàlana voalohany, raha tsy afaka telo (03) taona aorian'ny fe-potoana nahataperan'ny Fanomezan-dàlana voalohany.

**Andininy 18.** Ny AERP dia tsy azo amidy no tsy azo ampanofaina.

**Andininy 19.** Alohan'ny fahataperan'ny Fanomezan-dàlany, ny tompony maniry ahazo Fahazoan-dàlana hikaroka na Fahazoan-dàlana natokana ho an'ny Mpitrandraka artizanaly, manontolo na amin'ny ampahany ny vakim-paritra nanaovana fizahan-taratra, dia mametraka ny fangatahana mikasika an'izany eo anivon'ny BCMM.

**Andininy 20.** Tsy afaka mihoatra ny 2 .500 km² na efamira miisa 6.400 ny velarana azo homena amin'ny alalan'ny AERP.

**TOKO IV**
**NY VONDRONA**

**Andininy 21.** Ny mpitrandraka ny harena an-kibon'ny tany mampiasa teknika artizanaly dia afaka mivondrona sy manorina ny fivondronan'ny mpitrandraka artizanaly.

Ny vondrona izay mijoro dia tahaka ny fikambanan'ny olona tsy noterena ka afaka manao ny asany eo anivon'ny Kaominina misy azy.

**Andininy 22.** Ny vondrona rehetra izay mijoro ara-dalàna dia tsy maintsy ampahafantarin'ny mpanorina azy eo anivon'ny Kaominina misy azy, ary ity farany dia manome ny tapakila manamarina ny fijoroan'ny vondrona izany amin'ny mpanorina azy.

**Andininy 23.** Ireo vondrona rehetra dia afaka mangataka Fanomezan-dàlana amin'ny harena an-kibon'ny tany amin'ny Fitrandrahana artizanaly miisa efamira efatra (04) farafaha betsany.

**Andininy 24.** Ireo vondrona voalaza ireo izay mijoro ara-dalàna dia afaka misitraka ny tolo-tanana ara-tekinika ilaina omen'ny Fitantanan-draharahan'ny harena an-kibon'ny tany.

**Andininy 25.** Didim-pitondrana raisin'ny Minisitra misahana ny Harena an-kibon'ny tany no mamaritra ny Sata lasitry ny vondrona voalaza etsy ambony.

**Andininy 26.** Ny olona ara-batana mizaka zom-pirenena Malagasy, ankoatran'ireo olona voarara voalaza ao amin'ny andininy faha 11 an'ity Fehezan-dàlana ity dia afaka miditra ho mpikambana ao anaty ny vondrona.

Ny fiovana mpikambana rehetra ao anaty vondrona ary ny fanovàna natao amin'ireo sata dia tsy maintsy anaovana filazàna avy hatrany, araka izay voalaza ao amin'ny andininy faha 22 an'ity Fehezan-dalàna ity.

**Andininy 27.** Ny fifandraisana eo amin'ny samy mpikambana ao anaty vondrona dia fehezin'ny Fitsipika Anatiny izay nifaneken'izy ireo.

**Andininy 28.** Ankilan'izany, ny vondron'ny mpitrandraka ny harena an-kibon'ny tany artizanaly izay maniry hiasa ao anaty ny vakim-paritra momba ny harena an-kibon'ny tany dia tsy maintsy mangataka alalana avy amin'ny tompon'ny Fahazoan-dàlana voakasika.

Raha tsy izany, ny mpitrandraka artizanaly dia iharan'ny sazy voalaza ao amin'ny andininy faha 368 an'ity Fehezan-dàlana ity.

**Andininy 29.** Ny fanomezan-dàlana avy amin'ny tompon'ny Fahazoan-dàlana voalaza io dia manokatra ny lalana ho an'ny fangatahana ny Fanomezan-dàlana mikasika ny harena an-kibon'ny tany ho an'ny fitrandrahana artizanaly eo anivon'ny Ministera misahana ny Harena an-kibon'ny tany.

Arak'izany, ny lalam-pitrandrahana mampiasa teknika artizanaly dia faritana miaraka amin'ny Fitantanan-draharaham-panjakana misahana ny harena an-kibon'ny tany sy tompon'ny Fahazoan-dàlana mikasika ny harena an-kibon'ny tany voakasika.

Ny mombamomba ny lalam-pitrandrahana izay voafaritra dia ampahafantarina any amin'ny BCMM, ka ity farany no manao ny firaketana an'izany ao anaty ny sarin-tany *retombes minières*.

## TOKO V

## NY FANOMEZAN-DALANA FITRANDRAHANA HARENA AN-KIBON'NY TANY MAMPIASA TEKNIKA ARTIZANALY

**Andininy 30**. Ny Fanomezan-dàlana amin'ny harena an-kibon'ny tany amin'ny Fitrandrahana artizanaly (AMEA) dia manome ny mpisitraka ny zo hanatanteraka asa fitrandrahana na ny famoriana ny akoran-karena mineraly, amin'ny alalan'ny fandoavana sara isaky ny efamira eny anivon'ny BCMM ka ny sandany dia faritana amin'ny alalan'ny didy amam-pitsipika.

Ny AMEA dia natokana ho an'ny vondrona araka izay voafaritr'ity Fehezan-dàlana ity.

**Andininy 31.** Ny AMEA dia omena amin'ny alalan'ny Fanapahan'ny Minisitra misahana ny Harena an-kibon'ny tany, araka ny tolo-kevitry ny Komity ifotony izay tarihin'ny Lehiben'ny Distrika eo an-toerana misy ny fitrandrahana, na ny Ivotoeran'ny Volamena eto Madagasikara, araky ny zava-misy.

Ny mpikambana ao amin'io Komity ifotony voalaza io dia tendrana amin'ny alalan'ny Fanapahan'ny Minisitra misahana ny harena an-kibon'ny tany.

**Andininy 32.** Ny AMEA dia omena ao anatin'ireo toerana voafaritra ho lalam-pitrandrahana mampiasa teknika artizanaly raha toa ka vakim-paritra efa misy Fahazoan-dàlana tany ampiandohana, na anaty ny faritra fiantsorohana (ZE) ny mpitrandraka mampiasa teknika artizanaly raha toa ka mbola malalaka ny vakim-paritra.

**Andininy 33.** Ny AMEA, izay ny faharetany dia enim-bolana (06), azo havaozina indray mandeha, amin'ny faharetana mitovy, dia omena ho an'ny efamira efatra (04) raha be indrindra.

Ny AMEA dia tsy azo amidy no tsy azo ampanofaina.

## LOHATENY II
## NY FITSIPIKA MIFEHY NY FAHAZOAN-DALANA

### TOKO VOALOHANY
### NY AMIN'NY ANKAPOBENY

**Andininy 34.** Ny Fahazoan-dàlana ara-karena an-kibon'ny tany dia voasokajy toy izao :

- Fahazoan-dàlana hikaroka na PR, izay manome an'ny tompony ny zo feno hanao ny fizahana-taratra sy fikarohana ao anaty ny vakim-paritra voafaritra ;
- Fahazoan-dàlana hitrandraka na PE, izay manome an'ny tompony ny zo feno handray an-tanana ny fitrandrahana, ny fizahana-taratra ary ny fikarohana ao anaty ny vakim-paritra voafaritra ;
- Fahazoan-dàlana ho an'ny Mpitrandraka artizanaly na PREA, izay manome an'ny tompony ny zo feno handray an-tanana ny fizahana taratra miaraka amin'ny fikarohana sy ny fitrandrahana ao anaty ny vakim-paritra voafaritra.

**Andininy 35**. Ny Fahazoan-dàlana mikasika ny harena an-kibon'ny tany eo amin'ny vakim-paritra iray dia misy efamira iray na maro mifanila sy miray lafy.

**Andininy 36.** Ny mpangataka no misafidy ny vakim-paritra izay mifanaraka aminy, ankoatra ny tsy fanomezana Fahazoan-dàlana eo amin'ny faritra arovana, eo amin'ny faritra voasokajy mandritra ny fotoana voafetra araka an'ity Fehezan-dalàna ity, eo amin'ny vakim-paritra voarakotra ny Fahazoan-dàlana na voarakotra ny AERP misoratra amin'ny olona hafa.

**Andininy 37.** Ny fametrahana famantarana eo amin'ny vakim-paritra, aorian'ny nanomezana ny Fahazoan-dàlana dia araka ny safidin'ny tompony.

Ny fanatontosana izany dia miankina amin'ny fanekena vita an-tsoratra avy amin'ireo tompon-tany, ary raha toa ka misy izany dia tsy maintsy ataon'ny mpandrefy tany vita fianianana.

**Andininy 38.** Ny Fahazoan-dàlana mikasika ny harena an-kibon'ny tany rehetra, araka ny sokajiny, dia tsy maintsy ahitana Bokin'andraikitra momba ny Harena an-kibon'ny tany (CCM) ka ny modely amin'izany Bokin'andraikitra izany dia faritana amin'ny alalan'ny didy amam-pitsipika.

**Andininy 39.** Toy izao no fetran'ny fitambaran'ny velaran-tany voarakotry ny Fahazoan-dàlana azon'ny olona am-batana na tsy am-batana hazonina :

- ho an'ny PR : 5.000 km², na efamira miisa 12.800 ;
- ho an'ny PE : 500 km², na efamira miisa 1.280 ;
- ho an'ny PREA : 50 km², na efamira miisa 128 ;

**Andininy 40.** Ny antotan-taratasy mikasika ny Fahazoan-dàlana dia tantanan'ny BCMM manomboka amin'ny vaninandro nametrahana ny fangatahana ka hatramin'ny fotoana fahataperan'ny Fahazoan- dàlana, araka ny sora-pananana mikasika ny harena an-kibon'ny nasionaly izay tazonin'ny BCMM.

Io sora-pananana io dia azon'ny besinimaro jerena.

**Andininy 41.** Ny PR dia maharakotra ny/na ireo akora anton'ny fikarohana.

Ny PREA sy ny PE dia maharakotra akoran-karena dimy (05) farafahabetsany.

**Andininy 42.** Na dia eo aza ny fepetra ao amin'ny andininy faha 41 ambony io, raha toa ka misy fahitàna akora hafa, voamarina amin'ny tatitra ara-pahaizana mifanaraka amin'izany, ny tompon'ny fahazon-dàlana voakasika dia afaka mangataka ny fanitarana, ka tsy mihoatra ny akoran-karena mineraly folo (10) ny fitambaran'izany, ankoatran'ny PR.

Koa amin'izany, ny tompon'ny Fahazoan-dàlana dia mametraka ny fangatahana miaraka amin'ny Fandaharan'asa any amin'ny BCMM, ampiraisina amin'ny fanitsiana ny Bokin'andraikitra momba ny Harena an-kibon'ny tany mifanaraka amin'izany.

**Andininy 43.** Alohan'ny asa momban'ireo akora vaovao ireo, ny fanitsiana ny Bokin'nadraikitra momba ny tontolo iainana na Drafitry ny Fitantanana ny Tontolo iainana sy ara-piaraha-monina dia takiana, arakaraka ny tranga.

**Andininy 44.** Ny fangatahana ny fanitarana ny akoran-karena mifandraika amin'ny Fahazoan-dàlana dia manaraka ny dingana mitovy amin'ny fanaovana ny fangatahana ny Fahazoan-dàlana tany am-piandohana.

Na izany aza anefa, raha toa ka mifototra amin'ny akoran-karena na akoram-by mivaky ivon'atôma ny fahitàna vaovao, ny dingana voalaza ao amin'ny andininy faha 8 amin'ity Fehezan-dalàna ity dia tsy maintsy arahina na dia manan-kery amin'ny akoran-karena na akoram-by mivaky ivon'atôma hafa aza ny Fahazoan-dàlana tany am-piandohana.

**Andininy 45.** Ampahafantarin'ny Fitantanan-draharaham-panjakana misahana ny harena an-kibon'ny tany ireo manam-pahefana mahefa any an-toerana sady voakasika, ny fanomezana

Fahazoan-dàlana sy ny fiovaovàna na famindràna mitranga amin’ny Fahazoan-dàlana rehetra.

**Andininy 46.** Ny tompon’andraikitra eo amin’ny Vondrom-bahoakam-paritra Itsinjaram-Pahefana (CTD), ao anatin’ny fahefany amin’ny fitandroana ny aro voina, dia omena fahefana hanao andrimaso ny asa mikasika ny harena an-kibon’ny tany izay atao ao anatin'ny fari-piadidiany avy.

Ka amin’izany, ireo tompon’andraikitra ireo dia manao isam-banim-potoana, raha ilaina, isa-mari-potoana, ny fampahafantarana an-tsoratra ny angom-baovao mifandraika amin’izany any amin’ny Fitantanan-draharaham-panjakana misahana ny harena an-kibon’ny tany.

**Andininy 47.** Ny tatitra sy ny fandinihana omen’ny tompon’ny Fahazoan-dàlana dia tazonina ho tsiambaratelo mandritra ny fotoana mampanan-kery ny Fahazoan-dàlana.

Na dia izany aza, ny mpiasan’ny Fitantanan-draharaham-panjakana misahana ny harena an-kibon’ny tany, dia afaka mampiditra ny angom-baovao voaray avy amin’io tatitra io ao amin’ny tarehimarika ankapobeny izay aheliny, ka tsy maintsy tazomina ny tsiambaratelon’ny antontan-kevitra nampiasaina.

Amin’ny fotoana famoizana ny fahazoan-dàlana, ny valin’ny fikarohana rehetra dia tsy maintsy miverina any amin’ny Fitantanan-draharaham-panjakana misahana ny harena an-kibon’ny tany.

## TOKO II
## NY FAHAZOAN-DALANA HIKAROKA

**Andininy 48.** Ny Fahazoan-dàlana hikaroka « PR » dia manome ny tompony ao anatin’ny faritry ny vakim-paritra ananany ary mandritry ny fe-potoana mampanan-kery azy, zo manokana hanao fizahana taratra sy fikarohana ny na ireo akoran-karena an-kibon’ny tany ao anatin’ny Fahazoan-dàlana sady antony nanomezana azy, ary izany dia atao araka ny andraikitra nekena ary voarakitra ao anatin’ny Fandaharan’asa sy ny Drafitry ny famatsiam-bola natovana amin’ny taratasy fangatahana.

Ankoatra izany ny PR dia manome ny tompony, eo amin’ny asa ataony momba ny fikarohana, ny zo manangana ivon-toeram-panandramana ao anatin’ny vakim-paritry ny harena an-kibon’ny tany ananany.

Ny modelin’ny Fandaharan’asa sy ny Drafitry ny fampiasam-bola ananany voalaza etsy ambony ary ny fombafomba fananganana ny ivon-toeram-panandramana dia faritana amin’ny alalan’ny didy amam-pitsipika.

**Andininy 49.** Ny fe-potoana mampanan-kery ny PR dia dimy (05) taona, ka izany dia azo havaozina indroa (02) ka telo (03) taona avy ny faharetan’ny fanavaozana tsirairay.

**Andininy 50.** Ny Fahazoan-dàlana hikaroka dia manome ny zo hanorina ny fotodrafitrasa vonjy maika na maharitra sy ny zo hampiasa ny hazo sy ny rano izay hita ao anatin'ny vakim-paritra araka ny lalàna sy ny didy amam-pitsipika manankery, izany anefa dia miankina amin'ny fanekena mialoha avy amin'ny tompon'ny tany.

**Andininy 51.** Ny tompon'ny Fahazoan-dàlana hikaroka PR dia iharan'ny vola farafahakeliny tsy maintsy laniana amin'ny Fikarohana ny harena an-kibon'ny tany (CMRM) izay mifanahatsahana amin'ny fandaniana kely indrindra tsy maintsy atao mandritra ny asa fikarohany.

**Andininy 52.** Ny CMRM dia mifanahatsahana amin'ny vola aloa tambabe ampiana amin'ny vola aloa miandalana nohon'ny fipetrahana eo amin'ny tany, ka izany dia faritana amin'ny alalan'ny didy amam-pitsipika.

**Andininy 53.** Ao anatin'ny tatitra isan-taona momba ny asa nataony, ny tompon'ny fahazoan-dàlana hikaroka dia tsy maintsy mampiditra ny tatitra momba ny fandaniana nataony, ka amin'ny alalan'ny izany no ahafahan'ny Fitantanan-draharaham-panjakana misahana ny harena an-kibon'ny tany manao ny tombana ny maha-marim-pototra ny fampiasana ny  CMRM heverina hatao.

**Andininy 54.** Ny Minisitra misahana ny Harena an-kibon'ny tany no mamaritra amin'ny alalan'ny Didim-pitondrana, araka ny tolokevitry ny Komity Nasionaly momba ny harena an-kibon'ny tany (CNM), ny lisitry ny fandaniana izay afaka hanaovana kajy amin'ny fandaniana amin'ny asa fikarohana.

**Andininy 55.** Amin'ny fanavaozana ny fahazoan-dàlana fikarohana, raha toa ka tsy hita taratra ny fampiasana ny CMRM, ny velarana nomena ny tompon'ny Fahazoan-dàlana hikaroka, aorian'ny fampihenana tsikelikely izay voalaza ao amin'ny andininy faha-89, dia ahena 25 isan-jato raha oharina amin'ny vakim-paritra tany am-piandohana.

**Andininy 56.** Ny tompon'ny Fahazoan-dàlana hikaroka dia manan-jo ihany koa hampiasa ireo akoran-karena mineraly nohadiana nandritra ny asa fikarohana, mba hanaovana fanadihadiana any amin'ny toeram-pitiliana na hatao santionan-javatra enti-mikaroka làlam-barotra, na koa hanaovana fanandramana mikasika ny fampiasana azy amin'ny indostria.

Ferana amin'ny alalan'ny didy amam-pitsipika ny fatra azo aondrana hanaovana fitiliana na hatao santionan-javatra na hanaovana fanandramana mikasika ny fampiasana azy amin'ny orinasa-taozava-dehibe.

**Andininy 57.** Ankoatr'izany, ny Fahazoan-dàlana dia manome ny tompony, ao anatin'ny vakim-paritra ananany ary mandritry ny fe-potoana mampanan-kery azy, ny zo hangataka, araka ny fepetra voalaza amin'ity Fehezan-dalàna ity:

- ny Fahazoan-dàlana hitrandraka (PE) ;

- ny Fahazoan-dàlana natokana ho an'ny Mpitrandraka artizanaly manokana raha toa ka mizaka ny zom-pirenena Malagasy ny tompon'ny Fahazoan-dàlana hikaroka voakasika (PREA).

**Andininy 58.** Raha toa ka mbola voarakotra ny Fahazoan-dàlana hikaroka (PR) ny vakim-paritra iray, dia tsy misy Fahazoan-dàlana sy Fanomezan-dàlana manokana hamandrika vakim-paritra (AERP) azo omena eo amin'izany.

## TOKO III
## NY FAHAZOAN-DALANA HITRANDRAKA

**Andininy 59.** Ny Fahazoan-dàlana hitrandraka (PE) dia manome ny tompony ao anatin'ny faritry ny vakim-paritra ananany ary mandritry ny fe-potoana mampanan-kery azy, zo manokana hanao fitrandrahana ireo akoran-karena an-kibon'ny tany ao anatin'ny Fahazoan-dàlana sady antony nanomezana azy, ary manohy ny fizahana-taratra sy fikarohana an'ireo akoran-karena voalaza ireo, izany dia atao araka ny andraikitra nekena ary voarakitra ao anatin'ny Bokin'andraikitra momba ny harena an-kibon'ny tany.

**Andininy 60.** Ny Fahazoan-dàlana hitrandraka (PE) dia omena ny tompon'ny Fahazoan-dàlana hikaroka (PR) na Fahazoan-dàlana natokana ho an'ny Mpitrandraka artizanaly (PREA) izay mangataka ny famadihana ny Fahazoan-dàlana.

**Andininy 61.** Ny fe-potoan'ny Fahazoan-dàlana hitrandraka dia dimy ambiroapolo taona (25). Azo havaozina indray mandeha ka maharitra dimy ambin'ny folo taona (15) izany. Aorian'io fotoana io, ny fanavaozana, dia tsy maintsy hamarinina araka ny fepetra voalaza ao amin'ny andininy faha 87 sy 88.

**Andininy 62.** Ny Fahazoan-dàlana hitrandraka dia manome ny zo hanorina ny fotodrafitrasa ilaina sy ny zo hampiasa ny hazo sy ny rano izay hita ao anatin'ny vakim-paritra araka ny lalàna sy ny didy amam-pitsipika manankery, izany anefa dia miankina amin'ny fanekena mialoha avy amin'ny tompon'ny tany.

**Andininy 63.** Ny tompon'ny PE dia mananjo hampiasa amin'ny filàn'ny fitrandrahana harena an-kibon'ny tany sy ny indostria mifandraika amin'izany, nefa andoavany onitra ara-drariny amin'ny tompon'ny tany, ireo akora avy amin'ny kariera izay nalaina mba ahafahana manatontosa ny asa fitrandrahana.

**Andininy 64.** Ny orinasa manao ny asa amin'ny akoran-karena manana ny Fahazoan-dàlana hitrandraka, izay mieritreritra hanao ny asa amin'ny harena an-kibon'ny tany mifampitohy tanteraka dia tsy maintsy manao fanambarana eo anivon'ny Fitantanan-draharaham-panjakana misahana ny harena an-kibon'ny tany.

Ka amin'izany ny Fahazoan-dàlana hitrandraka dia manome ny zo hanao na hampanao fitaterana ao anatin'ny vakim-paritry ny tetikasa ny akoran-karena mineraly zakan'ny Fahazoan-dàlana izay nohadiana, sy ny akora marihitra ny metaly sy ny tsaman'ireo akora,

hatrany amin'ny toerana fitahirizana na fanodinana na famatrarana, mahafaoka ihany koa ny fanomezan-dàlana hivarotra azy eo amin'ny tsena anatiny sy any ivelany.

**Andininy 65.** Ho an'ireo orinasa ireo ihany koa, ny Fahazoan-dàlana hitrandraka dia manome alàlana ihany koa hametraka eto amin'ny Lafin-tanin'ny Firenena, fitaovana fampiakarana taha, famonosana, fikarakarana, fanadiovana ary fanodinana ny akora-mineraly zakan'ny fahazoan-dàlana, nefa dia atao mifanaraka amin'ny fepetra voalazan'ny didy aman-dalàna manan-kery izany.

**Andininy 66.** Ny rejistr'ireo orinasa ireo, na izany aza, dia atao miavaka ny fitazonana azy arakaraka ny asa tsirairay na io mikasika ny fihadiana, na mikasika fanodinana na koa mikasika ny fivarotana.

## TOKO IV
## NY FAHAZOAN-DALANA NATOKANA HO AN'NY MPITRANDRAKA ARTIZANALY

**Andininy 67.** Ny Fahazoan-dàlana natokana ho an'ny mpitrandraka artizanaly (PREA) dia manome ny tompony ao anatin'ny faritry ny vakim-paritra ananany ary mandritry ny fe-potoana mampanan-kery azy, zo manokana hanao ny fizahana taratra, fikarohana sy fitrandrahana ny/na ireo akoran-karena ao anatin'ny Fahazoan-dàlana nomena azy, sy araka ny teknika artizanaly sy fampiasana ny fitaovana mekanika tsy matanjaka ka ny lisitra momba izany dia faritana amin'ny alalan'ny didy amam-pitsipika.

Ny asa atao amin'ny Fahazoan-dàlana natokana ho an'ny mpitrandraka artizanaly dia tsy maintsy manaraka ny andraikitra nekena ary voarakitra ao anatin'ny Fandaharan'asa sy Drafitry ny famatsiam-bolan'ny tompony Fahazoan-dàlana izay ampiarahina amin'ny tovan'ny taratasy fangatahana.

Ny modelin'ny Fandaharana'asa sy ny famatsiam-bolan'ny tompony Fahazoan-dàlana voalaza etsy ambony dia faritana amin'ny alalan'ny didy amam-pitsipika.

**Andininy 68.** Ny olona am-batana tsirairay mizaka ny zom-pirenena Malagasy sy vondron'olona mijoro ara-dalàna mizaka zom-pirenena Malagasy irery ihany no afaka mahazo sy mitazona ny Fahazoan-dàlana mampiasa teknika artizanaly.

**Andininy 69.** Ny vondron'ny mpitrandraka artizanaly rehetra, mitazona ny fanomezan-dàlana (AMEA) manan-kery dia afaka mangataka ny famadihana izany ho lasa Fahazoan-dàlana mampiasa teknika artizanaly (PREA).

Ny vondrona tsirairay dia manana zo hahazo efamira efatra (04) amin'ny fanomezan-dàlana ananany ka enim-bolana (06) ny faharetan'izany, azo havaozina indray (01) mandeha ka tsy mihoatra ny enim-bolana (06) izany fanavaozana izany.

Mandritra io fotona io, ny vondrona dia mametraka ny fangatahana ny Fahazoan-dàlana mampiasa teknika artizanaly eo anivon'ny BCMM.

**Andininy 70.** Ny fe-potoana mampanan-kery ny PREA dia valo (08) taona, azo havaozina indroa (02) ka efatra (04) taona izany isaky ny fanavaozana.

Aorian'io fotoana io, ny fanavaozana dia miankina amin'ny fankatoavana ny tatitra manamarina ny toerana azo trandrahina.

**Andininy 71.** Ny zo azo avy amin'ny PREA dia ny zo hanorina ny fotodrafitrasa ilaina sy ny zo afaka mampiasa ny hazo sy ny rano hita ao anatin'ny vakim-paritra, araka ny lalàna sy didy amam-pitsipika manan-kery, ka izany dia miankina amin'ny fanekena mialoha ataon'ny tompon'ny tany.

**TOKO V**
**NY AKORAN-KARENA AN-KIBON'NY TANY STRATEJIKA**

**Andininy 72.** Sokajiana ho akoran-karena an-kibon'ny tany stratejika ny akora mineraly rehetra, araka ny zava-misy ara-ekonomika nasionaly sy iraisam-pirenenana ankehitriny, izay maneho ny tombontsoa manokana ho an'ny Firenena manoloana ny maha-saro-pady azy sy ny zava-misy eo amin'ny fifandraisana stratejika.

**Andininy 73.** Ny lisitry ny akoran-karena an-kibon'ny tany stratejika dia faritana amin'ny alalan'ny didy amam-pitsipika, aoriana ny fakan-kevitra iarahana amin'ny Komity Nasionaly momba ny Harena an-kibon'ny tany (CNM) na, raha tsy misy izany, dia iarahana amin'ny vondron'ny mpandraharaha eo amin'ny sehatry ny harena an-kibon'ny tany.

**Andininy 74.** Ny tompon'ny Fahazoan-dàlana manana ny akoran-karena an-kibon'ny tany stratejika dia afaka mivarotra eo anivon'ny tsenam-barotra anatiny na manondrana ny vokatra ananany amin'ny vidiny eny amin'ny tsena, ka ny famaritana ny habetsahan'ny vokatra izay tsy maintsy amidy amin'ny indostria nasionaly arakaraky ny tena filàna dia miankina amin'ny Fanjakana.

Ny fombafomba fampiharana an'ity fepetra ity dia faritana amin'ny alalan'ny didy amam-pitsipika.

**TOKO VI**
**NY FANOMEZANA SY FIOVAOVAN'NY FAHAZOAN-DALANA MIKASIKA NY HARENA AN-KIBON'NY TANY**
**SAMPANA 1. NY FANOMEZANA**

**Andininy 75.** Ny zo hanao fikarohana sy/na fitrandrahana ny harena an-kibon'ny tany dia tsy azo atao raha tsy amin'ny alalan'ny Fahazoan-dàlana omen'ny Birao misahana ny sora-pananana momba ny harena an-kibon'ny tany (BCMM), araka ny fepetra voalazan'ity Fehezan-dàlana ity.

**Andininy 76.** Ny Fahazoan-dàlana dia omena amin'ny alalan'ny Didim-pitondrana raisin'ny Minisitra misahana ny Harena an-kibon'ny tany :

- na, avy amin'ny fangatahana napetraka eo anivon'ny BCMM ;
- na amin'ny fanaovana ny fifaninanana voalaza ao amin'ny fepetra andininy faha 136 ka atramin'ny 140 amin'ity Fehezan-dàlana ity.

**Andininy 77.** Ny Fahazoan-dàlana, ankoatra izay omena amin'ny alalan'ny fifaninanana, dia kirakiraina sy dinihina, araka ny fitsipika fototra milaza hoe : " Izay tonga aloha no voaray voalohany".

Ka amin'izany, ny antotan-taratasin'ny fangatahana ny Fahazoan-dàlana dia dinihina eo anivon'ny BCMM, araka ny filaharan'ny firaketana azy ireo.

**Andininy 78.** Ny fangatahana ny Fahazoan-dàlana izay natao amin'ny alalan'ny taratasy fangatahana izay azo alaina eny amin'ny BCMM, ka Didim-pitondrana raisin'ny Minisitra misahana ny Harena an-kibon'ny tany no mamaritra momba izany.

Raha toa ka miainga avy amin'ny fanomezan-dàlana hamandrika vakim-paritra manokana (AERP) ny fangatahana ataon'ny mpangataka, dia ampiarahany amin'ny fangatahany izany fanomezan-dàlana izany.

**Andininy 79.** Amin'ny fotoana nanaovana ny fangatahana ny Fahazoan-dàlana dia ampiarahin'ny mpangataka amin'ny fangatahany ny Fandaharan'asa arahin'ny Drafitry ny famatsiam-bola ka izany no hiangan'ny Fitantanan-draharaham-panjakana misahana ny harena an-kibon'ny tany hanao ny tombana momba ny fahaizany ara-teknika sy aram-pitantanam-bola.

**Andininy 80.** Ny Fahazoan-dàlana, ankoatra ireo omena amin'ny alalan'ny fifaninanana, dia omena amin'ny alalan'ny Didim-pitondrana raisin'ny Minisitra misahana ny Harena an-kibon'ny tany, ao anatin'ny fe-potoana tsy mihoatra ny enim-polo andro (60) iasana manomboka amin'ny fe-potoana nametrahana ny antotan-taratasy mangataka ny Fahazoan-dàlana, amin'ny olona voalohany mahafeno ny fepetra amin'ny andininy faha 79 voalaza eo ambony.

**Andaniny 81.** Ny BCMM no mandinika ny antotan-taratasy rehetra momba ny fangatahana ny Fahazoan-dàlana ary mampita izany any amin'ny Fitantanan-draharaham-panjakana, miaraka amin'ny fanapaha-keviny ny amin'ny fahafenoany ny fenitra ara-panjakana sy ara-kadasitra.

Raha ilaina, ny BCMM dia mampahafantatra ny mpangataka ny tsy fahafenoam-penitry ny fangatahany.

**Andininy 82.** Ny Fitantanan-draharaham-panjakana misahana ny harena an-kibon'ny tany, mandritra ny tombana ny Fandaharan'asa arahin'ny Drafitry ny famatsiam-bola natolotry ny

mpangataka, dia afaka mahazo avy amin'ity farany amin'ny fampahafantarana azy ny angonam-baovao ilàna fanampiny.

**Andininy 83.** Aorian'ny tombana ara-teknika sy ara-pitantanam-bola mahafapo nataon'ny Fitantan-draharaham-panjakana misahana ny harena an-kibon'ny tany, ity farany dia mampandre ny BCMM, ka amin'izany, ity farany dia manomana sy manolotra eo anivon'ny Minisitra misahana ny Harena an-kibon'ny tany, ny vinavinan'ny Didim-pitondrana manome ny Fahazoan-dàlana, izay miaraka amin'ny Bokin'andraikitra momba ny harena an-kibon'ny tany.

Io Bokin'andraikitra momba ny harena an-kibon'ny tany io dia ahitana ny fiantohana ara-teknika sy ara-pitantanam-bola izay tsy maintsy arahin'ny tompon'ny Fahazoan-dàlana.

**Andininy 84.** Ny Fahazoan-dàlana voalohany dia omen'ny BCMM aorian'ny fandoavana ny Saram-pandraharahana amin'ny harena an-kibon'ny tany aloa isan-taona isaky ny efamira, nataon'ny tompony, izay tsy maintsy aloa anatin'ny fe-potoana voalaza ao amin'ny andininy faha 276 an'ity Fehezan-dalàna ity sy aorian' ny fandoavana ny fandraisana anjara ao amin'ny Tahirim-bola avy amin'ny harena an-kibon'ny tany anaovana fampiasam-bola ara-tsosialy sy ho an'ny Vondrom-bahoaka ifotony,  izay voalaza ao amin'ny andininy faha 281 an'ity Fehezan-dalàna ity.

**Andininy 85.** Ny fandàvana rehetra eo amin'ny fanomezana ny Fahazoan-dàlana dia tsy maintsy misy antony sy ampahafantarina ny mpangataka, ao anatin'ny fepo-toana enim-polo (60) andro iasana, manomboka amin'ny fotoana nametrahana ny fangatahana.

**Andininy 86.** Ny fangatahana ny Fahazoan-dàlana rehetra dia tsy maintsy mifanaraka amin'ny didy amam-pitsipika manan-kery eo amin'ny sehatry ny tontolo iainana, araka ny Toko II Lohateny VI amin'ity Fehezan-dalàna ity.

**SAMPANA 2. NY FANAVAOZANA:**

**Andininy 87.** Ny fanavaozana ny Fanomezan-dàlana momba ny harena an-kibon'ny tany, ataon'ny mpangataka, dia azo ekena, raha toa ka mahafeno ny fepetra takian'ny lalàna sy ny didy amam-pitsipika voalaza ireto ambany ireto :

1. ny fandoavana ny saram-pandraharahana amin'ny harena an-kibon'ny tany ny taona teo aloha ;
2. ny fandoavana ny haba sy hetra manokana ho an'ny vokatra harena an-kibon'ny tany ny taona mialohan'ny fangatahana ny fanavaozana, ho an'ny Fahazoan-dàlana natokana ho an'ny mpitrandraka artizanaly (PREA) sy ny Fahazoan-dàlana hitrandraka (PE);
3. ny fanajana ny fepetran'ny Bokin'andraikitra momba ny  harena an-kibon'ny tany, indrindra mahakasika ny tatitra ara-teknika sy ara-pitantanam-bola ;
4. ny fetezana manoloana ny Fitantanan-draharaham-panjakana misahana ny hetra ;

5. ny fananana ny Fahazoan-dàlana ara-tontolo iainana na ny Fanomezan-dàlana ara-tontolo iainana manan-kery ;
6. ho an'ny Fahazoan-dàlana hitrandraka, ny fanamarinana ny filàna ny fanavaozana avy amin'ny fanaovana ny fandinihana ny fahazoa-manao manaraka ny fotoana, arahan'ny fiantohana ny fahavitan'ny asa momba ny fitrandrahana nokasain-katao.

**Andininy 88.** Ny fanavaozana ny Fahazoan-dàlana dia ataon'ny manampahefana nanome ny Fahazoan-dàlana tamin'ny voalohany araka ny fepetra mitovy amin'izay nampiharina tamin'izany fanomezana izany.

Tsy voatery mampiseho antotan-taratasy mirakitra ny fandaharan'asa iantohana ny fanarenana ny tontolo iainana na ny fanadihadiana ny fiatraikan'ny asa eo amin'ny tontolo iainana intsony ny tompom-pahazoan-dàlana, raha tsy hoe misy fiovana misongadina ao amin'ny soridrafitrasa natao.

Faritana amin'ny alalan'ny didy amam-pitsipika ny toe-javatra izay hitakiana antontan-taratasy vaovao mikasika ny tontolo iainana.

Na izany aza anefa, ho an'ny fanavaozana ny Fahazoan-dàlana hitrandraka, ny tompony dia tsy maintsy mametraka ny fandinihana ny mahamety nampifanarahana ny zava-misy ankehitriny.

**Andininy 89.** Ny tompon'ny Fahazoan-dàlana hikaroka (PR) dia iharan'ny fampihenana tsikelikely ny velaran'ny vakim-paritra ananany.

Io fampihenana tsikelikely io dia atao arak'izao fombafomba izao :

- ny velaran'ny vakim-paritry ny Fahazoan-dàlana hikaroka (PR) dia mihena 25 isan-jato farafahakeliny ny velarana teny am-piandohana amin'ny fotoanan'ny fanavaozana voalohany ;
- ny velaran'ny vakim-paritry ny Fahazoan-dàlana hikaroka (PR) dia mihena 25 isan-jato farafahakeliny amin'ny velarana sisa tavela amin'ny fotoanan'ny fanavaozana faharoa.

**Andininy 90.** Ny tompon'ny PR no misafidy ny efamira haverina ka ny safidy izay nataony dia tsy mampitoka monina ny vakim-paritra hafa any aoriana any.

Ny fampihenana tsikelikely dia tsy mahafaka ny tompony amin'ny andraikitra ara-tontolo ianana mikasika ny efamira naverina.

Ny efamira sisa tavela dia tsy maintsy mijanona mifanila sy miray lafy.

**Andininy 91.** Ny fampihenana tsikelikely dia mihatra raha vao misy fangatahana ny fanavaozana ny Fahazoan-dàlana hikaroka ataon'ny tompony.

Ampiarahin'ny tompony amin'ny fangatahany ny fangitry ny efamira izay averina, araka ny fepetra ao amin'ny andininy faha 90 voalaza ambony io.

Ny BCMM dia manao avy eo ny fanarenana ny vakimparitra, izay nanaovana ny fangatahana fanavaozana.

**Andinint 92.** Ny fangatahana ny fanavaozana dia apetraka ao amin'ny BCMM ao anatin'ny fe-potoana dimy amby efa-polo (45) andro iasana, alohan'ny fahataperan'ny fotoam-paharetan'ny Fahazoan-dàlana.

**Andininy 93.** Ny Fahazoan-dàlana rehetra, nanaovana fangatahana fanavaozana, dia mijanona manan-kery mandra-pivoahan'ny fanapahan-kevitra mikasika izay anaovana azy.

Ka amin'izany, ary mandritra ny fanavaozana, ny tompony dia tsy maintsy manaja ny fepetra rehetra mikasika ny Fahazoan-dàlana.

**Andininy 94.** Ny fangatahana ny fanavaozana dia raketina an-tsoratra ao amin'ny BCMM rehefa nandoa ny sara mombany fanavaozana mifandraika amin'izany, ka ny vola aloa sy fombafomba arahina amin'ny fandraisana ny vola dia faritana amin'ny alalan'ny didy amam-pitsipika.

**SAMPANA 3. NY FANOVANA FAHAZOAN-DALANA**

**Andininy 95.** Ny tompon'ny PREA na PR dia afaka mangataka ny fanovana ny Fahazoan-dàlana ananany ho lasa PE amin'ny fotoana rehetra.

**Andininy 96.** Ireto antontan-taratasy manaraka ireto, dia takiana amin'ny fanovana ny Fahazoan-dàlana hikaroka (PR) ho an'ny amin'ny Fahazoan-dàlana hitrandraka (PE) :

1. ny karazany fangatahana hapetraka alohan'ny fahataperan'ny fotoam-paharetan'ny fanomezan-dàlana voalaza io ;
2. ny tatitra momba ny fandinihina ny maha mety ;
3. ny tatitra isam-potoana ny asa.

Ny modelin'io tatitra io dia faritana amin'ny alalan'ny didy amam-pitsipika.

**Andininy 97.** Ho an'ny fanovana ny PR ho lasa PREA :

1. ny karazany fangatahana hapetraka alohan'ny fahataperan'ny fotoam-paharetan'ny fanomezan-dàlana voalaza io ;
2. ny antotan-taratasy mamaritra ny toetran'ny fandrosoan'ny asa momba ny fikarohana izay efa natao ;
3. ny tatitra ara-teknikan'ny fikarohana ;
4. ny tatitra isam-potoana ny asa.

**Andininy 98.** Ny velaran'ny vakim-paritra, ny fe-potoana faharetan'ny fahazoan-dàlana, ny fitaovana momba ny fitrandrahana ary ny saram-pandraharahana ara-karena an-kibon'ny tany dia ahitsy araka izany.

**Andininy 99.** Ny Fahazoan-dàlana nanaovana fanovana dia manaraka ny fitsipika mifehy ny Fahazoan-dàlana izay misy azy, ary ny tompony dia tsy maintsy miroso amin'ny fanajana ny fiovana izay naterany.

## TOKO VII
## NY FIFAMPIRAHARAHANA, NY FAMINDRANA SY NY FAMOIZANA NY FAHAZOAN-DALANA.

**Andininy 100.** Ny PR dia anisan'ny zo azo amidy, azo afindra amin'olon-kafa ary azo apetraka ho antoka.

Efamira iray manontolo ihany no azo izaràna azy.

**Andininy 101.** Ny PE dia anisan'ny zo azo amidy, azo afindra amin'olon-kafa, azo ahofa mba ho trandrahana ary azo apetraka ho antoka.

Efamira iray manontolo ihany no azo izaràna azy.

**Andininy 102.** Ny PREA dia anisan'ny zo azo amidy, azo afindra amin'olon-kafa, azo ahofa mba ho trandrahana ary azo apetraka ho antoka, ankoatra izay omena an'ireo vondrona, araka ny voafaritra amin'ny Toko faha IV ao amin'ny Lohateny I amin'ity Fehezan-dàlana ity.

**Andininy 103.** Ny taratasin'ny fifampivarotana, ny fampanofana mba ho trandrahana, na famindrana amin'olon-kafa, ny fametrahana ho antoka, na fanaovana antoka na ny fiovana rehetra misy fiantraikany amin'ny Fahazoan-dàlana, dia atao manaraka ny fepetra araka ny lalàna sy ny didy amam-pitsipika manan-kery, araka ny fametrahana nataon'ny tompon'ny Fahazoan-dàlana, ary tsy maintsy raketina ao anatin'ny rejisitry ny BCMM mba ahafahany manan-kery eo anatrehan'ny Fitondram-panjakana.

Ny dika mitovin'izany taratasy noraketina izany dia apetraky ny tompon'ny Fahazoan-dàlana mba ho tehirizina ao amin'ny BCMM.

**Andininy 104.** Raha toa ka misy ny fifanolanana eo anatrehan'ny Fitsarana mikasika ny taratasin'ny famindrana amin'olon-kafa na fiantohana, dia ny didim-pitsarana raikitra sy fahataperan'ny fahafahana mampakatra fitsarana irery ihany no tsy azo lavina eo anivon'ny BCMM, ka ity farany dia miroso amin'ny firaketana ny zo momba ny harena an-kibon'ny tany nomen'ny didim-pitsarana io, ka izany dia atao ao anatin'ny fanajana ny paik'ady mikasika ny firaketana io.

**Andininy 105.** Ny BCMM dia mitsipaka ny firosoana amin'ny firaketana antsoratra na ny famindrana amin'olon-kafa, raha toa ka tsy feno ny fepetra mikasika ny firaketana na fahafahana ahafahan'ny mpisitraka ny zo momba ny harena an-kibon'ny tany.

## SAMPANA 1. NY FAMINDRANA NY FAHAZOAN-DALANA

**Andininy 106.** Ny fampivarotana sy ny famindrana ny Fahazoan-dàlana, ankoatra izay tazonin'ny vondrona, dia malalaka amin'ny olona rehetra mahafeno ny fepetra momba ny fahazoana sy fitazonana Fahazoan-dàlana mikasika ny harena an-kibon'ny tany, ka izany dia tsy maintsy manaraka ny fepetra voalaza ao amin'ny andininy faha-9 an'ity Fehezan-dalàna ity.

**Andininy 107.** Atao ny Fahazoan-dàlana mikasika ny harena an-kibon'ny tany vaovao ka ny zo sy ny andraikitra mifandraika amin'ny Fahazoan-dàlana tany am-piandohana dia mifindra amin'ny tompony vaovao, rehefa manaja ny fepetra voalaza ao amin'ny andininy faha-108 voalaza etsy ambany.

Ny famindrana amin'olon-kafa dia manaraka ny fepetra teo amin'ny fanomezana ny Fahazoan-dàlana.

**Andininy 108.** Ny taratasim-pivarotana na ny famindrana rehetra, ny fifanarahana fametrahana antoka rehetra, izay miantraika amin'ny Fahazoan-dàlana dia tsy manan-kery eo amin'ny Fitantanan-draharaham-panjakana raha toa ka tsy voaraikitra eo anivon'ny BCMM.

Ny dika mitovin'izany taratasy noraketina izany dia apetraky ny tompon'ny Fahazoan-dàlana mba ho tehirizina ao amin'ny BCMM.

**Andininy 109.** Raha vantany vao vita ny firaketana ny momba ny famindrana eo anivon'ny BCMM, ny adidin'ny mpivarotra mifandraika amin'ny Fahazoan-dàlana na adidy manolona ny Ministera misahana ny Harena an-kibon'ny tany dia mifindra avokoa any amin'ny mpividy.

Na izany aza anefa, ny adidy aman'andraikitra momba ny tontolo iainana izay nahazoana ny taratasy manafaka andraikitra madiodio tondroin'ny andininy faha 124 an'ity Fehezan-dalàna ity, izay efa nataon'ny mpivarotra dia tsy maintsy takian'ny mpividy amin'ny fotoanan'ny fivarotana. Raha tsy misy izany, ny roa tonta dia mijanona ho tompon'andraikitry ny fanekena nataon'ny mpivarotra ka izany dia mijanona eo amin'ny asa nataon'ity farany.

## SAMPANA 2. NY FAMPANOFANA MBA HO TRANDRAHANA SY NY FIARAHA-MIASA

**Andininy 110.** Ny taratasin'ny fampanofana mba ho trandrahana sy ny taratasin'ny fiaraha-miasa dia tsy maintsy raketina ao amin'ny Rejistran'ny Sora-pananana mikasika ny harena an-kibon'ny tany, raha tiana hanan-kery eo anatrehan'ny Fitantanan-draharaham-panjakana.

**Andininy 111.** Amin'ny fotoanan'ny firaketana, dia soratana ny ao amin'ny lamosin'ny taratasin'ny Fahazoan-dàlana, ny soratra hoe fampanofana mba ho trandrahana na ny hoe fiaraha-miasa, ary ny anaran'ny mpisitraka.

**Andininy 112.** Ny taratasin'ny fampanofana mba ho trandrahana dia mamindra any amin'ny mpanofa ny zo sy ny adidy avy amin'ny Fahazoan-dàlana, nanaovana ny fampanofana mba ho trandrahana.

Ka amin'izany, ny fampanofana mba ho trandrahana dia manome ny mpanofa ny zo hampiasa ny *Laissez-passer* mifandraika amin'ny fahazoan-dàlana, nanaovana ny fampanofana mba ho trandrahana.

**Andininy 113.** Na izany aza anefa, ny tompon'ny Fahazoan-dàlana nampanofaina sy ny mpanofa dia mijanona tompon'andraikitry ny adidy mifandraika amin'ny Fahazoan-dàlana izay nanaovana ny fampanofana mba ho trandrahana, manoloana ny Fitondram-panjakana.

**Andininy 114.** Ny fampanofana faharoa dia voarara eo amin'ny sehatry ny fampanofana mba ho trandrahana.

**Andininy 115.** Ny tompon'ny Fahazoan-dàlana dia afaka miasa ao anatin'ny vakim-paritra ananany, iarahany miasa amin'ny olon-tsotra na orinasa, afaka mahazo sy mitazona ny Fahazoan-dàlana, ka izany dia atao mifanaraka amin'ny fepetra voalaza ao amin'ny andininy faha 9 amin'ity Fehezan-dalàna ity.

**Andininy 116.** Raha toa ka misy ny fifanolanana eo anatrehan'ny fitsarana, ny didim-pitsarana raikitra irery ihany izay efa tapitra ny fe-potoana ahafahana manao fampiakarana ny raharaha, no azon'ny BCMM tanterahina mba ho fandraisana an-tsoratra ny zo amin'ny harena an-kibon'ny tany na ny famindrana izany, ka atao ao anatin'ny fanajana ny paik'ady momba izany.

Raha toa ka tsy fenon'ny mpisitraka ny zo amin'ny harena an-kibon'ny tany ny fepetra amin'ny fisoratana na ny fepetra takiana, ny BCMM dia mandà ny firosoana amin'ny fanoratana na ny famindrana.

## SAMPANA 3. NY FAMOIZANA

**Andininy 117.** Amin'ny fotoana rehetra ny tompon'ny Fahazoan-dàlana dia afaka mamoy manontolo na amin'ny ampahany ny vakim-paritra izay nahazoany fahazoan-dàlana.

Raha toa ka famoizana amin'ny ampahany, dia tokony mahakasika efamira iray na maromaro izany.

**Andininy 118.** Ny famoizana manontolo dia iharan'ny fanakatonana ilay toeram-pikarohana na ilay toeram-pitrandrahana, araka ny fepetra efa voalazan'ny didy amam-pitsipika.

**Andininy 119.** Ny famoizana dia anaovana fanambarana sy raketina an-tsoratra eo anivon'ny BCMM, miaraka amin'ny fanondroana mazava ny/na ireo efamira izay nafoy manontolo.

**Andininy 120.** Ny famoizana amin'ny ampahany ny vakim-paritra dia tsy maintsy atao amin'ny fomba ahafahana mitazona ireo efamira ambiny, mifanila na miray lafy, ary tsy tokony hiteraka fitokana-monina ho an'ny vakim-paritra hafa mbola ho avy.

Ny tompon'ny Fahazoan-dàlana dia mametraka ny fahazoan-dalany mba ho asiam-panitsiana.

**Andininy 121.** Ny famoizana dia tsy azo hiverenana na manontolo na amin'ny ampahany

**Andininy 122.** Manafaka ny tompon'ny Fahazoan-dàlana amin'ny adidy momba ny fandoavana ny saram-pandraharahana amin'ny harena an-kibon'ny tany mikasika ireo taona manaraka ary mifandraika amin'ireo efamira nafoy, ny famoizana noraketina eo anivon'ny BCMM.

**Andininy 123.** Ny famoizana dia tsy manome zo amin'ny famerenana ny saram-pandraharahana amin'ny harena an-kibon'ny tany isaky ny efamira efa naloa.

**Andininy 124.** Mba ahafahana tsy iharan'ny adidy aman'andraikitra mikasika ny fanarenana ny tontolo iainana dia tsy maintsy mahazo ny taratasy manafaka andraikitra madiodio avy amin'ny manampahefana mahefa izay nanome ny fanomezan-dàlana momba ny tontolo iainana tany amboalohany ny tompon'ny fahazoan-dàlana, aorian'ny fanamarinana eny an-toerana ny fahavitany ny asa fanarenana.

**Andininy 125.** Raha toa ka atao amin'ny ampahany ny famoizana dia ahitsy ary omen'ny BCMM ny fahazoan-dàlana.

Izany Fahazoan-dàlana vita fanitsiana izany dia soratana ao amin'ny boky firaketana ny Fahazoan-dàlana nomena.

## TOKO VIII
## NY FARITRA AROVANA, NY FARITRA VOATOKANA ARY NY FARITRA VOARARA
### SAMPANA 1. NY FARITRA AROVANA.

**Andininy 126.** Ny fametrahana vonjimaika ny faritra ho arovana mba hanaovana famaritana faritra arovana vaovao, avy amin'ny Minisitera misahana ny Tontolo iainana, dia tsy maintsy ampahafantarina ny Ministera misahana ny Harena an-kibon'ny tany mba ho dinihina sy hanaovana fakan-kevitra mialoha.

Ny fangitr'ireo faritra arovana vaovao sy ny antotan-taratasy ara-teknika miaraka aminy dia ampitaina aminy mba ahafahana manoratra izany ao anatin'ny sarin-tany *retombes minières.*

**Andininy 127.** Na inona na inona antony, ny vakim-paritra rehetra izay voatsangana dia tsy azo faritana ho faritra arovana intsony.

**Andininy 128.** Raha toa ka misy ny fidirana an-keriny ao anatin'ny faritra arovana, hanao fizahan-taratra ao anatiny, hanao fikarohana na fitrandrahana harena an-kibon'ny tany, dia raisin'ny manam-pahefana eo anivon'ny Vondrom-bahoakam-paritra Itsinjaram-Pahefana an-tanana ny raharaha, na dia tsy misy aza ny fitorohana avy aman'olona hafa.

Azony atao ny mangataka tolo-tanana avy amin'ny tompon'andraikitry ny aro voina, raha misy ny eo an-toerana, raha toa ka tsy misy dia manantona ny solotenam-panjakana akaiky indrindra.

Ampahafantarina ihany koa ny tompon'andraikitra ao amin'ilay faritra arovana sy ny Fitantanan-draharaham-panjakana misahana ny harena an-kibon'ny tany.

**Andininy 129.** Raha hita fa ny faritra arovana dia tsy misy antony tokony hiarovana azy intsony ara-tontolo iainana, ny Minisitra misahana ny harena an-kibon'ny tany dia miroso amin'ny fangatahana fanesorana izany tsy ho anisan'ny faritra arovana intsony eo anivon'ny Minisitera misahana ny Tontolo iainana.

## SAMPANA 2. IREO FARITRA VOARARA

**Andininy 130.** Ankoatra izay mety ho fepetra hafa fanakanana, tsy misy asa fikarohana na fitrandrahana momba ny harena an-kibon'ny tany ety ambonin'ny tany azo atao ao anatin'ny faritry ny zato (100) metatra, antsoina hoe faritra voarara, raha tsy hoe voamarina fa ny fahazoan-dalana sy/na fanomezan-dalana ara-karena an-kibon'ny tany dia efa nomena tany aloha :

1- manodidina ny fananan'olona mifefy tamboho na zavatra hafa mifanahantsahana amin'izany na koa izay rehetra mety ho fomba famaritana hafa fampiasan'ilay faritra voakasika, manodidina ny tanàna, ny trano fonenana mitangorona, ny fatsakana sy ny loharano, ny trano fivavahana, ny toeram-pandevenana sy ny toerana izay heverina fa manan-kasina na fady, raha tsy misy fanekena an-tsoratra arakakaraka ny fisehoan-javatra, na avy amin'ny tompony na avy amin'ny manampahefana ao amin'ny Vondrom-bahoakam-paritra Itsinjaram-Pahefana voakasiaka ;
2- amin'ny andaniny sy ankilany amin'ny làlana, ny fitarihandrano ary amin'ny an-kapobeny manodidina ny sehatr'asa rehetra natao ho an'ny asa vaventy ho fanasoavam-bahoaka, ny toerana manan-danja *archéologiques*, ny toeram-pivavahana, ny toerana voasokajy ho mitahiry ny kolon-tsaina sy fizahan-tany ary ireo tao-java-kanto, raha tsy misy fanomezan-dàlana avy amin'ny Minisitra misahana ny Harena an-kibon'ny tany rehefa avy nakana ny hevitr'ireo tompon'andraikitra mahefa amin'izany.

**Andininy 131.** Ny faritra voaaro fanampiny dia afaka didiana, amin'ny alalan'ny Didim-pitondran'ny Minisitra misahana ny Harena an-kibon'ny tany, ho fiarovana ny tsangan'asa sy ny tangoron-tanàna, loharano, lalam-pifandraisana, asa tànana sy asa ho an'ny tombon-tsoan'ny daholobe, na amin'ny asa rehetra izay heverina fa ilaina amin'ny tombon-tsoan'ny daholobe amin'ny alalan'ny fangatahana ataon'ny voakasika aorian'ny fanadihadiana.

Ao anatin'ireo faritra ireo, ny fikarohana sy ny fitrandrahana harena an-kibon'ny tany dia afaka ampanarahana fepetra izay voalazan'ny Didim-pitondrana voalaza etsy ambony.

## SAMPANA 3. NY FARITRA VOATOKANA

**Andininy 132.** Ireo faritra voatokana dia faritra natokana vonjimaika hanaovana asa vaventy, fanadihadiana ara-haibolan-tany, ny fampiroboroboana ny harena an-kibon'ny tany na fanomezana tan-tsoroka ireo mpitrandraka artizanaly amin'ny harena an-kibon'ny tany, izay miankina amin'ny fisian'ilay vakim-paritra voakasika.

**Andininy 133.** Ireo faritra voatokana dia faritana amin'ny alalan'ny Didim-pitondrana raisin'ny Minisitra misahana ny Harena an-kibon'ny tany.

Io Didim-pitondrana voalaza io dia ahitana :

- ny fanondroan' ireo efamira mandrafitra ny faritra voatokana ;
- ny faharetana ilaina amin'ny fanokanana ;
- ny antony anaovana ny faritra voatokana.

### ZANA-TSAMPANA 1. NY FARITRA VOATOKANA HANAOVANA ASA VAVENTY

**Andininy 134.** Ho an'ny fanaovana asa vaventy, ny Minisitra misahana ny Harena an-kibon'ny tany, aorian'ny fandinihana ny antontan-taratasy fanamarinana mifanaraka amin'izany asa izany, araka ny fangatahan'ny manam-pahefana voakasika izay manao ny famaritana mazava, dia afaka mamoaka Didim-pitondrana, manambara ny faritra iray ho voatokana mandritra ny faharetan'ny asa.

**Andininy 135.** Ny fe-potoana voalohany manasokajy ny faritra voatokana ho an'ny asa vaventy dia tsy afaka mihoatra, amin'izany tranga izany, roa ambiny folo (12) volana, azo havaozina in-droa (02) amin'ny fe-potoana mitovy.

### ZANA-TSAMPANA 2. FARITRA VOATOKANA HANAOVANA FANADIHADIANA ARA-HAIBOLANTANY

**Andininy 136.** Ho an'ny fanadihadiana ara-haibolan-tany sy/na amin'ny tanjona fampiroboroboana ny harena an-kibon'ny tany, ny Minisitra misahana ny Harena an-kibon'ny tany dia afaka mandray Didim-pitondrana manambara ny faritra voatokana, ka izany dia manaraka ny fepetra voalazan'ny andininy 132 etsy ambony.

Ny faritra dia afaka omena ny Antokon-draharaham-panjakana manokana, araka ny andininy faha 9 amin'ity Fehezan-dàlana ity, mba ahafahany manao ilay fanadihadiana voalaza.

**Andininy 137.** Aorian'ny fanadihadiana ara-haibolan-tany na ao anatin'ny sehatry ny fampiroboroboana ny harena an-kibon'ny tany, ny Minisitra misahana ny Harena an-kibon'ny tany, dia afaka amin'ny alalan'ny Didim-pitondrana, mandefa tolotra fifaninana

amin'ny fanomezana ny Fahazoan-dàlana amin'ny harena an-kibon'ny tany ao anatin'ny faritra voakasika.

**Andininy 138.** Ny Fanjakana, amin'ny alalan'ny iray na ireo Antokon-draharaha manana fahaizana manokana voalaza amin'ny andininy 9 amin'ity Fehezan-dalàna ity, dia manana zo hisitraka ny 10 isan-jato amin'ny renivola sosialin'ny orinasa namaly ny fiantsoana, tompona fahazoan-dàlana.

Ity fandraisana anjara ity, izay tsy azo levonina dia tsy afaka heverina ho toy ny manome tombony manokana ireo Antokon-draharaha. Tsy misy fandraisana anjara ara-bola takiana amin'ny Fanjakana amin'ny anaran'ny petra-bola nentina na dia eo aza ny fampiakarana ny renivola.

**Andininy 139.** Ireo fombafomba fanaovana ity fiantsoana amin'ny fifaninana ity dia faritana amin'ny alalan'ny didy amam-pitsipika ary tsy maintsy manaja ireo fepetran'ny fangaraharahana.

**Andininy 140.** Arak'izany, ny Minisitra misahana ny Harena an-kibon'ny tany dia afaka, mametra ny fanomezana ny fahazoan-dalana mikasika ireo faritra voalaza amin'ny andininy 136, ho an'ny mpangataka vaovao.

**Andininy 141.** Amin'io tranga io, ny faharetana voalohan'ny fanokanana ho faritra voatokana dia tsy mahazo mihoatra ny efatra amby roapolo (24) volana, azo halavaina indray mandeha amin'ny fe-potoana mitovy, mifanaraka amin'ny fombafomban'ny fanokanana voalohany.

## ZANA-TSAMPANA 3. FARITRA VOATOKANA HANAOVANA TANTSOROKA HO AN'NY MPITRANDRAKA ARTIZANALY

**Andininy 142.** Ho an'ny tantsoroka ho an'ny mpitrandraka mampiasa teknika artizanaly amin'ny harena an-kibon'ny tany, ny Minisitra misahana ny Harena an-kibon'ny tany, amin'ny alalan'ny tolo-kevitry ny Fitaleavana Foibe, Fitaleavam-paritra na Iraisam-paritra misahana ny Harena an-kibon'ny tany, na ny Ivo-toeran'ny Volamena eto Madagasikara arakaraka ny tranga, dia afaka mandray Didim-pitondrana manambara ny faritra voatokana, antsoina hoe Faritry ny Tantsoroka (ZE).

**Andininy 143.** Ny fe-potoana voalohany amin'ny fanasokajiana ho faritra voatokana ho an'ny tantsorok'ireo mpitrandraka artizanaly dia tsy mahazo mihoatra ny enina (06) volana, azo halavaina indray mandeha amin'ny fe-potoana farany ambony enina (06) volana.

**Andininy 144.** Mandritra io fotoana voalaza io, ny Fitantanan-draharaham-panjakana misahana ny harena an-kibon'ny tany dia manao ny tan-tsoroka ho an'ireo mpitrandraka artizanaly izay tsy maintsy miaraka anatin'ny vondrona.

**Andininy 145.** Eo ampiandrasana ny fahazoana ny PREA, dia omena ny Vondrona ny Fanomezan-dàlana manokana amin'ny harena an-kibon'ny tany amin'ny fitrandrahana

artizanaly (AMEA) ka ny faharetana dia enina (06) volana, azo havaozina indray mandeha, ho an'ny fe-potoana mitovy.

**Andininy 146.** Ny vondrona manana AMEA dia tsy maintsy manao ny antontan-taratasin'ny Drafitry ny Fanekena ara-Tontolo iainana apetraka ao amin'ny Sampan-draharaha misahana ny tontolo iainana ao amin'ny Minisitera misahana ny Harena an-kibon'ny tany.

**Andininy 147.** Mba ho famarotana ny vokatr'izy ireo, ny Fitantan-draharaham-panjakana misahana ny harena an-kibon'ny tany dia manome *Laissez-passer* mifanaraka amin'ny didy aman-pitsipika.

Ka amin'izany, ireo vondrona ireo dia tsy maintsy maneho mialoha ny boky mirakitra ny vokatra voamarina sy voatomboky ny Fitantanan-draharaham-panjakana misahana ny harena an-kibon'ny tany.

Ankoatr'izany, izy ireo dia tsy maintsy manao tatitry ny asanyisaky ny telo volana izay apetraka eny anivon'ny Fitaleavam-paritra na iraisam-paritry ny Ministeran'ny Harena an-kibon'ny tany any amin'ilay toerana misy ny fitrandrahana.

**Andininy 148.** Ny PREA izay omena ho an'ny vondrona dia tsy azo amidy sy tsy azo ahofa mba ho trandrahana.

**Andininy 149.** Aorian'ny fizahana fototra ahafantarana fa tsy mitombina intsony ny antony nanasokajiana ny toerana voatokana, ny Minisitra misahana ny Harena an-kibon'ny tany dia afaka miroso amin'ny famelàna malalaka izany toerana voalaza fa voatokana izany ary atao amin'ny alalan'ny didim-pitondrana izany.

## TOKO IX
## NY FAIKA AVY AMIN'NY FITRANDRAHANA HARENA AN-KIBON'NY TANY SY NY *SOUS PRODUITS*
### SAMPANA 1. NY NY FAIKA AVY AMINI'NY FITRANDRAHANA HARENA AN-KIBON'NY TANY

**Andininy 150.** Ireo faika azo avy amin'ny harena an-kibon'ny tany, araka ny voalazan'ity fehezan-dalàna ity dia ireto avy :

- ny akora tsy ilaina vokatry ny fanokafana ny toeram-pitrandrahana sy/na ny famaritana *galerie* sy ny sisa tavela amin'ny fikarohana, ka ny famerenana ny fampiasana azy na ny fitobiana raha ilaina, dia tsy mila fepetra na fanomezan-dàlana manokana ;
- ny sisa tavela amin'ny fikirakirana na ny akora tsy mamokatra sy ny sisa tavela miaraka amin'ny akora simika, indrindra indrindra ny fotaka avy amin'ny fanasana, ny tain-drendriky ny fefy na ny fiombonan'ny mineraly ;
- ny faika avy amin'ny fanasana na ny fikirakirana ny mineraly ;
- ny vokatra tsy azo trandrahina noho ny antony ara-ekonomika sy teknika amin'izany fotoana izany.

**Andininy 151.** Ny fitantanana sy/na ny fampiasana indray mandeha ny faika avy amin'ny harena an-kibon'ny tany, dia manaraka ny Drafitry ny fitantanana ny faika voalaza mialoha ao anatin'ny Bokin'andraikitry ny tompon'ny fahazoan-dàlana.

Ny fampiasana indray mandeha ny faika izay misy singa fanampiny simika na ny faika misy akora hafa mivaky ivon'atôma, dia mitaky fanomezan-dàlana mialoha avy amin'ny Ivon-toerana Nasionaly ara-tSiansa sy ara-Tekinika Niokleary (INSTN) sy/na vondrona hafa mahefa.

Ny fepetra sy ny fombafomba fanantaterahana ny fanatobiana ireo faika avy amin'ny harena an-kibon'ny tany dia voalaza ao anatin'ny Bokin'andraikitra mikasika ny harena an-kibon'ny tany.

**Andininy 152.** Ankoatra ny fepetra voalaza amin'ity Fehezan-dàlana ity, ny tompon'ny Fahazoan-dàlana hitrandraka (PE) dia afaka mitrandraka tsy misy fepetra ara-panjakana hafa ny faika mikasika ny harena an-kibon'ny tany avy amin'ny asa izay ataony.

Na izany aza, ny fampiasan'ny olon-kafa ankoatra ny tompon'ny Fahazoan-dàlana, ny faika avy amin'ny harena an-kibon'ny tany dia tsy maintsy anaovana fifanarahana eo amin'ny tompon'ny Fahazoan-dàlana hitrandraka sy ilay olona liana amin'izany.

Izany fifanarahana izany dia raketina an-tsoratra eo anivon'ny BCMM, raha tsy izany dia tsy manan-kery.

**Andininy 153.** Raha toa ka ireo faika avy amin'ny harena an-kibon'ny tany no manome ny *sous produits* ny akoran-karena an-kibon'ny tany fototra voasoratra ao anatin'ny Fahazoan-dàlana momba ny harena an-kibon'ny tany, ny tompon'ny Fahazoan-dàlana dia tsy maintsy manao fanambarana mba ho fanitarana ireo akoran-karena an-kibon'ny tany voalaza ao anatin'ny Fahazoan-dàlana ampelatanany.

**Andininy 154.** Na inona na inona antony, ny Fitantanan-draharaham-panjakana dia manana ny zo afaka miroso amin'ny fotoana rehetra amin'ny fanaraha-maso sy/na ny famakafakana ireo akoran-karena an-kibon'ny tany ary ireo faika avy amin'ny harena an-kibon'ny tany notrandrahan'ny tompon'ny fahazoan-dàlana.

## SAMPANA 2. NY SOUS PRODUITS

**Andininy 155.** Ireo *sous produits* toy ny voafaritra ao anatin'ny andiany faha-2 ao amin'ity Fehezan-dalàna ity dia voasokajy ho vokatra harena an-kibon'ny tany ary manaraka ny fitsipika mifehy izany.

**Andininy 156.** Ireo *sous produits* tsy nanaovana fanambarana ao anatin'ny Fahazoan-dàlana dia afaka trandrahana raha toa ka manao fangatahana ny tompon'ny fahazoan-dàlana, ka manaraka ireo fepetra sy fombafomba arahina ny amin'ny fanitarana akora, voalaza ao amin'ny andininy faha 42 ao amin'ity Fehezan-dalàna ity izany.

**Andininy 157.** Ny fitrandrahana ireo *sous produits* dia azon'ireo mpandraharaha ankoatran'ny tompon'ny Fahazoan-dàlana atao, ka tsy maintsy manao fifanarahana ny roa tonta. Izany fifanarahana izany dia tsy maintsy raketina an-tsoratra eo anivon'ny Birao miandraikitra ny Sora-pananana momba ny Harena an-kibon'ny tany.

## LOHATENY III
## NY FITSIPIKA MIFEHY NY VOLAMENA
## TOKO VOALOHANY
## NY AMIN'NY ANKAPOBENY

**Andininy 158.** Ny asa momba ny fihadiana, ny fanangonana, ny fanaovana fitsirihana, ny fanodinana, ny fanadiovana, ny fivarotana, ny fitaterana, ny fanafarana sy fanondranana volamena, dia fehezin'ny fepetra amin'ity Lohateny ity.

**Andininy 159.** Ny fampanarahan-dalàna, ny fanaraha-maso, ny fitantanana ny tahirin-kevitra momba ny volamena sy ny fampanarahan-dalàna ny asa momba ny volamena, ary ihany koa ny fandrendrahina sy ny fanasiana fitomboka ofisialy ny volamena, dia fahefan'ny Antokon-draharaham-panjakana Nasionaly izay eo ambany fiahian'ny Minisitera misahana ny Harena an-kibon'ny tany, izay antsoina hoe Ivon-toeram-bolamena Malagasy (COM) ary ny andraikitra sahaniny sy ny fomba fiasany dia voafaritry ny didy amam-pitsipika. Ny Ivotoeram-bolamena Malagasy dia fitohizan'ny asan'ny Ivotoeram -pirenena misahana ny Volamena (ANOR) miaraka amin'ny fanitarana ireo andraikitra sahaniny.

## TOKO II
## NY AMIN'NY ASA FITRANDRAHANA VOLAMENA ARTIZANALY

**Andininy 160.** Ny asa fitrandrahana volamena artizanaly dia tanterahina ao anatin'ny lalam-pisivanam-bolamena na lalam-pitrandraham-bolamena artizanaly ka ny fangitra momba izany dia apetaka eo amin'ny sarin-tany *retombes minières.*

**Andininy 161.** Tsy azo atao ny mampiasa zaza tsy ampy taona amin'ny asa fitrandrahana volamena artizanaly, ankoatran'izay voafaritry ny lalàna mifehy ny asa izay mamela ny zaza mihoatra ny 15 taona hanao ny asa maivamaivana.

Misy ny sazy voalaza ao amin'ny lalàna manokana mifehy an'izany sehetra izany.

### SAMPANA 1. NY AMIN'NY FANIVANAM-BOLAMENA

**Andininy 162.** Ny fanivanam-bolamena dia atao amin'ny alalan'ny Kara-bolamena, omen'ny Kaominina eo an-toerana, aorian'ny fankatoavana ataon'ny COM ka izany dia ho an'ny olona rehetra mizaka ny zom-pirenena Malagasy.

**Andininy 163.** Ny teratany malagasy rehetra dia afaka mahazo sy mitazona kara-bolamena, ampiarahina amin'ny karatra fitanana an-tsoratra maha mpamokatra.

**Andininy 164**. Ny kara-bolamena dia manan-kery ao anatin'ny Kaominina nanome azy irery ihany, ary any ivelan'ny faritra voalaza fa faritra arovana, faritra voarara na faritra voatokana voalaza ao amin'ity Fehezan-dalana ity.

**Andininy 165.** Ny asa momba ny fisivanam-bolamena ao anatin'ny renirano mikoriana, ny renirano sy ny fasika nentin-drano vaovao dia tsy voarara.

Rehefa atao ao anatin'ny vakim-paritra momba ny harena an-kibon'ny tany ny asa fanivanam-bolamena, ny lalam-pisivanam-bolamena izay mamaritra ny faritra ara-dalàna ho an'ny mpisivam-bolamena dia voafetra araka ny fombafomba voafaritra ao anatin'ny Didim-panjakana fampiharana an'ity fehezan-dalàna ity.

**Andininy 166.** Ny Kara-bolamena dia mamela ny tompony, hanao ny asa fisivanam-bolamena mandritra ny iray (01) taona, manomboka amin'ny daty nanomezana azy, saingy izany dia tsy manome azy zo tsy ifampizarana.

**Andininy 167.** Ny kara-bolamena dia azo havaozina imbetsaka amin'ny faharetana mitovy, manaraka ireo fepetra rehetra amin'ny fanomezana azy, avy amin'ny Kaominina voakasika, ary tsy maintsy manatanteraka ireo adidy amin'ny toro-lalana momba ny fahadiovana, ny aro voina sy ny toro marika ara-tontolo iainana napetraka eny anivon'ny Kaominina voakasika.

Ny kara-bolamena dia tsy mahasolo Fahazoan-dàlana mikasika ny harena an-kibon'ny tany.

**Andininy 168.** Ny paik'ady fanomezana ny kara-bolamena dia faritana amin'ny didim-pitondran'ny Minisitra misahana ny Harena an-kibon'ny tany araka ny tolo-kevitry ny Ivon-toeram-bolamena Malagasy (COM).

**Andininy 169.** Ny kara-bolamena dia omena aorian'ny fandoavana sara izay apetraky ny filan-kevitra Kaominaly, mifanaraka amin'ny elanelan'ny sandam-bola faritan'ny didim-pitondran'ny Minisitra misahana ny Harena an-kibon'ny tany.

Ny vola azo avy amin'ny saran'ny kara-bolamena dia miverina manontolo ho any Kaominina voakasika.

**Andininy 170.** Ny kara-bolamena dia ho an'ny isam-batan'olona ary tsy azo amidy na afindra amin'olon-kafa, na ampanofaina mba ho trandrahana.

**Andininy 171.** Ny tompon'ny Fahazoan-dàlana natokana ho an'ny mpitrandraka madinika (PREA) na ny Fahazoan-dàlana hitrandraka (PE) volamena dia manana zo ahazo laharam-pialohana hividy ireo vokatra nalaina tao amin'ny vakim-paritra hananany.

Na dia izany anefa, ny tompon'ny Fahazoan-dàlana momba ny harena an-kibon'ny tany ho an'ny akora hafa ankoatra ny volamena na ny Fahazoan-dàlana hanao fikarohana (PR) dia tsy afaka mividy ny vokatra avy amin'ny fitrandrahana volamena artizanaly ao anatin'ny vakim-paritra natokana ho azy, raha tsy natokana ho mpanangom-bolamena izy na ihany koa ho an'ny tobim-bolamena.

### SAMPANA 2. NY FITRANDRAHANA VOLAMENA AMIN'NY FOMBA ARTIZANALY ANATY *GITES PRIMAIRES*

**Andininy 172.** Ny fitrandrahana volamena mampiasa teknika artizanaly ao anaty *gites primaires* ivelan'ny faritra natao vakim-paritry ny harena an-kibon'ny tany, dia manaraka ny fitsipika voalazan'ny fepetra andininy faha 142 amin'ity Fehezan-dalàna ity.

**Andininy 173.** Ny fitrandrahana volamena artizanaly ao anatin'ny vakim-paritra dia tsy maintsy manaraka ny fepetra voalaza ao amin'ny andininy faha 28 ary manaraka ity Fehezan-dalàna ity.

### SAMPANA 3. NY FANARAHAMASO ARA-PANJAKANA NY FANDRAHARAHANA VOLAMENA AMIN'NY FOMBA ARTIZANALY

**Andininy 174.** Ny mombamomba ireo mpisitraka ny kara-bolamena dia raketina an-tsoratra ao anaty rejistra ka tsy maintsy avaozina isan'andro isaky ny Kaominina izay manome azy izany.

Ny Kaominina dia mandefa isaky ny telo volana ny vodina rejistra, any amin'ny Biraon'ny Ivon-toeram-bolamena misy eo an-toeranana, raha tsy misy dia eny anivon'ny Biraon'ny Ministeran'ny harena an-kibon'ny tany eo an-toerana.

**Andininy 175.** Ireo mpisivam-bolamena sy vondron'ny mpisivam-bolamena dia manavao ny bokim-pamokarana izay aseho isam-potoana eny amin'ny Kaominina.

**Andininy 176.** Ireo Kara-bolamena, aorian'ny fandinihana azy ho lasa nomerika, dia afaka miova ho fitaovana iray elektronika, miorina sy eo amban'ny fanarahamason'ny COM.

### SAMPANA 4. NY FENITRA ARA-TEKINIKA, ARA-TONTOLO IAINANA, NY ARO VOINA SY FAHADIOVANA

**Andininy 177.** Ireo fitaovana nahazo alàlana, amin'ny asa fanivanam-bolamena, ary koa ireo fitaovana nahazo alalana amin'ny fitrandrahana volamena artizanaly ao anaty *gites primaires* dia faritana amin'ny alalan'ny didy amam-pitsipika.

**Andininy 178.** Ny fampiasana *mercure*, *cyanure* sy ny fampiasana singa simika dia tsy azo atao amin'ny asa fitrandrahana volamena artizanaly.

**Andininy 179.** Ny fenitra ara-pahadiovana, ny aro voina, sy ny fanavaozana ara-tontolo iainanana ampiharina amin’ny asa fitrandrahana volamena artizanaly dia faritana amin’ny alalan’ny Didim-panjakana raisina eo anivon’ny filan-kevitry ny Governemanta.

**TOKO III**
**NY FANANGONAM-BOLAMENA**
**SAMPANA 1. NY KARATRY NY MPANANGOM-BOKATRA**

**Andininy 180.** Ny asa momba ny fanangonam-bolamena dia azo atao rehefa mahazo ny karatra antsoina hoe Karatry ny mpanangom-bokatra izay omen’ny Ivon-toeram-bolamena Malagasy ary manan-kery iray (01) taona miatomboka amin’ny daty nanomezana azy.

Io karatra io dia azo havaozina indray mandeha na imbetsaka, fa mila manaja ireo fepetra rehetra, ny fanantaterahana ny adidy mifandraika amin’ny fandraharahana ataony, ary ihany koa ny fandoavana ireo sara mifandraika amin’izany, mifanaraka amin’izay voalaza ao amin’ny andininy faha 184 ao amin'ity Toko ity.

**Andininy 181.** Ny olona am-batana rehetra mizaka ny zom-pirenena Malagasy ary ny mpanao firavaka rehetra dia afaka mahazo sy mitazona ny karatry ny mpanangom-bolamena.

**Andininy 182.** Ny mpangataka, dia afaka mahazo, Karatry ny mpanangom-bokatra miisa dimy (05) fara fahabetsany izay mifandraika amin’ny Kaominina dimy (05) samy hafa nanaovany fanangonam-bokatra, ka izany dia miankina amin’ny fandoavana ny haba sy hetra mifandraika amin’izany.

**Andininy 183.** Ny Karatry ny mpanangom-bokatra dia an’olona samy irery, tsy azo amidy na ampanofaina mba ho trandrahana.

**Andininy 184.** Ny mpanangom-bolamena dia tsy maintsy, mba ahafahany mahazo ny karatry ny mpanangom-bolamena, mandoa ny sara izay faritan’ny didy amam-pitsipika.

Ny mpisitraka amin’ny zo voalaza ao amin’ny andalana teo aloha dia ny Faritra sy ny Kaominina voakasika ary ihany koa ny Ivo-toeram-bolamena ka ny taha fizarana amin’izany dia faritana amin’ny alalan’ny didy amam-pitsipika.

**Andininy 185.** Ny karatry ny mpanangom-bolamena dia manome zo ho an’ny tompony hividy sy hivarotra volamena.

**Andininy 186.** Ny mpanangom-bolamena dia manavao isan’andro ny rejistra mikasika ny fampidirana sy famoahana ary ny rejistra momba ny *Laissez-passer* voaisa ravina nataon’ny Ivontoeram-bolamena Malagasy ( COM) mialoha.

**Andininy 187.** Ny fombafomba sy ny fepetra fanomezana ny karatry ny mpanangom-bokatra dia faritana amin’ny alalan’ny didy amam-pitsipika.

## SAMPANA 2. NY MPIRAY TOMBONTSOA

**Andininy 188.** Ireo mpitrandraka volamena artizanaly dia afaka miray tombontsoa amin'ireo mpanangom-bolamena.

**Andininy 189.** Vondron'ny mpitrandraka volamena artizanaly sy ny mpanangom-bolamena dia afaka miray tombontsoa amin'ny tranombarotra momba ny volamena.

**Andininy 190.** Ny tranombarotra momba ny volamena dia afaka miray tombontsoa.

**Andininy 191.** Mba ahafahana mampiditra ny mpikambana amin'ny sehatry ny ara-dalàna, ny mpamorona ny mpiray tombontsoa dia tsy maintsy manaja ny fepetra amin'ny fanaovana ny fombafomba ara-panjakana sy fandoavana ny vola isan-karazany.

Ny kara-bolamena na ny karatry ny mpanangom-bokatra izay omena an'ny mpiray tombotsoa dia misitraka ny fampihenana 20 ka hatramin'ny 25 isan-jato amin'ny saran'ny zo mikasika an'izany ka ny Filan-kevitra Kaominaly no manapaka izany.

Ny firaisana tombontsoa dia miteraka ny fifanekena ny maha-iray sy fifampitokisana eo amin'ny samy mpikambana mba ahafahana manamora ny fampandehanana ny vokatra volamena.

## TOKO IV
## NY *COMPTOIR* MOMBA NY VOLAMENA.

**Andininy 192.** Ireo *Comptoirs* momba ny volamena dia olona tsy am-batana fehezin'ny lalàna Malagasy izay manao ny asa fikirakirana, ny fanafarana, ny famarotana sy ny fanondranana ny volamena amin'ny alalan'ny taratasy fankatoavana, izay Didim-pitondrana raisin'ny Minisitra misahana ny Harena an-kibon'ny tany, aorian'ny fandinihina ataon'ny COM.

**Andininy 193.** Ny fankatoavana ny *Comptoirs* momba ny volamena dia manome zo ny tompony hiroso amin'ny fividianana ny volamena manerana ny lafin-tanin'ny Firenena amin'ireo Tompon'ny Fahazon-dàlana hitrandraka volamena sy Fahazoan-dàlana natokana ho an'ny mpitrandraka volamena artizanaly, amin'ireo mpanangona volamena sy ny vondron'ny mpitrandraka volamena artizanaly.

Ny *comptoir* dia afaka ihany koa mandray ny vokatra avy amin'ny olon-drehetra mivarotra volamena, raha ara-dalàna ny fihazonana ny vokatra ananan'ny mpivarotra.

**Andininy 194.** Tsy maintsy manangana *comptoir* momba ny volamena ny mpivarotra firavaka, ny tompon'ny Fahazoan-dàlana hitrandraka volamena sy ny Fahazoan-dàlana natokana ho an'ny mpitandraka mampiasa ny asa tànana manokana momba ny volamena, ny mpanangom-bokatra volamena sy ireo mpividy manao famarotana ny volamena izay manondrana any ivelany ny volamenany.

**Andininy 195.** Ireo *comptoirs* momba ny  volamena dia iharan'ny adidy voalaza amin'ity toko ity ary ny fepetra araky ny lalàna mikasika ny famotsiana ny petra-bola sy ny famatsiam-bola momba ny  asa fampihorohoroana.

**Andininy 196.** Ireo *comptoirs* momba ny volamena dia iharan'ny Bokin'andraikitra manokana.

**Andininy 197.** Ny fombafomba sy ny fepetra ahafahana mahazo ny Fankatoavana, ny saran'ny zo amin'ny fankatoavana ary ny modelin'ny Bokin'andraikitra dia faritana amin'ny alalan'ny Didim-panjakana raisina eo anivon'ny Filankevitry ny Governementa.

## TOKO V
## NY FANONDRANANA VOLAMENA

**Andininy 198.** Ny dingana arahina amin'ny fanondranana volamena dia atao eo anivon'ny Birao Iombonana misahana ny fanondranana volamena.

Ny lisitr'ireo Sampan'asa mandrafitra ny Birao Iombonana misahana ny fanondranana volamena sy ny fananganana ity farany dia faritana amin'ny alalan'ny didy amam-pitsipika.

**Andininy 199.** Ny *Comptoir* manana fankatoavana manan-kery irery ihany no mahazo alalana manondrana miendrika famarotana volamena any ivelany.

**Andininy 200.** Ny fanondranana volamena dia tsy azo atao raha tsy miendrika firavaka, sangan'asa sy/na efa natao ho bolongana. Izany dia ahitana fitomboka ara-dalàn'ny Fitantanan-draharaham-panjakana misahana ny harena an-kibon'ny tany.

**Andininy 201.** Ny dingana arahina amin'ny fanondranana volamena hamidy dia mitovy amin'ireo izay arahana amin'ny fanondranana akoran-karena an-kibon'ny tany hafa rehetra.

**Andininy 202.** Na izany aza, ny volamena miaraka amin'ny *Laissez-passer* sy ny *Fiche signalétique* nomen'ny COM irery ihany no manaraka ireo dingana fanondranana hamidy voalaza eo ambony.

**Andininy 203.** Ny fepetra sy ny fombafomba amin'ny fanondranana miendrika famarotana ny volamena sy fanondranana tsy miendrika famarotana dia faritana amin'ny alalan'ny Didim-panjakana raisina eo anivon'ny Filankevitry ny Governementa.

## TOKO VI
## NY FANAFARANA NY VOLAMENA

**Andininy 204.** Ny *Comptoir* momba ny volamena sy ireo mpivarotra firavaka irery ihany no afaka manafatra ny volamena natokana ho amidy.

Ankoatra ny adidy eo amin'ny hetra sy ny fadintseranana voalaza amin'ny lalàna manankery, ny mpanafatra volamena dia tsy maintsy manao ny fanambarana mialoha eo anivon'ny COM, araka ny taratasy fenoina azo avy amin'ny COM.

**Andininy 205.** Ny fombafomba sy ny fepetra amin'ny fanaovana ny fanafarana volamena dia faritana amin'ny alalan'ny Didim-panjakana raisina ao anatin'ny Filankevitry ny Governementa.

## TOKO VII
## NY FAMETRAHANA NY TRACABILITE NY VOLAMENA

**Andininy 206.** Ny volamena varotana dia tsy maintsy mandalo fandanjana, fitiliana, fandrendrehana ary fitomboka ara-panjakana eo anivon'ny Ivon-toeran'ny Volamena eto Madagasikara.

Ho an'ny volamena avy amin'ny fitrandrahana artizanaly, dia anjaran'ny mpanangombokatra sy ny *Comptoir* no maneho ny volamena amin'ny rantsan'ny COM eo anivon'ny toerana fihadiana na tsy misy izany dia manantona izay akaiky azy indrindra, mba hanao ny asa voatanisa amin'ny andininy eo ambony, ka izany dia ialohavan'ny fandoavam-bola izay faritana amin'ny alalan'ny didy amam-pitsipika ny sandany sy ny fombafomba ato amin'izany.

Torak'izany koa ny volamena avy amin'ny asa natao amin'ny alalan'ny PREA na ny PE.

Ho an'ny asa mifampitohy tanteraka amin'ny volamena mikasika ny PREA na ny PE, ny vokatra farany, alohan'ny fametrahana azy eo amin'ny toerana fanatobiana, dia tokony mandalo amin'ny COM, mba hanaovana firaketana, hanaovana fanamarinana sy fitomboka.

**Andininy 207.** Indray mandeha monja no handrendrehana ny volamena, ary izany dia atao eo anivon'ny rantsan'ny COM.

Na izany aza, ny tompon'ny Fahazoan-dàlana amin'ny asa mifampitohy tanteraka sy ny mpanao firavaka amin'ny fanomezana endrika ny volamena, dia afaka manao ny fandrendrehana, ivelan'izay ataon'ny COM.

**Andininy 208.** Amin'ny fiafaran'ireo asa ireo, dia misy taratasy milaza ny *Fiche signalétique* sy ny taratasy fanamarinam-piraketana homena azy.

**Andininy 209.** Ny famezivezena ny volamena tsy misy *Laissez-passer* sy *Fiche signalétique* mifandraika aminy dia heverina ho toy ny famezivezena ny vokatry ny harena an-kibon'ny tany tsy misy taratasy fanamarinana, izay sazian'ny andininy faha 371 1) an'ity Fehezandalàna ity.

## TOKO VIII
## NY ANDRAIKITRA MOMBA NY-VAROTRA VOLAMENA

**Andininy 210.** Ny fanondranana ny volamena rehetra izay natao ho amidy dia iharan'ny didy famerenana an-Tanindrazana ny vola vahiny sy ny famarotana eo amin'ny Tsena iraisan'ny bankin'ny vola vahiny, araka ny fepetra ao amin'ny lalàna manokana amin'izany.

**Andininy 211.** Ankoatra ny varotra atao amin'ny Tsenabe sy ny fampirantiana iraisam-pirenena, ny fandoavam-bola rehetra eo amin'ny mpanondrana sy ny mpanjifany amin'ny varotra momba ny fanondranana volamena, dia tsy maintsy atao amin'ny *Remise documentaire* na *Lettre de crédit*.

Tsy misy fifanakalozana ara-barotra amin'ny *Remise libre* azo ekena.

Tsy azo atao ny fanondranana indray raha tsy efa tafody tanteraka an-Tanindrazana ny vola vahiny mifandraika tamin'ny fanondranana teo aloha.

**Andininy 212.** Ny mpanondrana volamena tsy manaraka io adidy io dia mihantona amin'ny asa fanondranana mandrapahavitan'ny tsy fetezana nisy, ka tsy miankina amin'ny mety hampiharana ny sazy hafa araka ny lalàna sy ny didy amam-pitsipika.

**Andininy 213.** Ankoatra ny fitomboka, nataon'ny mpanao firavaka sy ny mpanefy volamena, ny firavaka rehetra sy zava-bita avy amin'ny volamena, natokana ho amidy, dia tsy maintsy anaovana ny fanaraha-maso momba ny lanjany sy ny fanoharana eo anivon'y Toeram-pitiliana momba ny harena an-kibon'ny tany Madagasikara (LMM), ary ny fametrahana ny fitomboky ny COM.

**Andininy 214.** Ny mpitazona ny volamena rehetra izay manao ny fivarotana, ankoatra ny mpitrandraka artizanaly momba ny volamena, dia iharan'ny fandoavana haba sy hetra manokana amin'ny vokatra harena an-kibon'ny tany mifandraika amin'izany, araka ny fepetra voalaza ao amin'ny andininy faha 283 an'ity lalàna ity, ankoatra ny fampisehoana ny taratasy manamarina ny fandoavam-bola anatiny.

**Andininy 215.** Ny foto-kevitry ny fandraisana ny haba sy ny hetra manokana amin'ny vokatry ny harena an-kibon'ny tany dia fehezin'ny andininy faha 283 voalaza amin'ity Fehezan-dalana ity.

**Andininy 216.** Ny COM, amin'ny fanarahamaso ny asa momba ny volamena, dia manana fahefana handray fepetra manasazy ny tsy fanarahan-dalàna hitany.

**Andininy 217.** Ny COM dia manana fahefana hanao ny seha-pihariana momba ny fahazoana ny vaovao ilaina mba ahafahana mifehy ny asa momba ny volamena.

## LOHATENY IV
## NY FEPETRA MIFEHY NY KARIERA

**Andininy 218.** Ny kariera dia voasokajy kariera artizanaly sy kariera indostrialy.

Ny lisitry ny akora avy amin’ny kariera dia faritana amin’ny alalan’ny Didim-pitondrana raisin’ny Minisitra misahana ny Harena an-kibon’ny tany.

**Andininy 219.** Ny fitrandrahana ny akora avy amin’ny kariera ataon’olona tsirairay, na tompon’ny tany na tsia, dia azo atao araka ny fepetra voalaza amin’ity Lohateny ity.

**Andininy 220.** Ny olona hafa ankoatra ny tompon’ny tany, amin’ilay fitrandrahana voalaza dia tsy maintsy mahazo ny fanekena sy manonitra ara-drariny ny tompon’ny tany.

## TOKO VOALOHANY
## NY KARIERA ARTIZANALY

**Andininy 221.** Ny fitandrahana ny kariera artizanaly dia atao amn’ny alalan’ny Fanomezan-dàlana omen’ny Kaominina misy ny fitrandrahana.

**Andininy 222.** Ny fanomezan-dàlana hitrandraka ny kariera artizanaly dia manome zo ny tompony ao anaty ny toeram-pitrandrahana izay ananany fanomezan-dàlana ary mandritra ny fotoana mampanan-kery azy :

1. ny zo feno hitrandraka ny akora izay ananany Fanomezan-dàlana ;
2. ny zo hitatitra na mampanao fitaterana ny akora nihadiana hatrany amin’ny toeram-pitobiana na famatrarana ;
3. ny zo hamarotra ny akora nohadiana eo amin’ny tsena anatiny.

**Andininy 223.** Ny fe-potoana mampanan-kery ny fanomezan-dàlana hitrandraka ny toeram-bato mampiasa ny fahaizana ny asa tànana dia iray (01) taona azo havaozina matetika izany.

**Andininy 224.** Ny fangatahana ny fanomezan-dàlana hitrandraka ny kariera rehetra dia ampitain’ny Kaominina voakasika any amin’ny Fitantanan-draharaham-panjakana misahana ny harena an-kibon’ny tany, mba ho fakan-kevitra ara-teknika.

Ny Fitantanan-draharaham-panjakana misahan ny harena an-kibon’ny tany, aorian’ny fandinihana ny antotan-taratasy, manome ny heviny ara-teknika ary mamerina ny antotan-taratasy izay nanaovana fangatahana, any amin’ny Kaominina, raha toa ka mikasika ny fitrandrahana ny kariera artizanaly ity farany.

Raha tsy izany, ny mpangataka dia toroana lalana mba hametraka antotan-taratasy fangatahana ny Fahazoan-dàlana ara-karena an-kibon’ny tany.

**Andininy 225.** Ny fanavaozana ny fanomezan-dàlana momba ny fanokafana ny kariera artizanaly dia omen’ny Kaominina voakasika araka ny fepetra mitovy amin’ny fanomezana tany am-piandohana.

**Andininy 226.** Ny fanomezan-dàlana ara-tontolo iainana dia omen’ny manam-pahefana mahefa misahana ny tontolo iainana eo anivon’ny Ministera misahana ny harena an-kibon’ny tany alohan’ny fanombohana ny fitrandrahana sy isaky ny fanavaozana ny fanomezan-dàlana avy amin’ny Kaominina.

**Andininy 227.** Ny Kaominina voakasika dia tompon'andraikitra amin'ny fitantanana sy ny fanarahamaso ara-panjakana ny asa atao eo amin'ny kariera artizanaly ao anatin'ny faritra iadiadiany.

**Andininy 228.** Ny Fitaleavam-paritra na ny Fitaleavana iraisam-paritra misahana ny harena an-kibon'ny tany voakasika dia tompon'andraikitra amin'ny fitsirihana sy fanaraha-maso amin'ny sehatry ny fahadiovana, ny fahasalamana sy aro voina, ary ny tontolo iainana sy ny sosialin'ny kariera artizanaly, araka ny lalàna mifehy ny tontolo iainana manan-kery.

**TOKO II**
**NY KARIERA INDOSTRIALY**

**Andininy 229.** Ny fitrandrahana ny kariera indostrialy dia atao amin'ny alalan'ny Fahazoan-dàlana hitrandraka omen'ny BCMM, ary manaraka ny fepetra mifehy momba izany.

**Andniny 230.** Na izany aza, ny fitrandrahana ny *gîtes d'emprunt* dia atao amin'ny alalan'ny fanomezan-dàlana avy amin'ny Kaominina misy ny fitrandrahana.

**Andininy 231.** Ny vokatra azo avy amin'ny asa momba ny kariera indostrialy dia azo haondrana any ivelany, mitovy amin'ny vokatra hafa momba ny harena an-kibon'ny tany azo avy amin'ny PE.

**Andininy 232.** Ny fanondranana ny akoran'ny kariera indostrialy dia tsy maintsy manaja ny dingana ara-panjakana momba ny fanambarana sy fanamarina ny fitoviana, eo anivon'ny Ministera misahana ny harena an-kibon'ny tany.

**LOHATENY V**
**NY FEPETRA MIFEHY NY SISAN-KARINGARINA SY IREO AKORA TSY AHITANA TOBY MARO**

**TOKO VOALOHANY**
**NY FEPETRA MIFEHY NY SISAN-KARINGARINA**

**Andininy 233.** Noho ny filàna azy ireo ara-tsiantifika, indrindra amin'ny famantarana ny taonan'ireo rihana rakotra faika na koa amin'ny fanavahana ara-haibolan-tany ny faritra iray, ny tobin-tsisan-karingarina dia fehezin'ny fepetra manokana.

Ny tobin-tsisan-karingarina dia afaka kilasiana ho sokajy telo (3) :

- ny tobin-tsisan-karingarina kilasy voalohany;
- ny tobin-tsisan-karingarina kilasy faharoa ary
- ny tobin-tsisan-karingarina kilasy fahatelo.

Ny lisitr'ireo tobin-tsisan-karingarina kilasy voalohany, tobin-tsisan-karingarina kilasy faharoa, tobin-tsisan-karingarina kilasy fahatelo dia voafaritry ny didy amam-pitsipika.

**Andininy 234.** Ny tobin-tsisan-karingarina kilasy voalohany dia tafiditra ao anatin'ny harem-pirenena.

Misy ny karazan-javatra tsy fahita firy intsony na miavaka ny toerana misy azy ao anatin'ny rihan-tany vokatry ny fiforonana ara-haibolan-tany izy ireo.

**Andininy 235.** Ny tobin-tsisan-karingarina kilasiana faharoa dia misy ireo karazan-javatra tsy fahita firy intsony, nefa hita anatin'ny rihan-tany ara-haibolan-tany maro.

Azo amoahana fanomezan-dàlana hanao fandinihana ara-tsiantifika sy hakana santionan-javatra izy ireo.

Rehefa vita ny fandinihina natao dia tsy maintsy mandefa any amin'ny manampahefana nanome ny fanomezan-dàlana ny tatitra ara-teknika nataony ireo tompon'ny fanomezan-dàlana.

**Andininy 236.** Ny tobin-tsisan-karingarina kilasiana kilasy fahatelo, dia azo angonina rehefa mahazo Fanomezan-dàlana hanangona, izay omen'ny fitaleavam-paritra na ny fitaleavana iraisam-paritra misahana ny harena an-kibon'ny tany, mifanaraka amin'ny paik'ady voafaritry ny didy amam-pitsipika.

Ny faharetany dia iray taona, azo havaozina im-betsaka amin'ny faharetany mitovy, ary amin'ny fatrany trandrahana vofaritra mialoha.

**Andininy 237.** Na dia eo aza ireo fepetra voalaza etsy aloha, dia mety hisy sisan-karingarina ho raràna ny fitrandrahana sy famarotana azy noho ny tombontsoa ara-tsiantifika lehibe ananany.

Amin'ny alalan'ny Didim-panjakana raisina eny anivon'ny Filankevitry ny Governemanta no amerana ny lisitra mitanisa azy ireo.

## TOKO II
## NY AKORA TSY AHITANA TOBY MARO

**Andininy 238.** Ny fitrandrahana ireo akora tsy ahitana toby maro, indrindra ny aragonite, ny selestita sy ny septaria dia tanterahina amin'ny alalan'ny PREA, izay omena an'ireo vondrona mifanaraka amin'ny voalazan'ny andininy faha -142 mankany, an'ity fehezan-dalàna ity.

Raha mahazo fankatoavan'ny tompon'ny fahazoan-dalana hitrandraka harena an-kibon'ny tany voakasika, ny fitrandrahana ireo akora ireo ao anaty vakim-paritra dia azo atao amin'ny alalan'ny AMEA, araka ny voalaza ao amin'ny andininy faha 28 sy faha 29 amin'ity fehezan-dàlana ity.

**Andininy 239.** Ny lisitr'ireo akora tsy ahitana toby maroaritana amin'ny alalan'ny Didim-panjakana raisina eo anivon'ny filan-kevitry ny Governemanta.

## LOHATENY VI
## NY ANDRAIKITRA MIFAMATOTRA AMIN'NY ASA FITRANDRAHANA NY HARENA AN-KIBON'NY TANY
### TOKO VOALOHANY
### NY ANKAPOBENY

**Andininy 240.** Aorian'ny fahazoana ny Fahazoan-dalana na Fanomezan-dalana amin'ny harena an-kibon'ny tany ary alohan'ny hanombohana ny asa, ny tompon'ny Fahazoan-dàlana hitrandraka harena an-kibon'ny tany dia tsy maintsy mametraka dika mitovy ny Fahazoan-dàlana na Fanomezan-dalana hitrandraka harena an-kibon'ny tany, voamarin'ny BCMM, izay anomezany taratasy manamarina fa voarain'izy ireo izany, ary koa ny amin'ny Fahazoan-dàlana ara-tontolo iainana na ny Fanomezan-dàlana ara-tontolo iainana arakaraka ny zava- misy, eny anivon'ny Kaominina, ka anomezan'ity farany taratasy manambara fa voarainy izany.

**Andininy 241.** Ny Bokin'andraikitry ny harena an-kibon'ny tany ananan'ny tompon'ny Fahazoan-dàlana dia ahitana « Drafitr'asa momba ny fandraisan'andraikitry ny orinasa eo anivon'ny fiarahamonina » (PRSE), izay volavolaina arakaraka ny karazan'ilay Fahazoan-dàlana, ny halehibe sy ny dingan'ny vinan'asa hitrandrahana ny harena an-kibon'ny tany, ary azo hahitsy araka ny fivoaran'ny asa izay ho atao.

**Andininy 242.** Ny « Drafitr'asa momba ny fandraisan'andraikitry ny orinasa eo anivon'ny fiarahamonina » (PRSE), izay voamarin'ny fifanarahana eo amin'ny telo tonta, ahitana ny mpandraharaha, ny vondrom-piarahamonina ao an-toerana aryny tompon'andraikim-panjakana, dia ahitana :

- ny fampiasam-bola ara-tsosialy ;
- ireo fotodrafitr'asa fototra mifandraika indrindra amin'ny fahasalamana, fanabeazana, angovo, ny lalam-pifandraisana, ny fambolena miankina amin'ny fanondrahana;
- ny votoaty ifotony.

**Andininy 243.** Ny votoaty ifotony dia ahitana:

- ny fanaovana laharam-pahamehana ny mpamatsy ifotony sy ny fanomezan-danja ny rohim-pamatsiana ifotony ;
- ny tetikasa fampandrosoana ny traikefa eo an-toerana sy ny fanamafisana ny fahaiza-manao ;
- raha samy mitovy traikefa, dia atao laharam-pahamehana ny fandraisana mpiasa eo an-toerana. Na ahoana na ahoana, ny taha ny Malagasy miasa ao dia tsy azo atao latsaky ny 80 isan-jato ;
- ny fampandrosoana ireo asam-pihariana mampidi-bola.

**Andininy 244**. Raha toa ka tsy mifanohitra amin'izay adidy voalaza ao anatin'ny bokin'andraikitry ny harena an-kibon'ny tany, ny tompon'ny Fahazoan-dàlana hitrandraka harena an-kibon'ny tany tsirairay dia malalaka handray fanampahan-kevitra mba hahafana manatanteraka an-tsakany sy an-davany ny andraikitry ny orinasa (RSE).

**Andininy 245.** Ny tompon'ny Fahazoan-dàlana dia mandray fepetra momba ny fiarovana sy fandriam-pahalemana mahomby amin'ny vakim-paritra ananany na ny fiandronana mineraly.

Ny fomba fanantaterahana sy ny fenitra mifandraika amin'izany dia faritan'ny didy amam-pitsipika.

**Andininy 246.** Ireo tany izay nanomezana Fahazoan-dàlana lany andro, ka tsy nisy fanavaozana, na tsy nisy famadihana, na nosintonina na nafoy dia tsy afaka amin'ireo adidy tokony hatao aminy raha tsy tanteraka avokoa ny fametrahana ny fiarovana, ny aro voina sy fiarovana-ara-tontolo iainana, izay nanaovan'ny tompony fanekena, sy izay rehetra notakian'ny Fitantanan-draharaham-panjakana misahana ny harena an-kibon'ny tany mba ho fampiharana ity Fehezan-dalàna ity.

**Andininy 247.** Ny Fitantanan-draharaham-panjakana misahana ny harena an-kibon'ny tany sy ny Vondrom-bahoakam-paritra Itsinjaram-Pahefana, dia miantoka ny fanaraha-maso ny fanatanterahana ireo adidy tsy maintsy ataon'ny tompon'ny Fahazoan-dàlana ao amin'izy ireo tsirairay avy, izany dia mifototra amin'ny fandinihana ireo tatitra ataon'ity farany, sy amin'ny alalan'ny fidinana ifotony eny amin'ny toeram-pikarohana sy/na toeram-pitrandrahana.

**Andininy 248.** Ireo asa rehetra nanomezana zo tamin'ny alalan'ny Fahazoan-dàlana momba ny harena an-kibon'ny tany dia tsy maintsy anaovana firaketana an-tsoratra eny anivon'ny BCMM, ary misy sarany aloa efa voafaritra ny amin'izany, ka Didim-pitondrana raisin'ny Minisitra misahana ny Harena an-kibon'ny tany no mamaritra ny mari-bola aloa amin'izany, izany dia tsy manakana ny fitakiana ireo vola rehetra tokony ho alaina manaraka ny lalàna sy ny didy amam-pitsipika.

**Andininy 249.** Ny olona tsy am-batana manana Fahazoan-dàlana dia tsy maintsy manao ny firaketana an-tsoratra eny amin'ny BCMM, ny fanovàna rehetra mahavoakasika ny sata mifehy ny orinasa, fara-fahatarany telopolo (30) andro manomboka amin'ny daty anaovana ny fanovàna.

Ny tsy fanajana ny voalaza ao amin'ny andalana teo aloha dia sokajiana ho tsy fanajana ny fifanarahana napetraka ao anatin'ny Bokin'andraikitry ny harena an-kibon'ny tany.

**Andininy 250.** Ny fivarotana ankolaka ny ampahany amin'ny petra-bola, nataon'ny orinasa reniny, tompon'ny fahazoan-dàlana hitrandraka, dia tsy maintsy anaovana fanambarana eny anivon'ny Fitantanan-draharaham-panjakana misahana ny hetra sy ny BCMM ka izy ireo no

mampahafantatra ny Fitantanan-draharaham-panjakana misahana ny harena an-kibon'ny tany ny amin'izany.

Ireo haba sy hetra alaina amin'ny fivarotana ankolaka dia fehezin'ny lalàna sy didy amam-pitsipika manan-kery.

**Andininy 251.** Ny tsy fanatanterahan'ny tompon'ny Fahazoan-dàlana ireo adidiny ireo dia mahavoasazy araka ny voalaza ao amin'ny Toko voalohany sy faharoa ao amin'ny Lohateny faha X amin'ity Fehezan-dalàna ity.

## TOKO II
## NY FIAROVANA NY TONTOLO IAINANA

**Andininy 252.** Ny tompon'ny Fahazoan-dàlana sy Fanomezan-dàlana rehetra ho an'ny mpitrandraka artizanaly (AMEA) dia tsy maintsy manaja ny lalàna momba ny fiarovana ny tontolo iainana.

**Andininy 253.** Ny tompon'ny Fahazoan-dàlana rehetra dia tsy afaka manomboka ny asa mifandraika amin'ny harena an-kibon'ny tany raha tsy mahazo ny fanomezan-dàlana ara-tontolo iainana na Fahazoan-dàlana ara-tontolo iainana, arakaraka ny tranga miseho.

Ka amin'izany, ny fanombohana ny asa fitrandrahana sy raha misy, fikarohana vaovao, amin'ny alalan'ny Fahazoan-dàlana hitrandraka, dia mila antotan-taratasy momba ny Fandinihana ny Fiantraikan'ny Tontolo iainana (EIE) izay apetraka ao amin'ny sampan-draharaha misahana ny tontolo iainana ao amin'ny Ministera misahana ny Harena an-kibon'ny tany ary ankatoavin'ny Tompon'andraikitra mahefa amin'ny sehatry ny tontolo iainana.

Ny fanombohana ny asa fikarohana na fitrandrahana arakaraka ny tranga misy, eo amin'ny alalan'ny PR na PREA, dia ialohavan'ny fankatoavana ny fanekena hita ao amin'ny antotan-taratasy momba ny  Fandaharan'asa Miantoka ny Tontolo iainana (PEE), izay ataon'ny sampan'asa misahana ny tontolo iainana ao amin'ny Ministera misahana ny Harena an-kibon'ny tany.

Na izany aza anefa, ho an'ny PR, ny Fandinihana ny Fiantraikan'ny Tontolo iainana dia azo takiana arakaraka ny tahan'ny fizotran'ny asa, izany dia faritana amin'ny alalan'ny didy amam-pitsipika.

**Andininy 254.** Ny olona am-batana na olona tsy am-batana rehetra manatanteraka fandraharahana harena an-kibon'ny tany ao anaty vakim-paritra voatondro, dia tsy maintsy mandray ireo fepetra fiaroavana ilaina mba hampihenana sy hanarenana ny fahavoazana mety hateraky ny fandraharahana izay ataony.

Ireo olona voalaza ireo dia tompon'andraikitra amin'ny fahapotehan'ny tontolo iainana izay ateraky ny fandraharahana ataon'izy ireo.

**Andininy 255.** Ny fanatanterahana ireo asa rehetra mifandray amin'ny asa fitrandrahana harena an-kibon'ny tany ao antin'ny vakim-paritra voa-tondro, anisan'izany ny asa fanorenana sy asa fanatsarana ireo fotodrafitrasa ilaina amin'izany, dia tanterahina araka ilay PEE na EIE izay efa novolavolaina mialoha sy narafitra, manaraka ny fombafomba araka ny didy aman-dalàna sy ny fitsipika amin'izany sehatra izany.

Ny modelin'ny antotan-taratasy ilaina amin'ny drafim-piantohana ara-tontolo iainana PEE dia faritana amin'ny alalan'ny didy amam-pitsipika.

**Andininy 256.** Ny olona nahazo Fahazoan-dàlana dia manomana mialohany antoka ara-tontolo iainana natokana ho an'ny fanarenana sy fiarovana ny tontolo iainana ary ihany koa ny fambolen-kazo.

Ny famaritana sy ny fomba fanatanterahana izany antoka izany dia faritana amin'ny Didim-panjakana raisina eo anivon'ny Filankevitry ny Governemanta

**Andininy 257.** Mba ahafahana miala amin'ny adidy fanarenana ny tontolo iainana, ny tompon'ny Fahazoan-dàlana dia tsy maintsy mahazo taratasy manamarina ny fahavitana izany avy amin'ny tompon'andraikitra izay nanome ny Fahazoan-dàlana ara-tontolo iainana, aorian'ny fidinana ifotony anaporofoana ny fahavitan'ireo asa fanarenana.

Ny tompon'ny Fahazoan-dàlana sy ireo izay mety manan-jo amin'izany dia mbola mijanona ho toy ny tsy nahavita ny andraikitra ara-tontolo iainana raha mbola tsy nanamarina ny fahazoana taratasy fanamarinana ny fahavitana ireo adidy ara-tontolo iainana mifanaraka amin'izany.

**Andininy 258.** Ho an'ireo mpisitraka ny Fanomezan-dàlana hitrandraka harena an-kibon'ny tany artizanaly (AMEA), Fanomezan-dàlana hitrandraka volamena artizanaly sy Fanomezan-dàlana hanangona, ny fandraharahana ataon'izy ireo dia tanterahina manaraka ny fanajana ireo adidy ara-tontolo iainana manokana, voafaritry ny didim-panjakana noraisiana teo anivon'ny Filankevitry ny Governemanta.

## TOKO III
## NY ARO VOINA, NY FIAROVAM-PAHASALAMANA
## ARY NY LOZA ATERAKY NY ASA

**Andininy 259.** Ny tompon'ny Fahazoan-dàlana dia tsy maintsy mitrandraka araka izay tokony ho izy ny fiandronana- mineraly ary manaraka ireo fepetra ankapobeny na manokana izay mety andidiana mba hanatsarana bebe kokoa ny fampiasàna ny akora.

Ho raiketina amin'ny alàlan'ny didy amam-pitsipika arakaraka ny ilàna izany ny mikasika ny fanaovana ny asa amin'ny tobin'akoran-karena an-kibon'ny tany sy ny asa kariera, mba hiantohana ny tsy fahasimban'ny ambon'ny tany sy ny fiarovana ny tontolo iainana, ny aro

voina sy ny fiarovam-pahasalaman'ny olona ampiasaina, ary koa ny fiarovana ny toeram-pitrandrahana na ireo tobin'akora mineraly manodidina.

Raha misy ny tsy fanatanterahan'ny tompon'ny Fahazoan-dàlana ireo voalazan'ity andininy ity, ny Fitantanan-draharaham-panjakana misahana ny harena an-kibon'ny tany dia afaka mandidy ny amin'ny handraisana fepetra vaovao mba ho fanarenana.

**Andininy 260.** Araka ny rijan-tenin-dalana manan-kery, ny tompon'ny Fahazoan-dàlana dia tsy maintsy manaja ny fitsipika mikasika ny fiarovam-pahasalamana, ny fahadiovana, ny fahasalamam-bahoaka, ny aro voina eo am-perin'asa, ny fiarovana amin'ny tana, ny zon'ireo tompom-pananana manokana na iombonana, ny trano fivavahana na mirakitra kolotsaina, eo ampanatanterahana ny asa amin'ny tobin'akoran-karena an-kibon'ny tany sy amin'ny asa kariera.

**Andininy 261.** Noho ny antony aro voina, ny fanokafana na fanakatonana tobim-pikarohana na fitrandrahana akoran-karena an-kibon'ny tany na kariera rehetra, ny fanaovana taozava-baventy any amban'ny tany rehetra, sy ny asa fikarohana ara-haibolan-tany na mikasika ny harena an-kibon'ny tany rehetra, na inona na inona antony, dia tsy maintsy ampahafantarina mialoha ny Minisitera misahana ny Harena an-kibon'ny tany.

**Andininy 262.** Ny loza rehetra na ny aretina azo avy amin'ny asa mitranga eo amin'ny toeram-pitrandrahana harena an-kibon'ny tany na eo amin'ny kariera na eo amin'ny toerana miankina amin'izy ireo, dia tsy maintsy ampahafantarin'ny tompon'ny fahazoan-dàlana, ao anatin'ny fotoana farany izay fohy ireo Minisitera miandraikitra isanisany avy ny Harena an-kibon'ny tany, ny Asa ary ny Fahasalamam-bahoaka ary koa ny tobin'ny zandarimaria sy ny polisim-pirenena mahefa any an-toerana.

## TOKO IV
## NY FIAROVANA ZO MAHA-OLONA, NY ZON'NY ANKIZY SY NY FAMETRAHANA NY FITOVIAN-JO MIFOTOTRA AMIN'NY MAHA LAHY SY MAHA VAVY EO AMIN'NY SEHATRY NY HARENA AN-KIBON'NY TANY

**Andininy 263.** Ny fanomezana ny Fahazoan-dàlana sy fanomezan-dàlana hafa rehetra amin'ny sehatry ny harena an-kibon'ny tany voalazan'ity fehezan-dalàna ity dia tsy tokony hisy fanavakavahana mifototra amin'ny maha lahy sy ny maha vavy.

**Andininy 264.** Ireo tompon'ny Fahazoan-dàlana rehetra na fanomezan-dàlana amin'ny sehatry harena an-kibon'ny tany, ireo mpanatanteraka asa an-tselika sy ireo mpisehatra hafa amin'ny fitrandrahana harena an-kibon'ny tany dia tsy maintsy mametraka ny toeran'ny miralenta amin'ny fandraharahana izay ataon'izy ireo.

Noho izany, izy ireo dia tsy maintsy :

- manome lanja ny fahasamihafana sy ny fitovizan-jo eo amin'ny lehilahy sy ny vehivavy ao amin'ny toeram-piasana ;

- tsy manisy fanavakavahana mifototra amin'ny firazanana, ny maha lahy na maha vavy, ny fiaviana, ny fivavahana, ny maha mpikambana anaty sendikà, ny maha mpikambana anaty antoko-politika sy ny firehan-kevitra politika eo amin'ny sehatry ny asa sy ny fanendrena mpitantana rafitra sosialy sy ny mpisehatra hafa ;
- mametraka ho eo ambany fitantanana mitovy ireo mpiara-miasa: mpiasa, mpitantana, mpisehatra hafa arakaraka ny fomba fijeriny "asa mitovy sy karama mitovy" tsy miankina amin'ny fahafahana ara-batana, ny hasamponany, ny taonany na ny maha-lahy sy maha-vavy ilay mpiasa ;
- mametraka ny fanajana ny zo maha-olona amin'ny endriny rehetra.

**Andininy 265.** Tsy azo ekena amin'ny *chaîne de valeur* amin'ny asa fitrandrahana harena an-kibon'ny tany :

- ny fampiasana olona amin'ny tsy rariny ;
- ny fampiasana ankizy ankoatra ireo fepetra voalazan'ny didy aman-dalàna ny amin'ny fampiasana ankizy mihoatra ny dimy ambin'ny folo (15) taona hanao asa maivamaivana;
- ny fampiasana  ankizy amin'ny fanararaotan ara-nofo;
- ireo endrika fampijaliana rehetra amin'ireo sokajiana ho marefo sy kilemaina
- ny famporisihana na ny fanafoanana ireo herisetra mifotra amin'ny maha lahy sy maha vavy;

Misy ireo sazy voalazan'ny lalàna manokana mifehy izany.

## TOKO V
## NY FANORENANA SY NY FIKOJAKOJANA NY FOTODRAFITRASA

**Andininy 266.** Ny tompon'ny Fahazoan-dàlana dia mahazo manorina sy mikojakoja ireo fotodrafitrasa rehetra ilaina amin'ny asa mifandraika amin'ny Fahazoan-dàlana na amin'ny fanomezan-dàlana momba ny tontolo iainana mifanaraka aminy, araka ny fepetra voalaza ato amin'ity Toko ity.

**Andininy 267.** Ny fotodrafitrasa rehetra aorin'ny tompompahazoan- dàlana dia anaovana mari-drafitra mialoha izay atolotra ny manampahefana amin'izany mba ho ankatoavina, rehefa avy nahazo ny faneken'ny manam-pahefanan'ny CTD.

**Andininy 268.** Raha tsy manohintohina ny fitrandrahana, ny làlana nosokafan'ny tompon'ny fahazoan-dalàna ao anatin'ny vakim-paritra misy azy dia azon'ireo orinasa hafa momba ny harena an-kibon'ny tany na orinasa taozavatra na orinasa misahana varotra eo amin'ny manodidina ampiasaina rehefa nanaovany fangatahana, ary mety azo sokafana ho an'ny besinimaro, ary izany dia sandaina araka ny ifanarahan'ny roa tonta.

**Andininy 269.** Ny fotodrafitrasa rehetra ahitan'ny besinimaro tombotsoa izay naorin'ny tompom-pahazoan-dàlana, ka mijanona eo an-toerana amin'ny fotoana fahataperan'ny hery ananan'ny fahazoan-dàlany, dia miditra ho isan' ny fananam-panjakana.

## TOKO VI
## NY REJISTRA SY NY FANAOVANA TATITRY NY FANDRAHARAHANA

**Andininy 270.** Ny tompon'ny Fahazoan-dàlana dia tsy maintsy mampifanaraka ireo antontan-taratasy takian'ny fitantanan-draharaham-panjakana amin'ny filàna isan'andro, sy izay voafaritry ny didy fampiharana ity Fehezan-dalàna ity.

Anisan'izany:

- ireo antontan-taratasy rehetra ilaina amin'ny ivon-toeram-pikarohana na fitrandrahana harena an-kibon'ny tany ;
- ireo antontan-taratasy firaketana ny kaontim-bola mifanaraka amin'izany ny amin'ny antanan-tohatra lalovan'ny fandraharahan'ny tompom-pahazoan-dalana ;
- ireo tatitra izay tsy maintsy ataon'ny tompom-pahazoan-dalana isam-banim-potoana ;
- ireo antontan-taratasy mirakitra ny fomba fanatanterahana ny fivarotana, ny fitaterana, ny fifanakalozana ara-barotra, ny fanodinana ireo akoran-karena an-kibon'ny tany.

**Andininy 271.** Ny karazana tatitra ilaina avy amin'ny tompon'ny Fahazoan-dàlana, izay voalaza amin'ny andininy eo aloha, dia ireto manaraka ireto :

- ny amin'ny Tatitra atao isam-banim-potoana ;
- ny amin'ny tatitra momba ny fandaniana, ny amin'ny tatitra ara-tekinka sy ny tatitra amin'ny fandrosoan'ny asa fikarohana efa vita nandritra ny fotoam-pikarohana ;
- ny tatitra momba *Etudes de préfaisabilité*, nandritra ny famadihana ny Fahazoan-dàlana hanao fikarohana PR ho lasa Fahazoan-dàlana hitrandraka PE na fahazoan-dàlana hitrandraka natokana ho an'ny mpitrandraka artizanaly teratany PREA.

Didy amam-pitsipika no mamaritra ny ohatr'ireo tatitra ireo.

**Andininy 272.** Ireo antontan-taratasy ireo, aorian'ny fanadihadihana ny fialana tsikelikely amin'ny fikirakirana taratasy (dématérialisation) dia afaka avadika ho lasa lamina ara-paik'ady mirindra apetraka sy kirakirain'ny Fitantanan-draharaham-panjakana misahana ny harena an-kibon'ny tany.

## TOKO VII
## SARAM-PANDRAHARAHANA AMIN'NY HARENA AN-KIBON'NY TANY, ALOA ISAN-TAONA ISAKY NY EFAMIRA

**Andininy 273.** Ireo tompon'ny Fahazoan-dàlana rehetra mitana efamira iray na maromaro voasoratra ao anatiny dia tsy maintsy mandoa saram-pandraharahana amin'ny harena an-kibon'ny tany (FAM) aloa isaky ny efamira, isan-taona izay voasoratra ao amin'ny sarin-tany "*retombes minières"* kadastraly.

**Andininy 274.** Ny Fahazoan-dàlana andalam-panafoanana dia tsy andoavana saram-pandrarahana amin'ny harena an-kibon'ny tany intsony.

**Andininy 275.** Ny vola azo avy amin'ny FAM isaky ny efamira isan-taona isakin'ny Fahazoan-dàlana omena dia tsinjaraina ho an'ny :

- Tetibolam-panjakana ankapobeny ;
- Faritany voakasika ;
- Faritra voakasika ;
- Kaominina voakasika ;
- Birao miandraikitra ny Sora-pananana momba ny Harena an-kibon'ny tany (BCMM) ;
- Ivon-toerana momba ny volamena eto Madagasikara (COM) ;
- Kaomitim-pirenena misahana ny harena an-kibon'ny tany (CNM) ;
- Finiavana ho an'ny fangaraharahana ho an'ny indostriam-pitrandrahana (ITIE) ;
- Antokon-draharaham-panjakana misahana ny fandinihana ara-haibolan-tany sy ny fampiroboroboana ara-karena an-kibon'ny tany ;
- Antokon-draharaham-panjakana misahana ny fitiliana sy ny fanamarinana ny vokatra harena an-kibon'ny tany.

Ny taha fizarana ireo vokatr'ireo dia faritana amin'ny didim-panjakana raisina eo anivon'ny filankevitry ny Governemanta.

**Andininy 276.** Ny tompon'ny Fahazoan-dàlana dia tsy mandoa ny saram-pandrarahana amin'ny akoran-karena an-kibon'ny tany aloa isaky ny efamira, isan-taona fara- fahatarany any amin'ny fifaranan'ny faha enim-bolana ny taona diavina.

Raha tsy voaloa amin'ny fotoana voaotondro handoavana azy araka ny volaza ao amin'ny andalana teo aloha, dia miroso amin'ny fanafoanana ny fahazoan-dàlana, mifanaraka amin'ny voalaza ao amin'ny Toko voalohany ao amin'ny Lohateny faha X ao amin'ity fehezan-dalana ity.

Raha misy ny filaminan'izany, ny vola izany aloa dia ampiarahina amin'ny zana-bola ara-tsazy ka ny tahan'izany dia apetraka ho 2% roa isan-jaton'ny maribola fototra, isam-bolana arakaraka ny fahatarana, ny volana rehetra diavina dia sokajiana ho toy ny volana efa tapitra, ny zana-bola alaina dia tsy mihoatra ny dimampolo (50%) isan-jaton'ny mari-bola fototra.

**Andininy 277.** Ny fombafomba fitakiana ny saram-pandraharahana amin'ny harena an-kibon'ny tany isaky ny efamira isan-taona dia faritana amin'ny didy amam-pitsipika.

Ny famaritana ny fitambaran'ny FAM izay ho takiana, ny BCMM di manao fanavaozana ny mari-bola fototra isaky ny roa (2) taona izay voafaritry ny Didim-panjakana fampiharana ity Fehezan-dalàna ity, arakaraka ny salan'ny sandan'ny *droits de tirage spéciaux* (DTS) eo anelanelan'ny 01 janoary sy ny 31 oktobra ny taona teo aloha eo anivon'ny Banky Foiben'i Madagasikara.

Ny mari-bola nohavaozina arak'izany dia hamarinina amin'ny alalan'ny fanapahana avoakan'ny (BCMM).

**Andininy 278.** Raha toa ka mangataka famadihana amin'ny ampahany ny Fahazoan-dàlana hitrandraka ny tompon'ny fahazoan-dàlana voakasika, ny vakim-paritra voakasika dia manaraka, aorian'ny famadihana, ny taha ampiharina amin'ny saram-pandrarahana amin'ny harena an-kibon'ny tany isaky ny efamira alaina amin'ny Fahazoan-dàlana mifanaraka amin'izany.

Noho izany, tsy misy ny fangatahana famerenam-bola na fanonerana azo raisina.

**Andininy 279.** Ny FAM isaky ny efamira alaina isan-taona dia aloa eny amin'ny BCMM.

Ity farany no manome taratasy fanamarinana fandoavam-bola an'ilay tompon'ny Fahazoan-dàlana amin'ny fotoana anaovana ny fandoavam-bola, ary mandefa ny anjarany avy any amin'ireo mpisitraka izany.

## TOKO VIII
## NY TAHIRIM-BOLA AVY AMIN'NY HARENA AN-KIBON'NY TANY HO AN'NY FAMPIASAM-BOLA ARA-TSOSIALY SY HO AN'NY VONDROM-BAHOAKA IFOTONY (FMISC)

**Andininy 280.** Ny mpandraharaha rehetra eo amin'ny sehatry ny harena an-kibon'ny tany amin'ny fotoana anomezana azy ny PREA na ny PE dia mandray anjara amin'ny tahirim-bola avy amin'ny harena an-kibon'ny tany ho an'ny fampiasam-bola ara-tsosialy sy ho an'ny Vondrom-bahoaka ifotony (FMISC).

**Andininy 281.** Ny fandraisana anjara ao amin'izany tahirim-bola dia :

- ho an'ny PREA : mari-bola raikitra izay ho feran'ny didy amam-pitsipika ;
- ho an'ny PE : 3% telo isan-jaton'ny mari-bola hampiasaina mivantana voatondro tany amin'ny *Etudes de préfaisabilité* izay napetraka miaraka amin'ny fangatahana Fahazoan-dalana ho an'ny fampandrosoana sy ny fampitaovana tany am-piandohan'ny fitrandrahana.

Ankoatr'izany, misy fifanarahana ifanekena mialoha mba ho fanitsiana ny mari-bola tena izy momban'io fandraisana anjara io, aorian'ny fanadihadihana izay natao taorian'ny nahazoana Fahazoan-dàlana hitrandraka harena an-kibon'ny tany.

Izany fandraisana anjara izany dia ampidirina ho anisan'ny fananan'ny orinasa ary *amortissable* miditra amin'ny fikajiana ny vola miditra itakiana ny hetra amin'ny olona amam-batana sy ny olona tsy amam-batana. Ny fotoana sy ny fomba anatanterahana ny *amortissement* ampiasaina dia faritana amin'ny Didim-panjakana.

**Andininy 282.** Ny FMISC dia tantanana ao anaty fangaraharahana miaraka amin'ny vondron'olona sy ireo manampahefana any amin'ny Vondrom-bahoaka Itsinjaram-Pahefana.

Ny fepetra sy fomba famoriana azy, ny fanatanterahana sy ny fitantanana izany tahirim-bola izany dia farita amin'ny didim-panjakana raisina eo anivon'ny Filankevitry ny Governemanta.

## TOKO IX
## IREO HABA SY HETRA MANOKANA ALAINA AMIN'NY VOKATRA HARENA AN-KIBON'NY TANY

**Andininy 283.** Arotsaka ao amin'ny kitapom-bolam-panjakana, ireo ratsamangaikany sy ny Vondrom-bahoakam-paritra Itsinjaram-Pahefana, alaina miaraka, antsoina hoe haba sy hetra manokana amin'ny vokatra harena an-kibon'ny tany (DTSPM), amin'ny taha 5% amin'ny vidin'ny vokatra harena an-kibon'ny tany eo am-panondranana.

Ireo haba sy hetra manokana ireo dia ahitana ny tamberim-bidy amin'ny tahany 2% miditra amin'ny Vondrom-bahoakam-paritra Itsinjaram-Pahefana (CTD), haba alaina amin'ny vokatra harena an-kibon'ny tany amin'ny tahany 3% ho an'ny Fanjakana foibe sy ny rantsamangaikany rehetra.

Ampahatsiahivina fa ireo orinasa rehetra misehatra amin'ny harena an-kibon'ny tany fehezin'ity Fehezan-dalàna ity dia manaraka ny lalàna mihatra amin'ny rehetra voalaza ao amin'ny Fehezan-dalàna mifehy ny fandoavan-ketra.

**Andininy 284.** Ny famaritana ireo DTSPM amin'ny vokatra harena an-kibon'ny tany izay ho aondrana dia apetraka manaraka ny sanda FOB mifototra amin'ny vidiny ao amin'ny tsena iraisam-pirenena amin'ny fotoana anaovana ny fanondranana. Izany vidiny izany dia apetraky ny sampan-draharaha manokana eo anivon'ny Ministera misahana ny Harena an-kibon'ny tany, miara-miasa akaiky amin'ny sampan-draharahan'ny Fadintseranana.

**Andininy 285.** Tsy misy ny haba alaina amin'ny harena an-kibon'ny tany ankoatr'ireo izay voalaza ato anatin'ity fehezan-dalàna ity, amin'ny endriny rehetra anisan'izany ny famoahana azy eto amin'ny lafin-tany.

**Andininy 286.** Ny haba sy hetra manokana alaina amin'ny vokatra harena an-kibon'ny tany dia afaka aloan'ny :

- tompon'ny Fahazoan-dàlana ho an'ny vokatra avy amin'ny vakim-paritra .;
- *Comptoir* momba ny volamena, ireo mpanangom-bokatra, ho an'ny vokatra avy amin'ny fitrandrahana volamena artizanaly ;
- ireo Vondrona ;
- ireo mpividy ka mbola hivarotra vokatra harena an-kibon'ny tany.

**Andininy 287.** Tsy tafiditra ao anaty fikajiana ny haba sy hetra manokana amin'ny harena an-kibon'ny tany ny habetsahan'ny akoran-karena izay ampiasain'ny mpitrandraka madiodio amin'ny asa fikarohana izay ataony na ny asa fitrandrahana, ka voamarina.

**Andininy 288.** Araka ny voalazan'ity fehezan-dalàna ity, raha toa ka efa voaodina ireo akora voatrandraka, ny tompon'ny Fahazoan-dàlana dia misitraka fampihenana 30% amin'ny tahan'ny haba sy hetra manokana amin'ny harena an-kibon'ny tany.

**Andininy 289.** Ho an'ireo varotra eto anatiny, ny famaritana ireo haba sy hetra manokana amin'ny harena an-kibon'ny tany dia apetraka araka ny sanda ara-barotra ny harena an-

kibon'ny tany eto an-toerana, izay apetraka isam-potoana amin'ny alalan'ny didim-pitondra raisin'ny Minisitra misahana ny Harena an-kibon'ny tany.

**Andininy 290.** Ny vola azo avy amin'ny tamberim-bidy ara-karena an-kibon'ny tany dia tsinjaraina ho an'ny tetibolan'ny Kaominina, ny/ireo Faritra, ny/ireo Faritany voakasika ary ho an'ny *Fonds National de Péréquation.*

Ny taha fitsinjarana dia faritana toy izao :

- 10% ho an'ny Fonds National de Péréquation;
- 90% ho an'ny CTD ka :
    - 60% ho an'ny na ireo Kaominina voakasika, ho an'ny na ireo Kaominina iantraikan'ny Tetikasa (fitrandrahana, fitaterana, fikirakirana, tontolo iainana, sns) ka ny fitsinjarana izany dia ho feran'ny didy amam-pitsipika ;
    - 30% ho an'ny Faritra ;
    - 10% ho an'ny Faritany.

**Andininy 291.** Ny vola azo avy amin'ny sara alaina amin'ny harena an-kibon'ny tany dia arotsaka ao amin'ny Tetibolam-panjakana Ankapobeny.

Ny ampahany dia afaka averina indray any amin'ny Vondron-draharaham-panjakana miasa amin'ny sehatry ny harena an-kibon'ny tany.

Ny anjara zara-volan'ny Tetibolam-panjakana Ankapobeny dia natokana amin'ny ankapobeny ho an'ireo fampiasam-bola sosialy sy ireo fikambanan'olona.

Ireo fomba fampiharana ity andininy ity dia hatao amin'ny alalan'ny didy amam-pitsipika.

**Andininy 292.** Ireo fepetra fototra amin'ny famoriana ireo haba sy hetra manokana amin'ireo Vokatry ny Harena an-kibon'ny tany dia raiketina ao amin'ny Didim-panjakana raisina ao anivon'ny Fila-kevitry ny Governemanta.

Ireo fomba fampiharana ny famoriana ireo haba sy hetra manokana amin'ny Vokatry ny Harena an-kibon'ny tany dia raiketina amin'ny alalan'ny didim-pitondrana iraisan'ny Minisitra misahana ny Teti-bola, ny Minisitra misahana ny Harena an-kibon'ny tany ary ny Minisitra misahana ny Fanapariaham-pahefana.

**Andininy 293.** Raha toa ka ny Vokatry ny harena an-kibon'ny tany voatrandraka dia avy amin'ny faritra samihafa ny toeram-pitrandrahana mizarazara amina Kaominina maromaro sy/na Faritra, ny fomba fizarana ireo vola miditra amin'ny tamberim-bidy amin'ny harena an-kibon'ny tany mifandraika amin'izany dia raiketina amin'ny alalan'ny didy amam-pitsipika.

## TOKO X
## NY FANEKENA NY FISAFOANA

**Andininy 294.** Ireo Ivon-toeram-pikarohana tsirairay sy/na fitrandrahana harena an-kibon'ny tany, ny tranom-pivarotana na fanangonana ny vokatry ny harena an-kibon'ny tany mbola

tsy voahodina na efa voahodina, ireo tranom-pitahirizana tsirairay an'ny mpanondrana ny vokatry ny harena an-kibon'ny tany, dia tsy maintsy manaiky fisafoana eo an-toerana, izay ataon'ny Fitantanan-draharaham-panjakana misahana ny harena an-kibon'ny tany.

**Andininy 295.** Ny fisafoana dia natao mba hanamarinana ny fahatontosan'ireo andraikitra tsy maintsy ataon'ny tompon'ny Fahazoan-dàlana sy ireo mihazona Fanomezan-dàlana sy Fankatoavana ao anatin'ny sehatry ny fandraharahan'izy ireo.

Amin'ny ankapobeny, ireo antontan-taratasy sy boky tsy maintsy ananana dia tsy maintsy mandalo fisavan'ireo mpiasa misahana ny fisafoana.

**Andininy 296.** Ny fomba fanaraha-maso, ny fitsirihana sy ny fisafoana dia raiketina amin'ny alalan'ny Didim-panjakana raisina eo amin'ny Filankevitry ny Governemanta

## TOKOXI
## NY FANEKENA NY FOTO-KEVITRA SY TAKY AMIN'NY FANGARAHARANA SY NY FITANTANANA MIRINDRA

**Andininy 297.** Ny tompon'ny Fahazoan-dàlana amin'ny harena an-kibon'ny tany rehetra, mifanaraka amin'ny fenitra sy ny haavo ekena amin'ny fahitana maso an'ny Finiavana ho an'ny Fangaraharan'ny Indostria Mpitrandraka (ITIE), dia manana adidy amin'ny fanajana ireo fepetra fototra sy fitakiana fangaraharana ary ny fitantanana mirindra, indrindra :

- ny amin'ny fanaovana fanambarana mifototra amin'ny antontam-baovao izay anaovana fizahana manokan'ireo ambaratonga mahefa amin'izany ;
- ny amin'ny fanambarana amin'ireo ambaratongam-pirenena misahana ny fametrahana ny fangaraharana amin'ny fandraharahana ny harena an-kibon'ny tany, ireo angom-baovao rehetra mifandraika amin'ny fandoavam-bola amin'ny Fanjakana, ao anatin'izany ny fandrosoana ara-toekarenana, ara-tontolo iainana ary ara-tsosialy ;
- ny amin'ny fanehoana ampahibemaso ireo angom-baovao mifandraika amin'ny tompony marina ;
- ny amin'ny fanehoana ampahibemaso ireo fifanarahana sy fanomezan-dalana nifanaovana na novana, indrindra ireo angom-baovao nomena ny be sy ny maro.

Na izany aza, ny Governementa Malagasy dia afaka manapaka aty aoriana ny fidirana amin'ny fenitra hafa sy sokajy iraisam-pirenena amin'ny fangaraharana sy ny fitantanana mirindra.

## LOHATENY VII
## NY FIFANDRAISAN'NY TOMPON'NY FAHAZOAN-DALANA AMIN'NY TOMPON'NY TANY SY NY FIFANDRAISAN'NY SAMY TOMPON'NY FAHAZOAN-DALANA
## TOKO VOALOHANY
## NY FIFANDRAISAN'NY TOMPONA-FAHAZOAN-DALANA AMIN'NY TOMPON'NY TANY

**Andininy 298.** Ny famaritana ny atao hoe tompon'ny tany, ary koa ny famaritana zo amin'ny fanapahana na fampiasana mifandraika amin'ny tany izay misy ireo fahazoan-dalana harena an-kibon'ny tany, dia izay fehezin'ny rijan-tenin-dalàna manankery amin'izany.

**Andininy 299.** Ny tompon'ny Fahazoan-dàlana harena an-kibon'ny tany sy ny tompon'ny tany dia mifanaraka amin'ny alalan'ny fifanarahana an-tsoratra, ny zo aman'andraikiny tsirairay avy.

**Andininy 300.** Ny tompon'ny Fahazoan-dàlana hitrandraka vokatra harena an-kibon'ny tany dia mahazo mampiasa akora avy amin'ny kariera ao anatin'ny vakim-paritra nefa ny fangalana azy dia ilaina amin'ny fitrandrahana sy fanaovana foto-drafitrasa ara-indostria ho ampiasaina amin'ny fitrandrahana, ka andoavany onitra ara-drariny amin'ny tompon'ny tany.

**Andininy 301.** Ny tompon'ny Fahazoan-dàlana dia tsy maintsy mampandre ny tompon'ny tany, ny amin'ny zony hampiasa ny sombin-tanin'ilay tompon-tany izay misy ny Fahazoan-dàlana ny harena an-kibon'ny taniny; indrindra ireo tany ilaina amin'ny fandraharahany sy amin'ny foto-drafitrasa ara-indostria izay miaraka aminy**.**

**Andininy 302.** Ankoatry ny asa fikarohana sy fitrandrahana ifotorana, dia ao anatin'ny fandraharahana indostrialy sy ny asa voalaza atsy ambony koa, na anatiny na ivelan'ny vakim-paritry ny harena an-kibon'ny tany:

- ny fanorenana sy ny fitrandrahana herin'aratra, fifandraisan-davitra sy taroby na ny mahakasika ny herin'aratra na koa ny fifandraisan-davitra, izay natokana tanteraka ho an'ny filany manokana ary, ary izany na dia eo aza ireo fepetra manokan'ny lalàna sy ny didy amam-pitsipika mikasika ny fandraharahany ;
- ireo tsangan'asa famonjena ka anatin'izany ny lava-drano sy ireo lalan-tsara ambanin'ny tany natokana amin'ny fanamorana ny fampidiran-drivotra sy ny fampandehanana ny rano ;
- ny fanomanana, ny fanasana, ny fampiakarana taha, ny fikirakirana ara mekanika, simika, ara-metalorijia, na ara-bakteria an'ireo akoran-karena voatrandraka, ny fanangonana, ny *distillation*, ny famadihana ho entona ny fandoro ;
- ny fanangonana sy ny fametrahana amin'ny tranom-pitahirizana ireo vokatra sy ny faika ;
- ireo fanorenana natokana ho fonenana, ho an'ny fidiovana sy ny fitsaboana ny mpiasa ;
- ny voly fihinana natokana ho famantsiana azy ;
- ny fanorenana ny lalam-pifandraisna rehetra indrindra ireo tatatra, lakan-drano, fanarian-drano, fantsona, lalana misy tsipika, lalam-by, taro-by mihantona, seranam-pitaterana an-dranomamy na an-dranomasina, seranam-piaramanidina ;
- ny fanorenana tsatoka famantarana sy tsatoka fiafarana.

**Andininy 303.** Ny tompon'ny Fahazoan-dàlana dia tsy maintsy mangataka fanomezan-dàlana amin'ny tompon'ny tany, na amin'ireo izay manana ny zo amin'ny tany na amin'ny ireo manan-jo hioty ny vokatry ny tany :

1. ao anatin'ny vakim-paritry ny harena an-kibon'ny tany, hanapaka hazo izay ilaina amin'ny asany, izay sandaina amin'ny vidiny mifanaraka amin'ny fepetry ny didy aman-dalana sy amam-pitsipika manan-kery ;
2. any ivelan'ny vakim-paritra, hanatanteraka ireo asa ilaina amin'ny fandraharahany, hanamboatra ireo lalam-pifandraisana, ireo tsangan'asa ho an'ny vonjy taitra ka hampiasa ny tany mifandraika amin'izany.

Ireo asa any ivelan'ny vakim-paritra dia tsy azo atao raha tsy voalaza fa hampiasaina ho tombontsoan'ny be sy ny maro mifanaraka amin'ireo fepetr'ity Fehezan-dalàna ity, na koa raha ny tompon'ny fahazoan-dalana dia nahazo ny fanomezan-dalana mazava avy amin'ny tompon'ny tany, avy amin'ireo tompon'ny zo amin'ny tany na ireo manan-jo hioty ny vokatra arakaraka ny tranga misy.

**Andininy 304.** Raha toa ny tompon'ny tany ka tsy monina amin'ny vakim-paritra nomena ny tompon'ny fahazoan-dàlana, ary izy dia tsy afaka mifandray aminy, ireo manam-pahefana an'ny CTD voakasika dia ampandrenesin'ny tompon'ny fahazoan-dàlana.

Izy ireo izany no misahana ny fampifandraisana ny tompon'ny Fahazoan-dàlana sy ny tompon'ny tany.

**Andininy 305.** Ireo tetikasa fanajariana ny tany sy ny fanorenana voalazan'ny andininy faha 303 etsy ambony dia afaka, amin'ny alalan'ny fangatahana alefan'ny tompon'ny Fahazoan-dàlana any amin'ny Minisitera misahana ny Harena an-kibon'ny tany, lazaina ho tombotsoan'ny besinimaro, voatokana amin'ny tranga sy fepetra voalazan'ny fepetran'ny didy aman-dalàna sy amam-pitsipika mifandraika amin'izany, ka tsy maintsy manaraka ny fepetra manokana na fanampiny izay mety hapetraka tsy ho azo ivalozan'ny tompon'ny fahazoan-dàlana.

Ny sara sy ny tambiny amin'ny ankapoben'ireo vesatra avy amin'ny fombafomba amin'ny famerezan-jo amin'ny tany dia zakain'ny tompon'ny Fahazoan-dàlana amin'ny harena an-kibon'ny tany.

**Andininy 306.** Ny tompon'ny Fahazoan-dàlana dia tsy maintsy manarina ireo fahavoazana izay nateraky ny asany amin'ny fananana amin'ny faritra ambonin'ny tany an'olon-tsotra na an'ny Fanjakana, ary koa ny ara-tontolo iainana.

**Andininy 307.** Na izany na tsy izany, ireo mpitrandraka harena an-kibon'ny tany dia tsy maitsy manao fifanarahana an-tsoratra fanofan-tany

## TOKO II
## NY FIFANDRAISAN'NY SAMY TOMPONA-FAHAZOAN-DALANA AMIN'NY HARENA AN-KIBON'NY TANY

**Andininy 308.** Raha toa ka mitranga ny tokony hanaovana asa ilaina izay na hampifandraisana ny vakim-paritry ny harena an-kibon'ny tany mba hampandehanana ny rivotra na ny fikorinan'ny rano, na fanokafana ny zohy natao hanamorana ny fivezivezen'ny rivotra, ny fanamainana na ny vonjy taitra natokana ho an'ny fanampiana ny vakim-paritry ny harena an-kibon'ny tany mifanila, ny tompon'ny Fahazoan-dàlana amin'ny harena an-kibon'ny tany dia tsy afaka manakana amin'ny fanantanterahana ny asa sy tsy maintsy mandray anjara amin'izany, ny tsirairay araka ny tombon-tsoany avy.

**Andininy 309.** Ny aro hoam-pefy iray izay manana sakany ampy dia afaka didiana mba hialana amin'ny asa fikirakirana harena an-kibon'ny tany mifandray amin'ireo fikirakirana harena an-kibon'ny tany mifanila izay efa misy.

Ny fanorenana ity aro hoam-pefy ity dia tsy manome fanonerana avy amin'ny tompon'ny Fahazoan-dàlana amin'ny harena an-kibon'ny tany ho an'ny iray ankilany.

## LOHATENY VIII
## NY FIHAZONANA, NY FITATERANA, NY FANODINANA, NY FIVAROTANA SY NY FANONDRANANA IREO VOKATRY NY HARENA AN-KIBON'NY TANY

## TOKO VOALOHANY
## NY FIHAZONANA SY NY FITATERANA

**Andininy 310.** Ireo fihazonana rehetra ny vokatry ny harena an-kibon'ny tany, dia tsy maintsy raiketina ao anatin'ny rejisitra ampiasaina araka ny fombafomba voafaritry ny didy amam-pitsipika.

**Andininy 311.** Ankoatr'ireo tompon'ny Fahazoan-dàlana amin'ny harena an-kibon'ny tany, ny solontenany voasoratra ao amin'ny Foibem-pitantanan'ny Faritra na Iraisam-paritra misahana ny harena an-kibon'ny tany voakasika, irery ihany no mahazo mampiasa ny *Laissez-passer* hivezivezy, ho azy.

**Andininy 312.** Ny vokatry ny harena an-kibon'ny tany hazonina sy taterina ivelan'ny vakim-paritry ny harena an-kibon'ny tany izay nivoahany, dia tsy maintsy ampiarahina amin'ny *Laissez-passer* sy ny taratasy fanamarinam-pandoavana ny tamberim-bidin'ny harena an-kibon'ny tany.

**Andininy 313.** Ny *Laissez-passer* dia natao, araka ny fombafomba voafaritra ao amin'ny rijantenin-dalàna fampiharana an'ity Fehezan-dalàna ity.

## TOKO II
## NY FANODINANA IREO ANKORAN-KARENA AN-KIBON'NY TANY SY NY KARIERA

**Andininy 314.** Ireo fepetr'ity Toko ity dia ampiharina amin'ireo orinasa na amin'ny ampahany amin'ny orinasa indostrialy sy artizanaly ny akoran-karena an-kibon'ny tany sy ny kariera.

Ao anatin'ny orinasa voalaza amin'ny zanak'andininy teo aloha, ny mpanefy vato, sy ny mpanefy volamena ary ireo mpanefy firavaka.

**Andininy 315.** Ny fanodinana ny vokatry ny harena an-kibon'ny tany ataon'ireo orinasa mpanodina dia tsy maintsy mahazo Fanomezan-dàlana fahafahana manomboka miasa omen'ny Fitantanan-draharahan'ny harena an-kibon'ny tany.

**Andininy 316.** Ny Fanomezan-dàlana fahafahana manomboka miasa manontolo na amin'ny ampahany ny orinasa mpanodina ara-indostrialy ny vokatra harena an-kibon'ny tany, ao anatin'ny sehatry ny asa mifampitohy tanteraka, dia omen'ny Minisitera misahana ny Harena an-kibon'ny tany sy ny Minisitera misahana ny Indostria, mitambatra.

**Andininy 317.** Ny amin'ny fitsirihana ireo vokatra harena an-kibon'ny tany ampiasain'ireo orinasa manontolo na amin'ny ampahany amin'ny fanodinana, dia raisina ho zava-dehibe ny akora fototra mbola tsy voahodina sy ny vokatra voahodina.

**Andininy 318.** Ny orinasa fanodinana dia tsy maintsy mitazona rejisitry ny vokatra miditra sy ny mivoaka ary Rejisitry ny *Laissez-passer* izay anaovana ny fitsirihana sy ny fisafoana

Izy dia tsy maintsy manaraka ihany koa ny fanaovana ny tatitra ny asa hanaovana fanambarana isaky ny enina (06) volana amin'ny Fanajakana misahana ny harena an-kibon'ny tany.

## TOKO III
## NY FIVAROTANA
### SAMPANA 1. NY AMIN'NY AN-KAPOBENY

**Andininy 319.** Ny fanaovana ny asa fividianana sy fivarotana ny vokatry ny harena an-kibon'ny tany dia tsy mantsy miankina amin'ny fahazoana Fanomezan-dalana iray omen'ny Fitantanan-draharaham-panjakana misahana ny harena an-kibon'ny tany, ankoatry ny fananana ny karatra ara-ketra manan-kery, nomen'ny sampan-draharaha mahefa amin'izany.

**Andininy 320.** Ny mpividy ka mbola hivarotra ny vokatra harena an-kibon'ny tany voakasika dia tsy maintsy mitazona ny rejisitry sy ny antontan-taratasy tsy maintsy ananana amin'ny fandraharahana ny varotra eto an-toerana ny vokatry ny harena an-kibon'ny tany.

**Andininy 321.** Ny fivarotana ny vokatry ny fizahan-taratra sy ny fikarohana dia voarara tanteraka.

**Andininy 322.** Ny mason-tsivana tazonina ho an'ny famaritana ny kalitao ny vokatra harena an-kibon'ny tany voahodina dia raiketina amin'ny alalan'ny didy amam-pitsipika.

**Andininy 323.** Voarara tanteraka ny fivarotana ho toy ny vato natoraly ny vato namboarina, ny vato nalain-tahaka, ny vato mifangaro, ny vato nokirakiraina.

**Andininy 324.** Voarara ihany koa ny fivarotana vato malagasy ho toy ny vato nafarana, sy ny mifanohitra amin'izay

## SAMPANA 2. NY *COMPTOIRS* N'NY VATO SAROBIDY ISAN-KARAZANY

**Andininy 325.** Ny fanondranana ny vato sarobidy isan-karazany dia napetraka tanteraka amin'ny *Comptoirs* izay olona tsy am-batana mizaka ny zo malagasy, nomena alalana hiasa noho ny Fankatoavana nomena tamin'ny alalan'ny Didim-pitondran'ny Minisitra misahana ny Harena an-kibon'ny tany, aorian'ny toro-marika sy hevitra ara-tekinikan'ny antokon-draharaha misahana ny haivato.

Ny *Comptoirs* n'ny vato sarobidy isan-karazany dia afaka ihany koa anaovana fanodinana ny sarobidy isan-karazany.

**Andininy 326.** Ny Toby dia tsy maintsy manaja ny Bokin'andraikitra manokana ka ny fanaraha-maso ny fampiharana dia mipetraka amin'ny Antokon-draharaha misahana ny haivato.

**Andininy 327.** Ny Toby dia misitraka ny zo amin'ny rafitry ny fahamarinan-toerana voalaza ato amin'ity Fehezan-dalàna ity.

**Andininy 328.** Ny lisitry ny akora voasokajy ho vato sarobidy isan-karazany, ny modelin'ny Bokin'andraikitra manokana ary koa ireo fombafombam-panomezana ny Fankatoavana dia raiketina amin'ny alala'ny Didim-pitondran'ny Minisitra misahana ny Harena an-kibon'ny tany.

## SAMPANA 3. NY FANONDRANANA

**Andininy 329.** Ny paik'ady arahina fanondranana ny vokatry ny harena an-kibon'ny tany, dia atao eo anivon'ny Birao Iombonana ho an'ny Fanondranana (GUE).

Ny listry ny Sampan-draharaha mandrafitra ny GUE ary koa ny fametrahana azy ireo dia raiketina amin'ny alalan'ny Didim-pitondran'ny Minisitra misahana ny Harena an-kibon'ny tany.

**Andininy 330.** Ny fanondranana ny vokatry ny harena an-kibon'ny tany, ary koa ireo akora avy amin'ny kariera, ireo sisan-karingarina sy akora izay tsy ahitana toby maro, dia tsy maintsy mahazo *Contrôle de conformité* avy amin'ny Fitantanan-draharaham-panjakana misahana ny harena an-kibon'ny tany, araka ny fanambarana nofenoin'ny mpanondrana.

**Andininy 331.** Ireo sisan-karingarina tsy voarara dia tsy afaka aondrana raha tsy efa voahodina.

**Andininy 332.** Ankoatry adidy arak'hetra mipetraka amin'ny mpanondrana, izy koa dia tsy maintsy misafidy Banky idiran'ny vola amin'ny fanondranany, amin'ny fampodiana manontolo an-Tanindrazana ny vola vahiny avy amin'ny fandraharahana ary koa ny fivarotana amin'ny tsenanam-barotra iraisan'ny Banky amin'ny Vola vahiny, araka ny voalazan'ny didy aman-dàlana manan-kery.

**Andininy 333.** Ankoatra ny fivarotana harena an-kibon'ny tany mandritra ny Tsenabe sy fampirantiana iraisam-pirenena, ny fifanankalozana rehetra eo amin'ny mpanondrana sy ny mpanjifany amin'ny varotra momba ny fanondranana amin'ny harena an-kibon'ny tany, dia tsy maintsy atao amin'ny *Remise documentaire* na *Lettre de crédit*.

Tsy misy fifanakalozana ara-barotra amin'ny *Remise libre* azo ekena.

**Andininy 334.** Ho an'ny fanondranana ny vokatry ny harena an-kibon'ny tany natao ho an'ny indostria sy ny vokatry ny harena an-kibon'ny tany voahodin'ireo indostria eo an-toerana ary koa ireo vato indostrialy, ny fisavana ny fifanarahana dia atao isaky ny santionany.

Ireo fombafomba mikasika ny fanamarina atao isaky ny santionana dia faritana amin'ny alalan'ny Didim-pitondrana raisin'ny Minisitra misahana ny Harena an-kibon'ny tany.

Amin'ny tranga rehetra, ny fampidirana anatin'ny kaontenera ny vokatry ny harena an-kibon'ny tany ary koa ny fametrahana firaka amin'ny kaontenera mifandraika amin'izany, dia atao ao anatrehan'ny Fitantanan-draharaham-panjakana misahana ny harena an-kibon'ny tany.

**Andininy 335.** Ny *Contrôle de conformité* mialohan'ny fanondranana vato sarobidy isan-karazany, dia tsy maintsy atao amin'ny habetsahany rehetra fa tsy amin'ny alalan'ny santionany.

Ireo fomba fanaovana fisavana ny fifanarahan'ny vokatry ny harena an-kibon'ny tany mialohan'ny fanondranana dia raiketina amin'ny alalan'ny Didim-pitondran'ny Minisitra misahana ny Harena an-kibon'ny tany.

**Andininy 336.** Aorian'ny fisavana ny natiora sy ny fifanarahan'ny vokatry ny harena an-kibon'ny tany, dia omen'ny Fitantanan-draharaham-panjakana misahana ny harena an-kibon'ny tany ny *Certificat de conformité*, izay midika ny fankatoavan'ny fitantanana foibe ilaina amin'ny fivoahan'izy ireo ny Lafitanim-pirenena.

**Andininy 337.** Ny fanondranana ny vokatry ny harena an-kibon'ny tany ary koa ireo sisan-karingarina tsy voarara natao ankoatry ny fivarotana, anatin'izany ny fandefasana santionan'ny vokatry ny fizahan-taratra na ny fikarohana harena an-kibon'ny tany, mba hanaovana fanadihadiana, andrana indostrialy na fikarohana lalam-barotra, dia ekena, fa tsy maintsy anaovana fanambarana mialoha amin'ny Fitantanan-draharaham-panjakana misahana ny harena an-kibon'ny tany, ary ampiarahina amin'ny *Laissez-passer* ara-dalàna.

Ny habetsahana ekena amin'ny fanondranana tsy anatin'ny fivarotana dia raiketina, arakaraka ny akoran-karena havoaka any ivelany, amin'ny alalan'ny Didim-panjakana raisina ao anivon'ny Fila-kevitry ny Governemanta.

**Andininy 338.** Ny rafitry ny fanangonana ho an'ny tena manokana dia fehezin'ny Didim-pitondran'ny Minisitra misahana ny Harena an-kibon'ny tany.

Amin'ny tranga rehetra, ny fivoahana ny Lafitanim-pirenena rehetra an'ireo fanangonana ho an'ny tena manokana dia anaovana Fangatahana mialoha any amin'ny Minisitera misahana ny Harena an-kibon'ny tany.

## LOHATENY IX
## NY FIANTOHANA NY FAHAMARINAN-TOERANA

**Andininy 339.** Ny fahamarinan-toerana iray dia afaka omena ny tompon'ny Fahazoan-dàlana amin'ny harena an-kibon'ny tany rehetra mandritra ny dimy (05) taona, azo havaozina, amin'ny alalan'ny fangatahana alefa amin'ny Fitantanan-draharaham-panjakana misahana ny harena an-kibon'ny tany.

Na izany aza, ho an'ny *Comptoir* misahana ny volamena sy ny *Comptoir* misahana ny vato sarobidy isan-karazany, ny faharetan'ny fahamarinan-toerana dia mifanojo amin'ny an'ny faharetan'ny Fankatoavana.

Ilay fangatahana voalaza dia tsy maintsy alefa amin'ny Fitantanan-draharaham-panjakana misahana ny harena an-kibon'ny tany ka ny modely, ny pitsopitson'ny fahalaniana ary ny fomba fanaovana ny sivana dia raiketina amin'ny alalan'ny didy amam-pitsipika.

Ny fahamarinan-toerana dia nomena amin'ny alalan'ny Didim-pirondrana Iraisan'ny Minisitera misahana ny Harena an-kibon'ny tany sy ny Minisitera misahana ny Fitantanam-bola.

**Andaniny 340.** Ny fahamarinan-toerana izay nomena dia mihatra amin'ny fitsipika mifehy ny « hetra, haban-tseranana ary ny vola ivelan'ny hetra ».

**Andininy 341.** Ny mpampiasa vola izay nisafidy ity dia manana antoka amin'ny fitazonana ny fahamarinan-toeran'ny fepetran'ny lalàna sy ny didy amam-pitsipika voalaza teo aloha manan-kery amin'ny fotoana nanaovana ny famenoana fombafombam-panambarana ny safidy.

**Andininy 342.** Na izany aza, ny tompon'ny Fahazoan-dàlana dia afaka mangataka mba hisitraka ny fepetra tsara indrindra izay mety hitranga aty aoriana amin'ny datin'ny fisafidianana amin'ny fahamarinan-toerana.

Ka amin'io tranga io, ny tompon'ny Fahazoan-dàlana dia tsy afaka misafidy ny iray na fitsipika maro tena tsara aminy raha toa ka tsy arahiny amin'ny lafiny rehetra ny safidy izay nataony.

Ny fisafidianana ny fepetra tsara kokoa aty aoriana dia tsy mamela intsony ny tompon'ny Fahazoan-dàlana hangataka indray mandeha ny fisitrahana ny na ireo fepetra teo aloha, izay iharan'ny antoky ny fahamarinan-toerana.

**Andininy 343.** Ny mpampiasa vola dia tsy afaka manohy ny fisitrahana ny fepetra ny fahamarinan-toerana raha toa ka tsy tanteraka ireo fepetry ny Bokin'andraikitra amin'ny harena an-kibon'ny tany.

**Andininy 344.** Rehefa mihoatra ny fetra ambany dimy (05) taona, ny fomba fanavaozana ny antoky ny fahamarinan-toerana dia raiketina amin'ny alalan'ny didy amam-pitsipika araka ny karazan'ny Fahazoan-dàlana amin'ny harena an-kibon'ny tany.

**Andininy 345.** Ireo fepetra ireo dia tsy mahakasika ny fampanarahana toetr'andro ny volan'ny FAM isan-taona isaky ny efamira.

**Andininy 346.** Afaka mangataka ny hisitraka ny rafitra manokan'ny Lalàna mikasika ny Fampiasam-bola vaventy amin'ny sehatry ny Harena an-kibon'ny tany (LGIM) ny mpandraharaha rehetra nahatratra ny fetran'ny fampiasam-bola farany ambany napetraky ny lalàna voalaza.

Ireo fombafombam-pahalaniana sy ny fepetra mifanaraka amin'ny rafitra manokana dia raiketina amin'ny alalan'ny LGIM sy ireo rijantenin-dalàna fampiharna.

## LOHATENY X
## NY TSY FANAJANA IREO ADIDY AMAN'ANDRAIKITRA SY NY FANDIKAN-DALANA

### TOKO VOALOHANY
### NY TSY FANAJANA IREO ADIDY AMAN'ANDRAIKITRA SY NY FEPETRA ARA-PANJAKANA

**Andininy 347.** Ny tsy fandoavana ny FAM isan-taona isaky ny efamira ao anatin'ny fe-potoana voatondron'ny lalàna dia iharan'ny fanafoanana ny Fahazoan-dàlana voakasika, aorian'ny fahataperan'ny fombafomba araka ny lalàna, voalaza amin'ny andininy faha 363 an'ity Fehezan-dalàna ity.

**Andininy 348.** Rehefa ny tompon'ny Fahazoan-dàlana, eo am-panatanterahana ny asany, no mahatonga ny fahasalamana ho tadidomin-doza na ny filaminam-bahoaka ary ny tontolo iainana, ny Fitantanan-draharaham-panjakana misahana ny harena an-kibon'ny tany dia afaka mandidy ny tompon'ny fahazoan-dàlana, hanao ireo asa izay heveriny fa ilaina mba hisorohana izany.

**Andininy 349.** Raha misy tsy fahatontosan'ny tompon'ny Fahazoan-dàlana an'izany, ny Fitantanan-draharaham-panjakana misahana ny harena an-kibon'ny tany dia afaka mampanao ireo asa voalaza ireo an'olon-kafa, ka ny tompon'ny Fahazoan-dàlana no mandoa ny lany amin'izany.

**Andininy 350.** Ny fitazonana tsy ara-dalàna na ny tsy fisiana, voamarina, ny antontan-taratasy tsy maintsy ananana voalazan'ity Fehezan-dalàna ity, dia mampahazo fampitandremana an-tsoratra, izay ataon'ny Fitantanan-draharaham-panjakana misahana ny harena an-kibon'ny tany, raha toa ka ny fahadisoana tsy mitovy amin'ny fandikan-dalàna.

Rehefa tapitra ny enim-polo (60) andro iasana, raha toa ka mbola misy ny tsy fahatomombanana, ny Fitantanan-draharaham-panjakana misahana ny harena an-kibon'ny tany dia manapaka ny fampihatonana ny fanomezana *Laissez-passer* ho an'ilay tompon'ny Fahazoan-dàlana tsy mahafeno fepetra.

Amin'ny faran'ny fe-potoana fampihatonana, ny Fitantanan-draharaham-panjakana misahana ny harena an-kibon'ny tany dia miditra amin'ny fitsirihana.

Raha toa ka tsy misy intsony ny tsy fahatomombanana, ny fanasaziana dia esorina.

Ny mifanohitra amin'izany, ny fampihatonana dia averina fanin-droany ho an'ny fe-potoana fanin-droany enim-polo (60) andro iasana, mandrapahavitany.

**Andininy 351.** Ny Fitantanan-draharaham-panjakana misahana ny harena an-kibon'ny tany dia manana ny zo manafoana ny Fahazoan-dàlana na ny Fanomezan-dàlana amin'ny harena an-kibon'ny tany nomena ny vondrona ao anatin'ny iray amin'ireto tranga ireto:

- ny Vondrona dia tsy rafetin'ny antsasa-manilan'ireo mpikambana nanorina intsony;
- ny faritra iharan'ny fiantsorohana dia mila ny fomba fiasa amin'ny fitrandrahana izay efa mandroso noho ireo nankatoavina ho an'ny PREA.

**Andininy 352.** Ny tompon'ny PREA na AMEA ho an'ny vondrona, izay mampiasa fitaovana tsy nahazoana fankatoavana, dia mety iharan'ny fanakanana ny fampiasana ny fahazahoan-dàlana mandritra ny enim-polo (60) andro iasana.

Ireo fitaovana voalaza etsy ambony dia tsy maintsy esorina eo noho eo amin'ny toerana.

**Andininy 353.** Ny tsy fampahafantarana, ho an'ny Fahazoan-dàlana rehetra, ny tatitra isam-potoana voafaritra tsy maintsy atao ao anatin'ny fotoana takin'ny lalàna, dia anaovana taratasy fampatsiahivana, izay mirakitra ny adidy amin'ny fampafantarana ireo antontan-taratasy ao anatin'ny roa (02) volana.

Mandra-pahavitan'ny fampanarahan-dalàna, ny tompon'ny Fahazoan-dàlana amin'ny harena an-kibon'ny tany dia tsy mahazo mamoaka *Laissez-passer*.

**Andininy 354.** Ny tsy fandoavana ny haba sy hetra manokana amin'ny vokatry ny harena an-kibon'ny tany ao anatin'ny fe-potoana telo (03) volana manomboka amin'ny datin'ny fampahafantarana ny taratasy mandidy ny fandoavana ara-dalàna mifanaraka amin'izany, dia saziana amin'ny alalan'ny fampiatoana ny asa mandritra ny fe-potoana, izay ho raiketin'ny Didim-panjakana fampiharana ity Fehezan-dalàna ity.

Amin'ny fiafaran'ny fe-potoana, raha toa ny haba sy hetra manokana dia tsy mbola voaloa, dia atao ny fanafoanana ny Fahazoan-dàlana voakasika araka ny fepetran'ny andininy faha 363 an'ity Fehezan-dalàna ity, aorian'ny fahataperan'ny fombafomba araka ny lalàna.

**Andininy 355.** Ny fanafoanana ny Fahazoan-dàlana amin'ny harena an-kibon'ny tany dia tsy manafaka ny tompony amin'ireo adidy tsy maintsy aloany amin'ny hetra sy haba manokana sy ny fanasaziana fahatarana, na izany aza, izay tsy tokony hihoatra ny 50% isan-taona amin'ny vola azo takiana.

**Andininy 356.** Ny mpanondrana ny vokatry ny harena an-kibon'ny tany sy ny vokatry ny kariera izay tsy nahatontosa ny fampodiana ny vola vahiny voalaza ao amin'ny andininy faha-332 an'ity Fehezan-dalàna ity, dia tsy mahazo manondrana na inona na inona mandrapaha-vitan'ny fampodiana an-Tanindrazana ny vola vahiny teo aloha, ankoatr'izay sazy mety hiatra arak any didy aman-dalana manan-kery.

**Andininy 357.** Ankoatry ny famaizana voafaritry ny rijantenin-dalàna manokana amin'ny sehatry ny Herisetra mifototra amin'ny maha-lahy na maha-vavy, ny Fitantanan-draharaham-panjakana dia afaka mandray fepetra ara-panjakana vonjimaika izay miaro ny niharam-boina.

**Andininy 358.** Ireo fepetra noraisin'ny Fitantanan-draharaham-panjakana misahana ny harena an-kibon'ny tany dia manokatra zo amin'ny fampiakaran-draharaha ara-panjakana.

**Andininy 359.** Ny tsy fanajana ny adidy aman'andraikitra voatanisa ato anatin'ity Toko ity dia tsy manakana ny mety ho fanenjehana ara-pamaizana.

**Andininy 360.** Ankoatr'ireo tranga voafaritra ao amin'ny andininy 347, 351 ary 354, ny fanafoanana ny Fahazoan-dàlana dia afaka raisina :

- noho ny tsy fisian'ny asa fampiroboroboana ny toeram-pitrandrahana harena an-kibon'ny tany, tsy misy fanamarinana noho ny trangan-javatra tsy azo anoharana, voaporofo roa (02) taona aorian'ny fe-potoana nahazahoana ny fanomezan-dàlana rehetra, ho an'ny PREA sy ny PE ;
- noho ny fiatoan'ny asa tsy misy fanamarinana noho ny trangan-javatra tsy azo anoharana, mandritra ny telo (03) taona ho an'ny PREA, ary mandritra ny dimy (05) taona ho an'ny PE ;
- aorian'ny fisintonana tanteraka ny Fahazoan-dàlana ara-tontolo iainana mifandraika amin'ny Fahazoan-dàlana amin'ny harena an-kibon'ny tany voakasika.

**Andininy 361.** Aorian'ny fanamarinana tsy fisian'ny asa fampiroboroboana ny harena an-kibon'ny tany na ny fampiatoana ny asa tsy misy antony mazava, arahina fe-potoana fampitandremana telo (03) volana izay tsy nisy vokany, ny Fitantanan-draharaham-panjakana misahana ny harena an-kibon'ny tany dia mampandre ny BCMM izay manao avy hatrany ny fanafoanana ny Fahazoan-dàlana amin'ny harena an-kibon'ny tany, izay mitovy amin'ny natao tamin'ny fanomezana.

**Andininy 362.** Mitovy, amin'ny fanamarinana ny fisian'ny fisintonana tanteraka ny Fahazoan-dàlana ara-tontolo iainana na ny fanasaziana ny tompon'ny Fahazoan-dàlana amin'ny heloka bevava na heloka tsotra, ny Fitantanan-draharaham-panjakana dia mampahafantatra ny BCMM izay manao ny fanafoanana ny Fahazoan-dàlana amin'ny harena an-kibon'ny tany, izay mitovy amin'ny natao tamin'ny fanomezana.

**Andininy 363.** Ho an'ny fanafoanana ny Fahazoan-dàlana amin'ny harena an-kibon'ny tany, dia tanterahana arak'izao filaharana manaraka izao :

1. ireo fanamarinana ny tsy fanajana izay mety mitarika fanafoanana Fahazoan-dàlana amin'ny harena an-kibon'ny tany ;
2. ny fanaovana peta-drindrina ao amin'ny BCMM na any amin'ireo Fitaleavam-paritra na Iraisam-paritry ny Harena an-kibon'ny tany arakaraka ny zava-misy, ny lisitry ny tompon'ny Fahazoan-dàlana voasazy ;
3. ny filazana fampitandremana enim-polo (60) andro iasana atao amin'ny tompon'ny Fahazoan-dàlana sy ny fampahafantarana ireo tompon-trosa manana antoka mihantra amin'ny Fahazoan-dàlana amin'ny harena an-kibon'ny tany ;
4. ny fanasoniavana ny taratasim-panjakana manafoana ny Fahazoan-dàlana amin'ny harena an-kibon'ny tany ;
5. ny fampahafantarana ny fanapahana ny fanafoanana amin'ny voakasika sy ny fampandrenesana ny tompon-trosa manana antoka amin'ny Fahazoan-dàlana ;
6. ny firaiketana ny fanapahana ny fisintonana ao amin'ny rejisitry ny Fahazoan-dàlana nomena ;
7. ny fampandrenesana ny tompon'ny Fahazoan-dalana ;
8. ny fanaovana sonia ny Didim-pitondrana fanafoanana sy famoahana ao amin'ny *Gazetim-panjakana*.

**Andininy 364.** Ny olona am-batana sy tsy am-batana, izay nosintonina ny Fahazoan-dàlany ho fampiharana ireo fepetr'ity Fehezan-dalàna ity, dia tsy afaka hahazo Fahazoan-dàlana ara-karena an-kibon'ny tany vaovao raha tsy telo (03) taona aorian'ny daty firaiketana ny fanafoanana ao amin'ny rejisitra, tanan'ny BCMM.

**Andininy 365.** Ny fanafoanana ny Fahazoan-dàlana amin'ny harena an-kibon'ny tany dia manafoana ireo adidy aman'andraikitra miraikitra amin'ny Fahazoan-dàlana.

Ankoatr'izany, ny fanafoanana ny Fahazoan-dàlana amin'ny harena an-kibon'ny tany dia tsy manala ny tompon'ny Fahazoan-dàlana amin'ny adidy aman'andraikitra ara-tontolo iainana.

## TOKO II
## NY FANDIKAN-DALANA SY NY FAMAIZANA

**Andininy 366.** Ny atao hoe fandikan-dalàna amin'ny harena an-kibon'ny tany dia ireo fandikan-dalàna amin'ireo fepetr'ity Fehezan-dalàna ity sy ny rijantenin-dalàna fampiharana azy.

**Andininy 367.** Ireo asam-pikarohana na fitrandrahana ny akoran-karena mineraly, akora avy amin'ny kariera na sisan-karingarina, natao sy voamarina tsara, ao anatin'ny Faritra voaaro voasokajy voarara amin'ny asa momba ny harena an-kibon'ny tany, dia raisina ho heloka tsotra.

Ireo tompon'antoka voalaza amin'ilay raharaha sy ny mpiara-manatanteraka, ny mpiray tsikombakomba ary ny mpividy na mpihazona vokatra harena an-kibon'ny tany na ny sisan-karingarina azo avy amin'ny tsy ara-dalàna ity, dia voasazy iray (01) taona hatramin'ny dimy (05) taona an-tranomaizina sy lamandy dimy tapitrisa Ariary (5.000.000Ar) hatramin'ny dimam-polo tapitrisa Ariary (50.000.000 Ar), ankoatra ny onitra izay mety omen'ny Fitsarana ny niharam-boina.

Na izany aza, raha toa ka ny fihetsika voatanisa teo aloha dia natao ao anatin'ny atiala fototra na fikambanan-jiolahy mirafitra, dia raisina ho heloka bevava ary ireo tompon'antoka, ny mpiara-manatanteraka ary ny mpiray tsikombakomba amin'ilay raharaha voalaza dia saziana asa an-terivozona voafetra dimy (05) taona hatramin'ny roapolo (20) taona sy lamandy zato tapitrisa Ariary (100.000.000 Ar) hatramin'ny diman-jato tapitrisa Ariary (500.000.000Ar).

Ireo akoran-karena an-kibon'ny tany sy ny kariera, eny fa na dia ny sisan-karingarina izay notrandrahana dia tsy maintsy giazana, ary ny Fitsarana no mandidy ny fandraofana.

**Andininy 368.** Ireo tsy fanajana ny vakim-paritra amin'ny harena an-kibon'ny tany izay nomena ara-dalàna, amin'ny alalan'ny asa fizahana taratra, fikarohana na fitrandrahana harena an-kibon'ny tany raisina ho heloka tsotra ary dia saziana an-tranomaizina enina (06) volana hatramin'ny roa (02) taona ary lamandy telo hetsy Ariary (300.000 Ar) hatramin'ny folo tapitrisa Ariary (10.000.000 Ar).

Izay mety ho akoran-karena na sisan-karingarina tsy voarara, dia tsy maintsy giazana.

Na izany aza, raha toa ka ireo fihetsika voatanisa teo aloha ireo dia nataon'ny vondron'olona, izy ireo dia saziana an-tranomaizina roa (02) taona hatramin'ny dimy (05) taona sy lamandy telo hetsy Ariary (300.000 Ar) hatramin'ny roapolo tapitrisa Ariary (20.000.000 Ar).

**Andininy 369.** Ireo olona izay mitazona, mividy, mivarotra, mamezivezy na manondrana sisan-karingana voarara na voaporofo fa avy amin'ny tobin-tsisan-karingarina voasokajy ho harem-pirenena, dia voasazy an-tranomaizina iray (01) taona hatramin'ny dimy (05) taona sy lamandy telo hetsy Ariary (300.000Ar) hatramin'ny diman-jato tapitrisa Ariary (500.000.000Ar), na ny iray amin'ireo sazy ireo ihany.

Kanefa, raha ireo fandikan-dalàna rehetra voatanisa teo aloha ireo no natao tao anatin'ny varo-maizina maty paika, ny sazy an-tranomaizina na ny lamandy nodidiana dia tsy maintsy ny farany ambony amin'ny voalaza.

**Andininy 370.** Ny fanondranana ny vokatry ny harena an-kibon'ny tany, ny kariera na ny sisan-karingarina, avy amin'ny hafetsifetsena, natao tsy nisy singan-taratasy fanamarinana mifandraika, na miaraka amin'ny taratasy fanamarinana hosoka natao fanahy iniana mba hamitahana ny fitondram-panjakana mahefa, dia midika ho heloka tsotra, saziana an-tranomaizina iray (01) taona hatramin'ny dimy (05) taona sy lamandy roapolo tapitrisa Ariary (20.000.000Ar) hatramin'ny roanjato tapitrisa Ariary (200.000.000 Ar).

Na izany aza, ny raharaha voatanisa teo aloha dia natao ao anatin'ny sehatry ny varo-maizina maty paika, izy dia sokajiana ho heloka bevava ary ny tompon'antoka, ny mpiara-manatanteraka sy ny mpiray tsikombakomba, ary ireo mpandray ny vokatra azo avy amin'ny fandikan-dalàna, dia voasazy asa an-terivozona dimy (05) taona hatramin'ny folo (10) taona sy lamandy roapolo tapitrisa Ariary (20.000.000 Ar) hatramin'ny diman-jato tapitrisa Ariary (500.000.000 Ar).

Ny vokatry ny harena an-kibon'ny tany, ny kariera, na ny sisan-karingarina izay iharan'ny fandikan-dalàna dia tsy maintsy giazana, ka ny Fitsarana no mandidy ny fandraofana.

**Andininy 371.** Sokajiana ho heloka tsotra ny raharaha tanisaina manaraka ireto:

1. ny fividianana, ny fivarotana na famezivezena azy eto amin'ny Lafitanim-pirenena ny akoran-karena an-kibon'ny tany na sisan-karingarina tsy voarara, izay tsy misy singan-taratasy fanamarinana na singan-taratasy izay fanahy iniana natao tsy marina ;
2. ny fanohizana ireo asa amin'ny vakim-paritry ny akoran-karena an-kibon'ny tany iray izay efa nampihatoana, araka ny voalaza ao amin'ny Toko I amin'ity Lohateny ity ;
3. ny fihazonana tsy misy singan-taratasy fanamarinana ny akoran-karena an-kibon'ny tany, ny kariera na ny sisan-karingarina tsy voarara ;
4. ny fanambarana diso nosoratana mba hahazoana ny fanomezan-dàlana amin'ny fivezivezena na ny fanondranana ny akoran-karena an-kibon'ny tany na ny sisan-karingarina tsy voarara ;
5. ny fampivezivezena na ny fampiasana tsy ara-dalàna ny Fanomezan-dàlana Hivezivezy na ny antontan-taratasy misy *Laissez-passer* na fivarotana ny akoran-karena an-kibon'ny tany na sisan-karingarina tsy voarara ;
6. ny fihazonana, ny fividianana na ny fivarotana any an-tokantrano na ny fitetezam-baravarana akoran-karena an-kibon'ny tany na sisan-karingarina tsy voarara, amin-kahalalana ny tsy maha-ara-dalàna ny fiaviany :
   - amin'ny sehatry ny fitetezam-baravarana, ireo fitaovam-pandajana na fitaovana hafa nampiasaina tamin'ny fivarotana na tamin'ny fividianana dia tsy maintsy giazana sy ny fandraofana azy ireo izay didian'ny Fitsarana ;
   - dia toy izany koa ho an'ireo fitaovam-pitaterana nampiasaina tamin'ilay fivarotana isam-baravarana, izay an'ny tompon'antoka amin'ny fandikan-dalàna, izay giazana ho antoka amin'ny lamandy, raha tsy misy ny antoka farany ambony na ny antoka misy vola ;

7. ny fanaovana hosoka amin'ny anaran'ny akoran-karena an-kibon'ny tany na ny fanamarinana ny anarana hosoka an'ireo akoran-karena ;
8. ny fizahana-taratra, ny fikarohana na ny fitrandrahana ny akoran-karena an-kibon'ny tany na sisan-karingarina tsy voarara izay natao fanahy iniana tsy misy Fahazoan-dàlana amin'ny Harena an-kibon'ny tany na fankatoavana ara-panjakana mifanaraka amin'ny akoran-karena an-kibon'ny tany trandrahana sy amin'ny vakim-paritra voakasika ;
9. ny fanafenana ny akora-karena an-kibon'ny tany na sisan-karingarina amin'ny tanjona fanondranana.

Ny tompon'antoka, ny mpiara-manatanteraka ary ny mpiray tsikombakomba amin'ilay raharaha voalaza dia saziana iray (01) taona hatramin'ny dimy (05) taona sy lamandy dimy tapitrisa Ariary (5.000.000 Ar) hatramin'ny dimy ambiny roapolo tapitrisa Ariary (25.000.000Ar).

Ireo sazy voalaza dia ampiarahina amin'ny fanagiazana ny akora-karena na ireo sisan-karingarina tsy voarara nanaovana fandikan-dalàna na azo avy amin'ny fanaovana azy.

Ny fandraofana ny ankora-mineraly sy ny fitaovana nampiasaina nitrandrahana dia tapahan'ny Fitsarana.

**Andininy 372.** Ny fanaovana fanambarana diso natao na ny tsy filazana niniana natao mba hahazoana Fahazoan-dàlana iray amin'ny harena an-kibon'ny tany dia raisina ho heloka tsotra.

Ny tompon'antoka, ny mpiara-manatanteraka ary ny mpiray petsapetsa amin'ilay raharaha dia voasazy an-tranomaizina enina (06) volana ka hatramin'ny dimy (05) taona ary lamandy roa tapitrisa Ariary (2.000.000Ar) hatramin'ny folo tapitrisa Ariary (10.000.000 Ar).

**Andininy 373.** Ny fivarotana ny firavaka volamena tsy misy fitomboka ara-panjakana dia raisina ho fandikan-dalàna, voasazy lamandy iray hetsy Ariary (100.000Ar) isaky ny grama.

**Andininy 374.**Ny fanaovana tsinotsinona toeram-pilevenana, ny tranobe na toerana ara-kolontsaina, mandritra ny fanatanterahana ireo asa amin'ny harena an-kibon'ny tany, dia raisina ho heloka tsotra.

Ireo nanao ny heloka, ny niara-nanatanteraka sy ny mpiray tsikombakomba amin'ity raharaha ity dia voasazy lamandy iray tapitrisa Ariary (1.000.000 Ar) ka hatramin'ny folo tapitrisa ariary (10.000.000 Ar), ankoatr'ireo onitra angatahan'ny niharam-boina.

**Andininy 375.** Ny famotehana an-tsitrapo ireo sisan-karingarina dia raisina ho heloka tsotra, ka saziana an-tranomaizina iray (01) volana hatramin'ny dimy (05) volana sy lamandy telo hetsy Ariary (300.000Ar) hatramin'ny roapolo tapitrisa Ariary (20.000.000Ar).

**Andininy 376.** Ny faritra voatokana vonjimaika araka ny andininy faha 132 dia heverina toy ny vakim-paritry ny harena an-kibon'ny tany napetraka nandritra fe-potoana fanokana azy.

Ny fandikana ny voalaza eo ambony dia saziana mifanaraka amin’ny fepetran’ny andininy faha 368 an’ity Fehezan-dalàna ity.

**Andininy 377.** Raha misy ny famerenan-keloka, ny sazy an-tranomaizina dia tsy maintsy ampiharina ho an’ny fandikan-dalàna rehetra voalazan’ity Toko ity.

**Andininy 378.** Ny fandikan-dalàna rehetra tsy voafaritra ao anatin’ity Fehezan-dalàna ity dia saziana araka ny fepetran’ny lalàna ifehezan’ny isam-batan’olona.

## TOKO III
## NY FIKAROHANA SY FANAMARINANA NY FANDIKAN-DALANA

**Andininy 379.** Ny Polisin’ny Harena an-kibon’ny tany dia eo ambanin’ny fahefan’ny Minisitra misahana ny Harena an-kibon’ny tany.

Ny rafitra misahana ny Polisin’ny Harena an-kibon’ny tany dia afaka rafetin’ny mpiasa vita fianianan’ny Fitantanan-draharaham-panjakana misahana ny harena an-kibon’ny tany manana ny laharana injeniera, teknisianina ambony, mpanampy ara-tekinika manana fahaizana manokana momba ny harena an-kibon’ny tany na ny haibolan-tany, ary koa ny polisy misahana ny fandikan-dalana (OPJ).

Ireo mpiasan’ny Fitantanan-draharaham-panjakana misahana ny harena an-kibon’ny tany tsy manao fihanihanana, tsy manana ny fahefana hanao famotorana, dia afaka mifarimbona amin’ny famaizana toy ny mpanampy an’ireo mpiasa voatanisa etsy ambony.

Ny polisy misahana ny fandikan-dalana (OPJ), miasa ao amin’ny Polisy misahana ny Harena an-kibon’ny tany dia manana fahefana mahenika ny Lafin-tanin’ny Repoblika.

**Andininy 380.** Raha misy ny fandikan-dalàna izay mihatra amin’ny akoran-karena an-kibon’ny tany, ankoatr’ireo fanenjehana ataon’ireo antokon-draharaha nanamarina ny fandikan-dalàna voalaza, ny Fitantanan-draharaham-panjakana misahana ny harena an-kibon’ny tany dia ampahafantarina mba hanamarinana sy hanenjehana ny fandikan-dalàna amin’ny harena an-kibon’ny tany.

Ny vokatra voageja amin’izany dia apetraka tanteraka amin’ny Fitantanan-draharaham-panjakana misahana ny harena an-kibon’ny tany, ankoatran’ny fisian’ny fandikan-dalàna hafa anenjehana io fandikan-dalàna io.

**Andininy 381.** Ireo mpiasa voatanisa ao amin’ny andininy faha-379 dia manan-jo hikaroka sy hanamarina ireo fandikan-dalàna, hanao famotorana, hangeja sy hanao fisavana, mifanaraka amin’ny fepetry ny Fehezan-dalàna momba paik’ady heloka Malagasy, raha misy izany.

Izy ireo dia afaka misambotra sy mitazona vonjimaika ho amin’ny filan’ny famontorana savaranonando, mifanaraka amin’ireo fepetry ny Fehezan-dalàna momba paik’ady heloka Malagasy.

Ny fikarohana sy ny fanamarinana ny fandikan-dalàna dia mety hisy hatramin'ny fisavana ara-batana.

**Andininy 382.** Ny mpiasa voatanisa ao amin'ny andininy faha 379 dia tsy maintsy mitazona ny tsiambaratelon'ny asa, araka ny voalazan'ny andininy faha 378 ao amin'ny Fehezan-dalàna famaizana, ka mety iharan'ny sazy voalaza ao amin'io andininy io.

Na izany aza, ity fepetra ity dia tsy manakana :

- ny fifanakalozana zava-pantatra amin'ireo sampan-draharaha isan-karazan'ny misahana ny hetra ;
- amin'ny zava-pantatra angatahin'ny Mpitsara mpanao famotorana miandraikitra ny raharaha, izay mahakasika manokana ny fandikan-dalana enjehina, rehefa nisy fitoriana mipetraka ka misy fanadihadiana ara-pitsarana mandeha.

**Andininy 383.** Ireo manam-pahefan'ny CTD izay tsy manana ny zo hanao famotorana amin'ny lafiny fandikan-dalàna amin'ny harena an-kibon'ny tany, dia afaka manolo-tànana amin'ny fanamarinana, toy ny mpanampy.

Izy ireo dia afaka mampandre ny mpiasa voatanisan'ny andininy faha 379 an'ity Fehezan-dalàna ity.

Amin'izany, ny tatitr'izy ireo izay heverina ho toy ny toejava-pantatra, dia afaka ampiasaina ihany ho fiaingana amin'ny fanoratana ny fitanana an-tsoratra.

**Andininy 384.** Ireo olona rehetra mahafantatra ny fisian'ny fandikan-dalàna amin'ny fepetr'ity Fehezan-dalàna ity dia afaka ihany koa mampandre ireo mpiasa voatanisa ao amin'ny andininy faha 379 an'ity Fehezan-dalàna ity.

**Andininy 385.** Ireo mpiasan'ny Fitantanan-draharaham-panjakana misahana ny harena an-kibon'ny tany manana fahefana hanao fanamarinana ny fandikan-dalàna mikasika ny harena an-kibon'ny tany, dia tsy maintsy mitondra ny karatra maha mpiandraikitra azy ireo izany asa izany, ka ny modely dia raiketina ao anatin'ny Didim-panjakana fampiharana ity Fehezan-dalàna ity.

Mampiseho ilay karatra miaraka amin'ny taratasy fanirahana mifanaraka amin'ny firotsahany an-tsehatra izy ireo.

**Andininy 386.** Ny Manam-pahefana sivily sy ny solon-tenan'ny mpitandro aro voina dia hanome tolo-tànana sy fanampiana an'ireo mpiasa manana ny fahefana amin'ny fikarohana ny fandikan-dalàna ao anatin'ny fanaovana ny asan'izy ireo, isaky ny misy fiantsoana azy ireo.

**Andininy 387.** Ny fombafomba fanaovana ny fitanana an-tsoratra, ny fombafomba fanatanterahana ny fitsirihana sy ny fisavana ary koa ny fisavana ara-batana mifandraika

amin'ny fikarohana sy ny fanamarinana ny fandikan-dalàn'ny harena an-kibon'ny tany dia faritan'ny didy amam-pitsipika.

## TOKO IV
## NY FITORIANA SY FANENJEHANA

**Andininy 388.** Ny Fitsarana ao amin'ny toerana voakasika no mahefa hitsara ny heloka bevava na ny heloka tsotra faizin'ity Fehezan-dalàna ity sy ireo rijan-tenin-dalàna fampiharana azy.

Ny heloka bevava na heloka tsotra dia tsaraina araka ny paik'ady heloka manan-kery.

**Andininy 389.** Ireo fitoriana sy fanenjehana dia atao mifanaraka ny lalàna manan-kery ary atao fanapahan-kevitry ny Minisitra misahana ny Harena an-kibon'ny tany, izay afaka manendry solon-tena iray amin'izany, izy dia afaka ihany koa mirotsaka ho mpangataka onitra.

Ny Minisitra misahana ny Harena an-kibon'ny tany na ny solotenany no manao fehin-teny izay heveriny fa ilaina, na henoina amin'ny fotoam-pitsarana ho fanampiana ireo fehinteniny.

## TOKO V
## NY RAHARAHAM-PIHAVANANA

**Andininy 390.** Ireo fandikan-dalàna rehetra amin'ity Fehezan-dalàna ity sy amin'ireo rijantenin-dalàna fampiharana azy, ankoatr'ireo izay voalaza fa heloka bevava na mitarika makany amin'ny adin'ny nandika lalàna sy ny vahoaka ifotony, dia azo anaovana raharaham-pihavanana mialohan'ny fitsarana.

Ny raharaham-pihavanana mialoha ny fitsarana dia manatsahatra ny fanenjehana.

**Andininy 391.** Tsy misy raharaham-pihavanana azo ekena raha tsy manao fangatahana ny an-tsoratra ny mpandika lalàna, izay alefa amin'ny Minisitra misahana ny Harena an-kibon'ny tany.

**Andininy 392.** Ny manana fahefana manaiky ny fangatahana raharaham-pihavanana nataon'ny mpandika lalàna sy ny manana ny teny farany amin'izany, na mialoha na aorian'ny fitsarana, dia ny Minisitra misahana ny Harena an-kibon'ny tany.

Izy anefa afaka mamindra ireo fahefana ireo amin'ny alalan'ny didy amam-pitsipika.

Raha ao anatin'ny fe-potoana voafaritra, ny tentin'ny raharaham-pihavanana dia tsy voaloa ka ny mpandika lalàna tsy namoy ny raharaham-pihavanana, ny Fitantanan-draharaham-panjakana dia afaka manohy ny famoriana amin'ny alalan'ny paik'ady rehetra misy ary indrindra amin'ny alalan'ny fanerena.

**Andininy 393.** Ny famerana ny tentin'ny raharaham-pihavanana, ny fomba fikajiana ary koa ny fanitsiana, dia raiketina ao anatin'ny rijanteny fampiharana ity Fehezan-dalàna ity.

**Andininy 394.** Ny fisitrahana ny raharaham-pihavanana dia tsy azo omena mpamerin-keloka na amin'ny heloka bevava.

**Andininy 395.** Ny vokatra ankapoben'ny fanaovana raharaham-pihavanana nekena, ny varotra ampahibemaso na ny lamandy navoakan'ny Fitsarana, dia rehefa nanalana ny sara sy hetra isan-karazany mety hisy, tsinjaraina manaraka ireo fombafomba voalaza ao anatin'ny rijanteny fampiharana ity Fehezan-dalàna ity.

## TOKO VI
## NY FANAGIAZANA

**Andininy 396.** Ireo akora-mineraly nogiazana mifanaraka amin'ny Toko voalohany amin'ity Lohateny ity, dia apetraka ao amin'ny Biraon'ny Fitantanan-draharaham-panjakana misahana ny harena an-kibon'ny tany izay akaiky indrindra ny toerana nanaovana ny fanagiazana nataon'ny mpiasa, mandra-piandry ny fanapahana ny hanaovana azy ireo.

Na izany aza, ho an'ny vato sarobidy isan-karazany na ny metaly sarobidy nogiazana dia apetra any amin'ny Banky Foiben'i Madagasikara akaiky ny toerana nanaovana fanagiazana.

**Andininy 397.** Ny fitahirizana dia atao anaty fonosana na anatin'ny vata kely mihidy amin'ny fitomboka ary ampiarahina amin'ny fitanana an-tsoratra fanaterana iray voasonian'ny mpiasa izay nanao ny fanamarinana ny fandikan-dalàna, ny nanao ny hadisoana sy ny mpanatitra, ka ny dika mitovy iray dia omena ny Ministera misahana ny Tahirim-bolam-panjakana raha toa ka ny fanaterana dia natao teo anivon'ny Tahiri-bolam-panjakana.

**Andininy 398.** Ny fitahirizana dia tsy ampidirina ao anatin'ny boky fitanana kaonty.

Izy ireo dia tanana an-tsoratra ihany ao anatin'ny boky manokana voaisa takelaka sy voasonia. Heverina ho natao tamin'ny anaran'ny Ministera misahana ny Harena an-kibon'ny tany ny fandraisana azy.

**Andininy 399.** Raha toa ka ny akoran-karena nogiazana dia nijanona teo am-pelatanan'ny Fitantanan-draharaham-panjakana noho ny hadisoan'ny nandika lalàna, telo (03) volana aorian'ny fiafarana tanterakan'ny fifanolanana dia amidy ampahibemaso izy ireo.

Ny vokatry ny fivarotana dia arotsaka ao amin'ny Tahirim-bolam-panjakana mifanaraka amin'ny fepetry ny rijantenin-dalàna fampiharana ity Fehezan-dalàna ity.

**Andininy 400.** Ny dika mitovy irain'ny fitanana an-tsoratra ny fanatobiana dia tovanana ao amin'ny fitanana an-tsoratra ataon'ny mpiasa voalaza amin'ny andininy faha 379 alefa amin'ny Minisitra misahana ny Harena an-kibon'ny tany.

Ny Minisitera misahana ny Harena an-kibon'ny tany dia mitazona rejisitra voaisa ravina sy vita rango-pohy.

**Andininy 401.** Ny Minisitra misahana ny Harena an-kibon'ny tany irery, no manana ny fahafahana, aorian'ny nanaovana raharaham-pihavanana ireo raharaha ireo, mba hanalana ny fanagiazana, izay nanaovan'ny tompony fangatahana an-tsoratra.

Rehefa tsy misy ny fanaovana raharaham-pihavanana, anjaran'ny Fitsarana ny manapaka ny fanalana ny fanagiazana izany.

**TOKO VII**
**NY VOKATRA AZO AVY AMIN'NY LAMANDY, FANDRAOFANA ARY FANAOVANA RAHARAHAM-PIHAVANANA**

**Andininy 402.** Ny vokatra avy amin'ny sazy ara-bola sy ny fanagiazana dia mizaka:

- ireo sara isan-karazany ;
- ny Haba sy Hetra manokana ampiharina amin'ny vokatry ny harena an-kibon'ny tany tsy naloa ;
- ny anjaran'ny mpanao famontorana ;
- ny anjaran'ny mpanondro, raha misy izany ;
- ny Fitantanan-draharaham-panjakana misahana ny harena an-kibon'ny tany.

Ny ambim-bola, nanesorana ireo sara isan-karazany sy ny haba sy hetra manokana ampiharina amin'ny vokatry ny harena an-kibon'ny tany, dia manome ny vokatra misy azo tsinjaraina amin'ny mpanao famotorana, amin'ny mpanondro sy amin'ny Fitantanan-draharaham-panjakana misahana ny harena an-kibon'ny tany.

Ny fomba fitsinjarana azy dia atao amin'ny alalan'ny Didim-pitondran'ny Minisitra misahana ny Harena an-kibon'ny tany.

**Andininy 403.** Ny vokatry ny fampiraharahana amin'ny harena an-kibon'ny tany dia tsinjaraina amin'ny:

- ny Tetibolam-panjakana ankapobeny ;
- ny Tahirim-bola avy amin'ny harena an-kibon'ny tany anaovana fampiasam-bola ara-tsosialy sy ho an'ny Vondrom-bahoaka ifotony ;
- ny Fitantanan-draharaham-panjakana misahana ny harena an-kibon'ny tany ;
- ny mpanao famontorana ;
- ny mpanondro.

Ny fomba fizarana ny vokatry ny fampiraharahana dia atao amin'ny alalan'ny Didim-pitondrana avoakan'ny Minisitra misahana ny Harena an-kibon'ny tany.

**LOHATENY XI**

**NY KOMITY NASIONALIN'NY HARENA AN-KIBON'NY TANY**

**Andininy 404.** Atsangana ny rafitra iray ho amin'ny fifampiresahana, ny fanamorana, ny fakan-kevitra ary ny fampihavanana, antsoina hoe Komity Nasionaly momba ny Harena an-kibon'ny tany na CNM, ka ny fananganana azy dia voafaritra ao anatin'ny Didim-panjakana raisina amin'ny Filankevitry ny Governementa.

**Andininy 405.** Ny CNM dia miantoka ny fifampidinihana sy ny fiaraha-miasa amin'ny Fitondram-panjakana, etsy an-daniny, sy ny mpitondra eo anivon'ny CTD, ary ankilany, amin'ny sehatry ny tsy miankina amin'ny harena an-kibon'ny tany.

**Andininy 406.** Ny CNM dia anontaniana mba hanome ny heviny izay misy fanazavana mahakasika ireo Volavolan-dalàna rehetra, ary isaky ny ilaina, amin'ireo volavolana didim-panjakana, ifehezana ireo asa amin'ny harena an-kibon'ny tany.

**Andininy 407.** Ny CNM dia manohana ny Fitantanan-draharaham-panjakana misahana ny harena an-kibon'ny tany amin'ny famerana isam-potoana ny sandan'ny vokatra eto an-toerana amin'ny akoran-karena an-kibon'ny tany.

Ny CNM dia miandraikitra koa ny fanaraha-maso ireo asan'ny fitrandrahana vaventy amin'ny harena an-kibon'ny tany sy ny fanamorana ny fahazoana ny fanomezan-dàlana sektorialy ho an'ny mpandraharaha amin'ny harena an-kibon'ny tany.

Ny CNM amin'ny fanatanterahana ny asany izay natokana hataony, raha ilaina izany, dia afaka manangana comité *ad-hoc*.

**Andininy 408.** Ny CNM dia miantoka ny fanajana ny fitsipika mifehy ny volamena tompon'andraikitra.

**Andininy 409.** Rehefa ny fakan'ny fanjakana tany noho ny tombon-tsoan'ny besinimaro ka mahakasika vakim-paritra ny tompony Fahazoan-dàlana, ny CNM dia mpikambana ao amin'ny vaomiera ara-panjakana natsangana, ao anatin'ny fombafomba hanatanterahana ny fakan'ny fanjakana tany noho ny tombon-tsoan'ny besinimaro sy mandray anjara amin'ny asan'izy io, araka ny rijan-tenin-dalàna amam-pitsipika mifandraika amin'izany.

**LOHATENY XII**

**NY FIFANOLANANA MIFANDRAIKA AMIN'NY ASAM-PIHARIANA AMIN'NY HARENA AN-KIBON'NY TANY**

**TOKO VOALOHANY**

**NY FIFANOLANANA EO AMININ'NY SAMY OLON-TSOTRA**

**SAMPANA 1. NY FOMBAFOMBA TSY ARA-PIFANOLANANA**

**ZANA-TSAPANA 1. NY FANDRAVONANA ARA-PIHAVANANA**

**Andaniny 410.** Dia atao mialoha mba ho an'ny fandravonana ara-pihavanana manoloana ireo CTD voakasika ireo fifanolanana nateraky ny fanaovana asan'ny harena an-kibon'ny tany, ny kariera sy ny sisan-karingarina tsy voarara

Dia angalana hevitra, mba hanamorana ny fandravonana ara-pihavanana ny fifanolanana, ny Fitaleavam-paritra na iraisam-paritry ny harena an-kibon'ny tany voakasika sy ireo antokon-draharaha tokony hitondra ny fanampiany.

**Andininy 411.** Ny faharetan'ny fandravonana ara-pihavanana manoloana ireo CTD dia tsy mahazo mihoatra ny dimy ambiny folo (15) andron'ny alimanaka ao amin'ny fampidiran'ny mpiady mailaka indrindra izany.

**Andininy 412.** Ny vokatry ny fombafomba fandravonana ara-pihavanana dia raiketina amin'ny alalan'ny fitanana an-tsoratra soniavin'ireo mpandray anjara.

### ZANA-TSAMPANA 2. NY FAMPIHAVANANA

**Andininy 413.** Raha tsy misy ny fandravonana ara-pihavanana manoloana ireo CTD, ny fifanolanana voalaza ao amin'ny andininy faha - 410 dia tsy maintsy mandalo fampihavanana eo anatrehan'ny CNM.

**Andininy 414.** Ny faharetan'ny fampihavanana manoloana ny CNM dia tsy mahazo mihoatra ny telopolo (30) andron'ny alimanaka, manomboka amin'ny fampidiran'ny mpiady mailaka indrindra izany.

**Andininy 415.** Raha toa ka misy ny marimaritra iraisana, dia atao ny fitanana an-toratra manamarina ny fifanarahana soniavin'ireo mpandray anjara.

Raha toa ka tsy misy firavonana, dia atao ny fitanana an-tsoratra soniavin'ireo mpandray anjara manamarina ireo teboka tsy ifanarahana.

## SAMPANA 2. NY FITONDRANA NY RAHARAHA EO ANIVON'NY FITSARANA

**Andininy 416.** Raha toa ka misy tsy nahitam-bokany ny paik'ady voalaza amin'ny andininy faha 409 ka hatramin'ny 414, ny mpiady mailaka indrindra dia afaka mampiditra ny fifanolanana eny amin'ny fitsarana mahefa.

**Andininy 417.** Ny hevitry ny Fitantanan-draharaham-panjakana misahana ny Harena an-kibon'ny tany dia mety ho ilaina hatrany toy ny fahaizana manadihady.

Ireo saran'ny fanaovana fanadihadiana dia, amin'izany tranga izany, zakain'ireo olona voakasika amin'izany ary aloa ho an'ny Ministera misahana ny Harena an-kibon'ny tany.

**Andininy 418.** Mifanaraka amin'ny fitsipiky ny andraikitra sivily araka ny famaritan'ny Lalàna manan-kery amin'ny *Théorie Générale des Obligations*, ny tompon'antoka amin'ireo asa fitrandrahana ny harena an-kibon'ny tany na kariera dia tsy maintsy manonitra amin'ny olona rehetra izay niharam-boina vokatr'ireo asa voalaza ireo.

**TOKO II**
**NY FIFANOLANANA EO AMIN'NY OLON-TSOTRA SY NY FANJAKANA.**

**Andininy 419.** Izay olona rehetra mahatsapa ny tenany fa niharam-pahavoazana noho ny didy na fanapahan'ny Fitondram-panjakana, noraisina amin'ny fampiharana ireo fepetran'ity Fehezan-dalàna ity, dia afaka manao fangatahana ara-panjakana eo anivon'ny Fitantan-draharaham-panjakana mialohan'ny hamakiany ady eo anivon'ny fitsarana Malagasy mahefa.

**LOHATENY XIII**
**NY FEPETRA TETEZAMITA**
**TOKO VOALOHANY**
**NY FAHAZOAN-DALANA**

**SAMPANA 1. NY BOKIN'ANDRAIKITRA AMIN'NY HARENA AN-KIBON'NY TANY**

**Andininy 420.** Ny Tompon'ny Fahazoan-dàlana nomena alohan'ny daty mampanan-kery an'ity Fehezan-dalàna ity, dia manana enina (06) volana, manomboka io daty io, mba hampanarahany ny Fahazoan-dàlany amin'ny fepetra mifehy ny Bokin'andraikitra amin'ny Harena an-kibon'ny tany.

Noho izany, dia manavao ny antontan-taratasin'ny Drafi-trasany mifanaraka amin'ny *canevas* izy, araka izay voafaritry ny Fitantan-draharaham-panjakana misahana ny harena an-kibon'ny tany.

**SAMPANA 2. NY VOLA FARAFAHAKELINY TSY MAINTSY LANIANA AMIN'NY FIKAROHANA HARENA AN-KIBON'NY TANY**

**Andininy 421.** Ny tompon'ny PR manankery amin'ny vaninandro mampanan-kery an'ity Fehezan-dalàna ity, dia voatery, rehefa manavao io Fahazoan-dàlana io, tsy maintsy manome ny Vola farafahakeliny tsy maintsy laniana amin'ny Fikarohana Harena an-kibon'ny tany (CMRM), izay voasoratra ao amin'ny Lamin'Asany sy ny drafitry ny famatsiam-bolany.

**SAMPANA 3 . NY FAMPIHENANA TSIKELIKELY**

**Andininy 422.** Ireo PR anaovana fangatahana fanavaozana mihantona ao amin'ny BCMM, amin'ny daty mampanan-kery ity Fehezan-dalàna ity, dia tsy iharan'ny fampihenana tsikelikely.

Ny fampihenana tsikelikely amin'ireo Fahazoan-dàlana ireo dia tsy mihatra raha tsy amin'ny fanavaozana manaraka.

**SAMPANA 4. NY FAHARETAN'NY FAHAZOAN-DALANA**

**Andininy 423.** Ireo Fahazoan-dàlana manan-kery amin'ny daty mampanan-kery ity Fehezan-dalàna ity dia tsy manaraka ireo fe-potoana vaovao voalazan'ity Fehezan-dalàna ity raha tsy amin'ny fotoana hanavaozana azy ireo.

## TOKO II
## NY ASAM-PIHARIANA VOLAMENA

**Andininy 424.** Ireo karatry ny mpisivam-bolamena nomena talohan'ny daty mampanan-kery ity Fehezan-dalàna ity dia mbola manan-kery avokoa mandra-pahatongan'ny fahataperany.

Ny fanavaozana ireo karatra ireo dia manaraka ny fepetra mifehy izay voalaza amin'ity Fehezan-dalàna ity.

**Andininy 425.** Ny Tompon'ny *Comptoir* momba ny volamena, manan-kery amin'ny fotoana mampanan-kery ity Fehezan-dalàna ity, dia manana enim-bolana (06) hanovana ny Bokin'andraikitra manokany, miankina amin'ny fandraharahany.

**Andininy 426.** Mandram-pahatongan'ny fampandehanana ny COM, ireo anjara andraikitra izay sahaniny voalazan'ity Fehezan-dalàna ity dia sahanin'ny Antokon-draharaha misahana ny Volamena (ANOR).

## TOKO III
## NY KARIERA INDOSTRIALY

**Andininy 427.** Ireo Fanomezan-dàlana kariera manan-kery, nomen'ny Kaominina mialohan'ny mampanan-kery ity Fehezan-dalàna ity dia mijanona ho manan-kery hatrany mandra-pahatongan'ny fahataperany.

Amin'ny fahatongavan'ny fe-potoana fahataperana, ny tompon'ny Fanomezan-dàlana dia tsy maintsy manaraka ireo fepetra vaovao, mifanaraka amin'ny fisokajiana ireo kariera izay voalazan'ity Fehezan-dalàna ity.

## TOKO IV
## NY SISAN-KARINGARINA

**Andininy 428.** Ireo Fanomezan-dàlana momba ny fitrandrahana sisan-karingarina tsy voarara nomena mialohan'ny daty nampanan-kery ity Fehezan-dalàna ity dia mbola manan-kery mandra-pahatongan'ny fahataperany.

## TOKO V
## NY FAHAZOAN-DALANA HO AN'NY AKORAN-KARENA AN-KIBON'NY TANY TSY AHITANA TOBY MARO

**Andininy 429.** Ny Fitantanan-draharaham-panjakana misahana ny harena an-kibon'ny tany, raha vao manan-kery ity Fehezan-dalàna ity, dia mametraka « faritra iantsorohana natokana ho an'ny mpitrandraka artizanaly », izay hositrahan'ireo mpitrandraka akoran-karena tsy ahitana toby maro, izay nivondrona.

Ny Fahazoan-dàlana PREA avy eo dia homena ilay vondrona voalaza.

Ireo fanomezan-dàlana fitrandrahana akoran-karena tsy ahitana toby maro, nomena talohan'ny daty mampanan-kery ity Fehezan-dalàna ity, dia mbola manan-kery hatramin'ny fe-potoana manam-panan-kery azy.

Ny tompon'ny fanomezan-dàlana izay tsy maintsy mandrafitra ny vondrona, dia manana roa ambiny folo (12) volana mba hangatahana PREA.

Mandra-pahazoana ny PREA voalaza, ireo tompon'ny fanomezan-dàlana manan-kery dia mampiasa sy/na mangataka ny fanavaozana raha toa ilaina.

## TOKO VI
## NY FANGATAHANA MIHANTONA EO ANIVON'NY FITANTAN-DRAHARAHAM-PANJAKANA MISAHANA NY HARENA AN-KIBON'NY TANY

**Andininy 430.** Ireo fangatahana fanomezana, ny fanovana, sy ny fanavaozana ny Fahazoan-dàlana amin'ny harena an-kibon'ny tany, mihantona ao amin'ny BCMM amin'ny fotoana mampanan-kery ity Fehezan-dàlana ity, izay tsy maintsy manaraka ireo fepetra manokana voalazan'ireo Toko teo aloha amin'ity Lohateny ity, dia atao fanadihadiana sy kirakiraina mifanaraka amin'ireo fepetr'ity farany ity.

Toy izany koa ho an'ireo fangatahana Fanomezan-dàlana na Fankatoavana napetraka teo anivon'ireo antokon-draharaha na sampan-draharaham-pitantanana ny harena an-kibon'ny tany, mialoha ny fampiharana'ity Fehezan-dalàna ity.

**Andininy 431.** Ireo mpangataka PE rehetra dia tsy maintsy mampiseho ny antontan-taratasiny ho fanohanana ny fangatahany izay mbola mihantona ao amin'ny BCMM, ny tatitra mirakitra ny famatsiam-bola mifandraika amin'ny fandraharahana ny fitrandrahana izay kasainy.

## TOKO VII

## NY ANJARA TAMBERIM-BIDY ARA-KARENA AN-KIBON'NY TANY HO AN'NY FARITANY

**Andininy 431 sosona.** Mandrampametrahana tanteraka ny Faritany, hisy Didim-panjakana raisin'ny Filankevitry ny Minisitra izay hamaritra ny famindrana ny anjara vola amin'ny tamberim-bidy ara-karena an-kibon'ny tany izay tokony ho azy ireo.

## LOHATENY XIV
## FEPETRA FAMARANANA

**Andininy 432.** Ireo fepetra rehetra teo aloha mifanohitra amin'ity Fehezan-dalàna ity dia foana.

**Andininy 433.** Ireo fombafomba fampiharana ireo fepetr'ity Fehezan-dalàna ity dia faritana amin'ny alalan'ny didy amam-pitsipika.

**Andininy 434.** Ity Lalàna ity dia havoaka ao amin'ny *Gazetim-panjakan'ny* Repoblika.

Izany dia hotanterahina toy ny Lalàm-Panjakana.

**Antananarivo, faha-**

**NY FILOHAN'NY ANTENIMIERAMPIRENENA,**

**NY SEKRETERA,**

**RAZANAMAHASOA Christine Harijaona**

**FIZAHAN-TAKILA**


........ 11

TOKO II NY FAHAZOAN-DALANA HIKAROKA ........ 24

TOKO III NY FAHAZOAN-DALANA HITRANDRAKA ........ 26

TOKO IV NY FAHAZOAN-DALANA NATOKANA HO AN'NY MPITRANDRAKA ARTIZANALY ........ 27

TOKO V NY AKORAN-KARENA AN-KIBON'NY TANY STRATEJIKA ........ 28

TOKO VI NY FANOMEZANA SY FIOVAOVAN'NY FAHAZOAN-DALANA MIKASIKA NY HARENA AN-KIBON'NY TANY ........ 28

SAMPANA 1. NY FANOMEZANA ........ 28

SAMPANA 2. NY FANAVAOZANA: ........ 30

SAMPANA 3. NY FANOVANA FAHAZOAN-DALANA ........ 32

TOKO VII NY FIFAMPIRAHARAHANA, NY FAMINDRANA SY NY FAMOIZANA NY FAHAZOAN-DALANA. ........ 33

SAMPANA 1. NY FAMINDRANA NY FAHAZOAN-DALANA ........ 34

SAMPANA 2. NY FAMPANOFANA MBA HO TRANDRAHANA SY NY FIARAHA-MIASA ........ 34

SAMPANA 3. NY FAMOIZANA ........ 35

TOKO VIII NY FARITRA AROVANA, NY FARITRA VOATOKANA ARY NY FARITRA VOARARA ........ 36

SAMPANA 1. NY FARITRA AROVANA. ........ 36

SAMPANA 2. IREO FARITRA VOARARA ........ 37

SAMPANA 3. NY FARITRA VOATOKANA ........ 38

TOKO IX NY FAIKA AVY AMIN'NY FITRANDRAHANA HARENA AN-KIBON'NY TANY SY NY *SOUS PRODUITS* ........ 40

SAMPANA 1. NY NY FAIKA AVY AMINI'NY FITRANDRAHANA HARENA AN-KIBON'NY TANY ........ 40

SAMPANA 2. NY SOUS PRODUITS ........ 41

LOHATENY III NY FITSIPIKA MIFEHY NY VOLAMENA ........ 42

TOKO VOALOHANY NY AMIN'NY ANKAPOBENY ........ 42

TOKO II NY AMIN'NY ASA FITRANDRAHANA VOLAMENA ARTIZANALY ........ 42

SAMPANA 1. NY AMIN'NY FANIVANAM-BOLAMENA ........ 42

SAMPANA 2. NY FITRANDRAHANA VOLAMENA ........ 44

AMIN'NY FOMBA ARTIZANALY ANATY *GITES PRIMAIRES* ........ 44

SAMPANA 3. NY FANARAHAMASO ARA-PANJAKANA NY FANDRAHARAHANA VOLAMENA AMIN'NY FOMBA ARTIZANALY ........ 44

SAMPANA 4. NY FENITRA ARA-TEKINIKA, ........ 44

ARA-TONTOLO IAINANA, NY ARO VOINA SY FAHADIOVANA ........ 44

TOKO III NY FANANGONAM-BOLAMENA ... 45
SAMPANA 1. NY KARATRY NY MPANANGOM-BOKATRA ... 45
SAMPANA 2. NY MPIRAY TOMBONTSOA ... 46
TOKO IV NY *COMPTOIR* MOMBA NY VOLAMENA. ... 46
TOKO V NY FANONDRANANA VOLAMENA ... 47
TOKO VI NY FANAFARANA NY VOLAMENA ... 47
TOKO VII NY FAMETRAHANA NY TRACABILITE NY VOLAMENA ... 48
TOKO VIII NY ANDRAIKITRA MOMBA NY-VAROTRA VOLAMENA ... 48
LOHATENY IV NY FEPETRA MIFEHY NY KARIERA ... 49
TOKO VOALOHANY NY KARIERA ARTIZANALY ... 50
TOKO II NY KARIERA INDOSTRIALY ... 51
LOHATENY V NY FEPETRA MIFEHY NY SISAN-KARINGARINA SY IREO AKORA TSY AHITANA TOBY MARO ... 51
TOKO VOALOHANY NY FEPETRA MIFEHY NY SISAN-KARINGARINA ... 51
TOKO II NY AKORA TSY AHITANA TOBY MARO ... 52
LOHATENY VI NY ANDRAIKITRA MIFAMATOTRA AMIN'NY ASA FITRANDRAHANA NY HARENA AN-KIBON'NY TANY TOKO VOALOHANY NY ANKAPOBENY ... 53
TOKO II NY FIAROVANA NY TONTOLO IAINANA ... 55
TOKO III NY ARO VOINA, NY FIAROVAM-PAHASALAMANA ARY NY LOZA ATERAKY NY ASA ... 56
TOKO IV NY FIAROVANA ZO MAHA-OLONA, NY ZON'NY ANKIZY SY NY FAMETRAHANA NY FITOVIAN-JO MIFOTOTRA AMIN'NY MAHA LAHY SY MAHA VAVY EO AMIN'NY SEHATRY NY HARENA AN-KIBON'NY TANY ... 57
TOKO V NY FANORENANA SY NY FIKOJAKOJANA NY FOTODRAFITRASA ... 58
TOKO VI NY REJISTRA SY NY FANAOVANA TATITRY NY FANDRAHARAHANA ... 59
TOKO VII SARAM-PANDRAHARAHANA AMIN'NY HARENA AN-KIBON'NY TANY, ALOA ISAN-TAONA ISAKY NY EFAMIRA ... 59
TOKO VIII NY TAHIRIM-BOLA AVY AMIN'NY HARENA AN-KIBON'NY TANY HO AN'NY FAMPIASAM-BOLA ARA-TSOSIALY SY HO AN'NY VONDROM-BAHOAKA IFOTONY (FMISC) ... 61
TOKO IX IREO HABA SY HETRA MANOKANA ALAINA AMIN'NY VOKATRA HARENA AN-KIBON'NY TANY ... 62
TOKO X NY FANEKENA NY FISAFOANA ... 63
TOKOXI NY FANEKENA NY FOTO-KEVITRA SY TAKY AMIN'NY FANGARAHARANA SY NY FITANTANANA MIRINDRA ... 64
LOHATENY VII NY FIFANDRAISAN'NY TOMPON'NY FAHAZOAN-DALANA AMIN'NY TOMPON'NY TANY SY NY FIFANDRAISAN'NY SAMY TOMPON'NY FAHAZOAN-DALANA ... 64

TOKO VOALOHANY NY FIFANDRAISAN'NY TOMPONA–FAHAZOAN-DALANA AMIN'NY TOMPON'NY TANY ..... 64
TOKO II NY FIFANDRAISAN'NY SAMY TOMPONA—FAHAZOAN-DALANA AMIN'NY HARENA AN-KIBON'NY TANY ..... 67
LOHATENY VIII NY FIHAZONANA, NY FITATERANA, NY FANODINANA, NY FIVAROTANA SY NY FANONDRANANA IREO VOKATRY NY HARENA AN-KIBON'NY TANY ..... 67
TOKO VOALOHANY NY FIHAZONANA SY NY FITATERANA ..... 67
TOKO II NY FANODINANA IREO ANKORAN-KARENA AN-KIBON'NY TANY SY NY KARIERA ..... 67
TOKO III NY FIVAROTANA ..... 68
SAMPANA 1. NY AMIN'NY AN-KAPOBENY ..... 68
SAMPANA 2. NY *COMPTOIRS* N'NY VATO SAROBIDY ISAN-KARAZANY ..... 69
SAMPANA 3. NY FANONDRANANA ..... 69
LOHATENY IX NY FIANTOHANA NY FAHAMARINAN-TOERANA ..... 71
LOHATENY X NY TSY FANAJANA IREO ADIDY AMAN'ANDRAIKITRA SY NY FANDIKAN-DALANA ..... 72
TOKO VOALOHANY NY TSY FANAJANA IREO ADIDY AMAN'ANDRAIKITRA SY NY FEPETRA ARA-PANJAKANA ..... 72
TOKO II NY FANDIKAN-DALANA SY NY FAMAIZANA ..... 75
TOKO III NY FIKAROHANA SY FANAMARINANA NY FANDIKAN-DALANA ..... 79
TOKO IV NY FITORIANA SY FANENJEHANA ..... 81
TOKO V NY RAHARAHAM-PIHAVANANA ..... 81
TOKO VI NY FANAGIAZANA ..... 82
TOKO VII NY VOKATRA AZO AVY AMIN'NY LAMANDY, FANDRAOFANA ARY FANAOVANA RAHARAHAM-PIHAVANANA ..... 83
LOHATENY XI NY KOMITY NASIONALIN'NY HARENA AN-KIBON'NY TANY ..... 84
LOHATENY XII NY FIFANOLANANA MIFANDRAIKA AMIN'NY ASAM-PIHARIANA AMIN'NY HARENA AN-KIBON'NY TANY ..... 84
TOKO VOALOHANY NY FIFANOLANANA EO AMININ'NY SAMY OLON-TSOTRA ..... 84
SAMPANA 1. NY FOMBAFOMBA TSY ARA-PIFANOLANANA ..... 84
SAMPANA 2. NY FITONDRANA NY RAHARAHA EO ANIVON'NY FITSARANA ..... 85
TOKO II NY FIFANOLANANA EO AMIN'NY OLON-TSOTRA SY NY FANJAKANA. ..... 86
LOHATENY XIII NY FEPETRA TETEZAMITA ..... 86
TOKO VOALOHANY NY FAHAZOAN-DALANA ..... 86
SAMPANA 1. NY BOKIN'ANDRAIKITRA AMIN'NY HARENA AN-KIBON'NY TANY ..... 86

SAMPANA 2. NY VOLA FARAFAHAKELINY TSY MAINTSY LANIANA AMIN'NY FIKAROHANA HARENA AN-KIBON'NY TANY ... 86
SAMPANA 3 . NY FAMPIHENANA TSIKELIKELY ... 86
SAMPANA 4. NY FAHARETAN'NY FAHAZOAN-DALANA ... 86
TOKO II NY ASAM-PIHARIANA VOLAMENA ... 87
TOKO III NY KARIERA INDOSTRIALY ... 87
TOKO IV NY SISAN-KARINGARINA ... 87
TOKO V NY FAHAZOAN-DALANA HO AN'NY AKORAN-KARENA AN-KIBON'NY TANY TSY AHITANA TOBY MARO ... 88
TOKO VI NY FANGATAHANA MIHANTONA EO ANIVON'NY FITANTAN-DRAHARAHAM-PANJAKANA MISAHANA NY HARENA AN-KIBON'NY TANY 88
TOKO VII NY ANJARA TAMBERIM-BIDY ARA-KARENA AN-KIBON'NY TANY HO AN'NY FARITANY ... 88
LOHATENY XIV FEPETRA FAMARANANA ... 89